

Madagascar

Réglementation minière diverse

1. Ordonnance n° 72-048 du 18 décembre 1972	107
portant réglementation des substances explosives et détonantes.	
2. Décret n° 73-075 du 30 mars 1973	118
portant réglementation de la fabrication et de l'encartouchage des substances explosives et détonantes.	
3. Décret n° 73-076 du 30 mars 1973	131
portant réglementation des importations, exportation, cession et acquisition des substances explosives et détonantes.	
4. Décret n° 73-077 du 30 mars 1973	146
portant réglementation de l'emballage, du transport et de la manutention des substances explosives et détonantes.	
5. Décret n° 73-078 du 30 mars 1973	156
portant réglementation de la conservation des substances explosives et détonantes.	
6. Décret n° 73-079 du 30 mars 1973	170
fixant les conditions d'emploi des substances explosives et détonantes.	
7. Décret n° 73-080 du 30 mars 1973	186
portant réglementation de la destruction des substances explosives et détonantes.	
8. Décret n° 74-282 du 13 septembre 1977	190
portant protection des gisements de célestite.	
II.9. Arrêté n° 2105-MEC/SGEC/DIM/SM du 5 novembre 1975	192
fixant les conditions techniques de la conservation des substances explosives et détonantes.	
10. Ordonnance n° 88-011 du 4 mai 1973	226
autorisant la ratification de la Convention de joint-venture signée le 20 Mai 1987 entre l'Office Militaire Nationale pour les Industries Stratégiques (OMNIS) et le Bureau de Recherche Géologique et Minière (BRGM), pour l'exploration, l'exploitation et la commercialisation de la platinoïde de chromite, de corps sulfurés et substances connexes à Madagascar.	

11. Arrêté interministériel n° 679/91MIEM/ MRSTD du 8 février 1991 fixant la liste des substances minérales protégées.	227
12. Arrêté n° 680 /91- MIEM/ DMG/O du 8 février 1991 fixant la liste des substances minières.	229
13. Arrêté interministériel n° 682/91-MIEM/MC du 8 février 1991 réglementant l'exportation des substances minérales.	231
14. Décret n° 92-638 du 30 juin 1992 portant organisation et fonctionnement du Comité national des mines.	233
15. Arrêté n° 3216/94 MEN/SG/DG/DMI/SMI du 25 juillet 1994 fixant les conditions de validité d'un contrat de partenariat.	238
16. Décret n° 98-798 du 23 septembre 1998 prononçant la caducité et l'annulation des permis institués au nom de l'Etat Malagasy.	239
17. Décret n° 98-799 du 23 septembre 1998 prononçant la caducité et l'annulation des permis institués au nom de l'Etat Malagasy.	248

Régime de l'or

1. Décret n° 95-325 du 3 mai 1995 fixant le régime de l'or.	250
2. Décret n° 95-326 du 3 mai 1995 portant création du Comptoir de l'Or.	268
3. Décret n° 96-730 du 21 août 1996 portant statuts provisoires du Comptoir de l'Or.	276
4. Arrêté n° 765/96/MEM/SG/DG/DMI du 22 février 1996 portant modèles des permis miniers.	287
5. Arrêté n° 1187/96 du 15 mars 1996 relatif aux agences agréées au Comptoir de l'Or et portant définition du cahier de charges-type.	292
6. Arrêté interministériel n° 2724-MEM/MIDS du 17 mai 1996 fixant le mode de fonctionnement du Comité d'Octroi d'Agrément de collecteur d'or.	296
7. Arrêté n° 9737/96 du 5 décembre 1996 fixant les modalités de recrutement de personnel du Comptoir de l'Or.	299
8. Arrêté n° 860/97 du 5 décembre 1997 portant création d'une agence du Comptoir à Ejeda, Fivondronana d'Ampanihy, Faritany de Toliara.	300

Les valeurs carreaux-mines

- | | |
|--|------------|
| 1. Arrêté interministériel n° 3801/93 MEM/MF/MBP
du 26 juillet 1993 | 301 |
|--|------------|

Autres textes

- | | |
|--|------------|
| 1. Décret n° 67-088 du 28 février 1967
portant protection des substances minérales rares. | 307 |
| 2. Arrêté n° 895/60 du 20 mai 1960
déterminant les mesures particulières d'hygiène
et de sécurité applicables dans les mines,
chantiers de recherche minière et leurs dépendances. | 308 |
| 3. Délibération n° 58-60/AR du 8 mai 1958
fixant les règles de sécurité applicables
dans les mines et carrières. | 311 |
| 4. Arrêté n° 207-CG du 11 juin 1958
rendant exécutoire la délibération n° 58-60/AR
en date du 8 mai 1958 de l'Assemblée représentative
de Madagascar. | 329 |

II.1. ORDONNANCE N° 72-048
du 18 décembre 1972
portant réglementation des
substances explosives et dé-
tonantes (*J.O. n° 886 du*
13.1.73, p.91)

Article premier. – Sur le territoire de la République Malagasy, la fabrication, l'encartouchage, l'importation, l'exportation, la cession à titre onéreux ou gratuit, l'acquisition, la conservation, le transport, l'emploi et la destruction des substances explosives et détonantes sont régis par la présente ordonnance dont les dispositions s'appliquent également aux services et collectivités publiques à l'exclusion des forces armées qui se conformeront aux règlements les concernant.

Art. 2. – Sont désignés sous le vocable de substances explosives et détonantes, tous les explosifs ou produits susceptibles d'exploser ou de détonner, à base de nitroglycérine, de dérivés nitrates d'hydrocarbures, de chlorate ou de perchlorate, de nitrate, les poudres noires, tous les explosifs dits « SURETE » et quelle que soit leur nature, tous les corps détonants ou explosifs utilisés dans les mines, dans les carrières, dans les travaux publics, dans les travaux de recherches pétrolières, dans le génie agricole ; dans le génie civil et dans l'industrie.

II.1. HITSIVOLANA N° 72-048
tamin'ny 18 desambra 1972
mametra ny fitsipika ankapo-
beny momba ny zava-
mipoaka sy mitefoka (*Idem*)

Andininy voalohany. – Manerana ny tanin'ny Repoblika Malagasy fehezina izao hitsivolana izao ny fanamboarana zava-mipoaka sy mitefoka, ny fanaovana an-katirijy azy, ny fanafarana sy ny fanondrana an'izany, ny famarotana na ny fanomezana azy maimaim-poana, ny fividianana sy ny fitehirizana, ny fitaterana sy ny fampiasana ary ny fanapotohana azy, ka ny fepetra voalaza amin'izany dia ampiharina koa amin'ny antokondraharaham-panjakana sy ny lafimpitondram-bahoaka, tsy anisan' izany anefa ny Foloalindahy fa ny fitsipika mikasika azy ihany no harahiny.

And. 2. – Ny tondroina amin' izany hoe zava-mipoaka sy mitefoka izany dia izay zavatra fanapohana na ventin-javatra mety hi-poaka na hitefoka, voavoatra amin'ny *nitroglycerine* na nalaina tamin'ny *nitrate d'hydrocarbures*, ny *chlorates* na ny *perchlorates*, ny *nitrates*, ny vanja mainty ; ireny zava-mipoaka rehetra lazaina fa « tsy ahitan-doza » ary na inona na inona karazan'izany zava-mitefoka sy mipoaka rehetra izany ka ampiasaina amin'ny fanaovana haditany na amin'ny hadivato amin'ny asa vaventy, amin'ny asa fikarohana solitany amin'ny *génie agricole*, amin'ny *génie civil* ary amin'ny fanavaon-taozavatra.

Toutefois, le collodion et l'acide picrique circulant ou entreposé dans les récipients incombustibles de capacité unitaire inférieure à 1 Kilogramme et en lots d'un poids maximum net de 50 kilogrammes ainsi que l'oxygène liquide, les munitions et parties constituant de munitions de chasse ou de guerre, les feux d'artifice, fusées et pétards de signalisation, de protection et d'alarme échappent au domaine d'application de la présente ordonnance.

La répartition en classe des substances explosives et détonantes ainsi que les coefficients d'équivalence qui leur sont affectés sont définis par décret.

Art. 3. – Les substances explosives et détonantes visées à l'article 2 ci-dessus ne peuvent être fabriquées, encartouchées, importées, exportées, cédées à titre onéreux ou gratuit, acquises, conservées ou employées à Madagascar sans que leur type ait été au préalable agréé dans le territoire par arrêté du Ministre chargé des Mines.

TITRE PREMIER : FABRICATION ET ENCARTOUCHAGE.

Art. 4. – Nul ne peut fabriquer ni encartoucher des substances explosives ou détonantes :

- s'il n'est titulaire d'un agrément de fabrication ou d'encartou-

Kanefa tsy mba iharan'ity hitsivolana ity ny *collodion* sy ny asidra *picrique* entina mifandrindra na tehiriziana anaty fitoerany tsy lairy ny afo ka latsaka ny 1 kilaograma ny lanjany tsirairay avy ary 50 kilao raha be indrindra ny lanjany ialan'ny fonosany raha atao an'entany izy, mbanin'ny *oxygène* rano, ny faham-basy na atao faham-basim-borona na faham-basy miaramila, ny afomanga, ny tselatrafo sy ny tsipoapoaka atao amin'ny famantarana na fiarovana na fanairana.

Didim-pitondrana no mandahatra isan-tsokajiny avy ny zavamipoaka sy mitefoka mbamin'ny lanjan'isa entina manohatra azy ireo.

And. 3. – Tsy azo amboarina ireo zava-mipoaka sy mitefoka tondroin'io andininy faha-2 etsy ambony ireo, sady tsy azo atao ankatirijy izy ireo no tsy azo afarana na aondrana na amidy na omena maimaim-poana na vidiana na tehirizina na ampiasaina eto Madagasikara raha tsy efa nahazoandàlana mialoha ho eto amin'ity Ny sy ity ny karazany araka ny didim-pitondrana avy amin'ny Minisitry miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany.

FIZARANA VOALOHANY : FANAMBOARAN-JAVA- MIPOAKA SY NY FANAOVANA AZY AN-KATIRIJY.

And. 4. – Tsy azon'iza na iza atao ny manamboatra zavamipoaka na mitefoka sy ny manao azy an-*katirijy* :

- raha tsy izay nankatoavina hanamboatra na hanao an-*katirijy*

- chage de ses substances ;
- si l'usine ou atelier de fabrication ou d'encartouchage n'a été autorisé.

Art. 5. – Lorsque par suite d'un accident, d'une explosion, d'une incendie ou de toute autre cause, une usine ou un atelier de fabrication ou d'encartouchage ont été détruits ou mis momentanément hors d'usage une nouvelle autorisation est nécessaire pour les remettre en activité.

Art. 6. – Lorsqu'une usine ou un atelier de fabrication ou encartouchage sont restés inexploités pendant plus d'un an ou lorsque des modifications importantes, préalablement autorisée y sont apportées, une nouvelle autorisation est nécessaire pour les mettre en activité.

TITRE II : COMMERCE EXTERIEUR.

Art. 7. – Nul ne peut importer ou exporter des substances explosives ou détonantes s'il n'est titulaire d'un agrément d'importation.

Art. 8. – Chaque importation ou exportation doit faire l'objet d'une autorisation préalable.

- an'izany ventin-javatra izany;
- raha tsy nahazahoan-dàlana ny ozinina na trano hanamboarana na hanaovana azy ankatirijy.

And. 5. – Raha sendra trà-pahavoazana na nisy nipoaka na hai-trano na anton-javatra hafa noho izany ka potika ny ozinina na ny trano fanamboarana na fanoavana an-kiatirijy na mihelina ihany ny fotoana ahazoana mampiasa azy dia ilàna fahazoan-dàlana vaovao hafa vao azo velomina indray.

And. 6. – Raha mihoatra ny herintaona no nijanonam-potsiny tsy nampiasana ny ozinina na ny trano fanamboarana na fanoavana an-kiatirijy na raha efa nahazoan-dàlana mialoha ka nasiana farovan-javatra lehibe tao, dia ilàna fahazoan-dàlana vaovao hafa vao azo velomina indray.

FIZARANA II : VAROTRA IFANAOVANA AMIN'NY ANY IVELANY.

And. 7. – Tsy azon'iza na iza hafarana na haondrana ny ventin-javatra fanapoahana sy mitefoka raha tsy nankatoavina hanafatra na hanondrana izany izy.

And. 8. – Ilàna fahazoan-dàlana mialoha isaka ny manafatra na manondrana.

**TITRE III :
COMMERCE INTERIEUR.**

Art. 9. – Nul ne peut faire commerce des substances explosives ou détonantes s'il n'est titulaire d'un agrément de commercialisation de ces substances.

Art. 10. – Chaque acquisition de substances explosives ou détonantes doit faire l'objet d'une autorisation préalable.

Art. 11. – Les substances explosives ou détonantes ne peuvent être cédées qu'à des personnes régulièrement autorisées à les acquérir.

Art. 12. – Par dérogation à l'article 9, l'exploitant d'un dépôt ou le bénéficiaire d'un certificat de crédit de stockage peuvent être autorisés à céder à titre onéreux ou gratuit les substances explosives et détonantes non utilisées.

**TITRE IV :
CONSERVATION.**

Art. 13. – Sauf dérogations prévues par décret, nul ne peut conserver de substances explosives et détonantes hors d'un dépôt.

Art. 14. – Les caractéristiques d'installation ou d'exploitation, les normes de sécurité, les capacités des dépôts sont définies par décret.

**FIZARANA III :
VAROTRA ETO AN-TOERANA.**

And. 9. – Tsy azon'iza na iza atao varotra ny zavatra fanapoahana na mitefoka raha tsy nankataovina hivarotra izany izy.

And. 10. – Tsy maintsy aha-zoan-dàlana mialoha isaky ny mividy zavatra fanapoahana na mitefoka.

And. 11. – Tsy azo amidy ny zavatra fanapoahana sy mitefoka raha tsy amin'izay olona nomen-dàlana hividy izany.

And. 12. – Ialàna ny fampiharana ny andininy faha-9 ka mety avela hivarotra na hanome maimaim-poana zavatra fanapoahana na mitefoka tsy nampiasaina ny mpampiasa tahirin'entana amin'izany na iza olona voamarina fa mahazo manohy izany.

**FIZARANA IV :
FIKAJIANA.**

And. 13. – Afa-tsy izay fialàna amin'ny fampiharana voalazan'ny didim-panjakana, tsy azon'iza na iza tehirizina ivelan'ny toeram-panobiana azy ny zavatra fanapoahana sy ny mitefoka.

And. 14. – Didim-panjakana no manondro ny toetoetra tokony hampiavaka ny fananganana ny toeram-panobiana zavatra fanapoahana na ny fampiasana azy na ny tsy maintsy tandremana mba tsy hampidi-doza na ny fara-fahabetsahan'ny entana apetraka ao.

Art. 15. – Nul ne peut établir un dépôt, s'il n'est titulaire d'une autorisation. La mise en exploitation de ce dépôt est subordonnée à la délivrance par le service des mines, d'un certificat de conformité.

Art. 16. – Lorsque par suite d'un accident, d'une explosion, d'une incendie ou de toute autre cause, un dépôt a été détruit ou mis momentanément hors d'usage, une nouvelle autorisation est nécessaire pour le remettre en exploitation.

Art. 17. – Lorsqu'un dépôt est resté inexploité pendant plus d'un an, ou lorsque des modifications importantes y sont apportées, une nouvelle autorisation est nécessaire pour le remettre en exploitation.

**TITRE V :
EMBALLAGE,
MANUTENTION, TRANSPORT
ET EMPLOI.**

Art. 18. – L'emballage, la manutention, le transport et l'emploi des substances explosives et détonantes sont obligatoirement effectués dans les conditions fixées par les textes réglementaires.

And. 15. – Tsy azon'iza na izatao ny manangana toeram-pitobiana raha tsy nahazo alàlana . Miankina amin'ny fanomezan'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany taratasy manamarina fa mifanaraka amin'ny laoniny ny fahazoana mampiasa izany toeram-panobiana zava-mipoaka izany.

And. 16. – Raha sendra trà-pahavozana na misy mipoaka na hai-trano na anton-javatra hafa noho izany ka potika ny toeram-panobiana na mihelina ihany ny fotoana tsy ahazoana mampiasa azy dia ilàna fahazoan-dàlana vaovao hafa vao azo velomina indray.

And 17. – Raha mihoatra ny herintaona no nijanom-potsiny tsy nampiasaina ny toeram-panobiana zava-mipoaka na mitefoka, na raha nasiana fanovan-java-dehibe tao, dia ilàna fahazoan-dàlana vaovao hafa vao azo velomina indray.

**FIZARANA V :
FOMBA FAMONOSANA
SY FAMADIBADIHANA
ARY FITATERANA MBANIN'
NY FAMPIASANA AZY.**

And. 18. – Tsy maintsy atao araka ny fepetra tondroin'ny fitsipika ny fomba famonosana sy ny famadibadihana ary ny fitaterana mbanin'ny fampiasana ny zava-mipoaka na mitefoka.

TITRE VI : DESTRUCTION.

Art. 19. – Les substances explosives dont la date limite d'utilisation est dépassée doivent être détruites à l'initiative et aux frais du propriétaire sous sa responsabilité et sans qu'il puisse prétendre à indemnité.

Lorsque des agents spécialement habilités constatent le mauvais état des substances explosives et détonantes, ils en prescrivirent la destruction qui s'effectue aux frais du propriétaire sous sa responsabilité sans qu'il puisse prétendre à une indemnité.

Art. 20. – Le mode et les conditions de destruction des explosives sont fixés par décret.

TITRE VII : DISPOSITIONS DIVERSES.

Art. 21. – Les certificats et autorisations prévus par la présente ordonnance sont délivrés dans les conditions fixées par les textes réglementaires.

Ils sont strictement personnels, délivré à titre précaire et révocable, incessibles, et non susceptibles de dévolution.

Le rejet d'une demande d'agrément ou autorisation n'ouvre pour l'intéressé aucun droit à indemnité.

Art. 22. – Les agréments, certificats et autorisations peuvent être retirés en cas d'infraction aux dispositions de la présente ordon-

FIZARANA VI : FANAPOTEHANA.

And. 19. – Tsy maintsy potehina ny zavatra fanapoahana efa lany andro, ny fampiasana azy, ka ny tompony no manira-tena amin' izany sy miantoka ny lany, ary ny tenany no mizaka ny andraikitra amin'izany ka tsy azony itakiana onitra.

Raha hitan'ireo mpandraharaha nomem-pahefana manokana amin' izany fa ratsy voatra ny zavamipoaka na mitefoka, dia didiany ho potehina izany, ny tompony no miantoka ny lany ary ny tenany no mizaka ny andraikitra ka tsy azony itakiana onitra.

And. 20. – Didim-panjakana no mametra ny fomba sy ny fahazoana manapotika ny zavatra fanapoahana.

FIZARANA VII : FEPETRA SAMIHafa.

And. 21. – Ny rijan-teny voalazan'ny fitsipika no mametra izay fomba entina manome ny fankatoavana sy ny fanamarinana ary ny fahazoan-dàlana voatondro ato amin'ity hitsivolana ity.

Ho an'ny tena dia ho an'ny tena ihany no anomezana izany ary tsy raikitra fa azo foanana, tsy azo afindra amin-kafa ary tsy azo ifandovana.

Tsy ahazoan'ny mpangataka onitra mihitsy ny fandavana ny fankatovana na alàlana tadiaviny.

And. 22. – Azo tsoahina ny fankatoavana nomena, na ny fanamarinana na ny fahazoan-dàlana raha dikaina ny fepetra voalazan'

nance ou de ses textes d'application et lorsque la défense ou le maintien de l'ordre public l'exige sans que les titulaires puissent prétendre à une indemnité.

En cas de retrait d'un agrément ou d'une autorisation et après mise en demeure, le déplacement, la cession ou la destruction de mise en demeure, le déplacement, la cession ou la destruction des substances explosives ou détonantes par le titulaire de l'autorisation, peuvent être prescrits aux frais de l'intéressé dans les conditions fixées par décret.

Il en est de même pour le surplus de matière lorsque la quantité des substances explosives et détonantes à stocker dans un dépôt est supérieure à la capacité autorisée du dépôt.

Art. 23. – Les autorisations prévues par la présente ordonnance engagent dans tous les domaines l'entière responsabilité du permissionnaire notamment en cas de vol, de disparition et d'accident.

Le permissionnaire devra notamment :

- prendre toutes dispositions nécessaires pour garantir la sécurité publique ;
- veiller à ce que la quantité de substances stockées ne dépasse pas la capacité autorisée du dépôt ;
- tenir enregistrement des substances explosives et détonantes et rendre compte de tout événement dans les conditions fixées par décret.

ity hitsivolana ity na ny rijan-teny fampiharana azy ary koa raha toa ilaina izany hitandroana sy hitanana ny filaminam-bahoaka ka tsy mahazo mitaky onitra amin'izany ny tompon-javatra.

Raha tahiny voatsoaka ny fan-katoavana nomena na ny fahazoan-dàlana ka vita ny fanerena dia azo didiana hafindra toerana na hafindra tàmàna na potehina ny zava-mipoaka na mitefoka izay behirizin'ny olona nahazo alàlana ka izy no miantoka ny lany amin'izany arak'izay fomba ho feran'ny didim-panjakana.

Torak'izany ny amin'ny ambin-javatra raha toa tafahoatra noho izay nahazoan-dàlana hapetraka amin'ilay toeram-panobiana ny habetsahan'ny zava-mipoaka sy mitefoka nampirimina tao.

And. 23. – Izay olona nahazo alàlana arak'izao hitsivolana izao no mizaka tanteraka ny andraikitra rehetra momba izany, indrindra raha sendra misy mangalatra na misy very na misy voina mihatra.

Ny tsy maintsy hataon'ilay olona nahazo alàlana indrindra dia:

- izay rehetra ilaina hisorohana ny loza mety hanjò ny be sy ny maro ;
- mitandrina ndrao tafahoatra ny nahazoan-dàlana hapetraka ao amin'ilay toeram-panobiana ny habetsahan'ny zavatra angonina ao ;
- mandahatra an-tsoratra ny zava-mipoaka sy mitefoka ary mamoa-dia momba izany fitrangan-javatra rehetra araka ny fepetra tondroin'ny didim-panjakana.

**TITRE VIII :
CONTROLE DE L'ETAT.**

Art. 24. – Les titulaires des agréments et autorisations prévus par la présente ordonnance sont soumis au contrôle de l'Etat, dans les conditions fixées par décret.

**TITRE IX :
DISPOSITIONS PENALES.**

Art. 25. – Sera puni d'un emprisonnement de un à dix ans et d'une amende de 100.000 à 5.000.000 Fmg ou l'une des deux peines seulement quiconque se livrera à la fabrication ou l'encartouchage de substances explosives ou détonantes s'il n'est titulaire des agréments et autorisations prévus par la présente ordonnance.

Art. 26. – Sera puni d'un emprisonnement de un à trois ans et d'une amende de 50.000 à 1.000.000 Fmg ou l'une de ces deux peines seulement quiconque :

- importera, exportera, acquerra, cédera à titre onéreux ou gratuit des substances explosives ou détonantes sans être titulaire des agréments et autorisations prévus par la présente ordonnance ;
- détiendra ou conservera des substances explosives ou détonantes en dehors d'un dépôt, ou sans être titulaire des autorisations et certificats prévus par la présente ordonnance ;

**FIZARANA VIII :
ANDRY MASO ATAON'
NY FANJAKANA.**

And. 24. – Ataon'ny Fanjakana andry maso ny olona nankatoavina sy nomen-dàlana araka ny fepetra tondroin'ny didim-panjakana.

**FIZARANA IX :
FEPETRA FAMAIZANA.**

And. 25. – Hafaizina ahiditra an-tranomaizina herintaona ka hatramin'ny folo taona ary sazy vola 100.000 ka hatramin'ny 5.000.000 iraimbilanja malagasy, na ny anankiray amin'ireo famaizana ireo ihany izay misahana manamboatra na manao an-katirijy zava-mipoaka na mitefoka raha toa tsy mahazo ny fankatoavana sy ny fanomezan-dàlana voalazan'ity hitsivolana ity.

And. 26. – Hafaizina sy haiditra an-tranomaizina herintaona ka hatramin'ny telo taona ary sazy vola 50.000 ka hatramin'ny 1.000.000 iraimbilanja malagasy, na ny anankiray amin'ireo famaizana ireo ihany, na iza na iza :

- manafatra na manondrana, mividy na mivarotra na manome maimaim-poana zava-mipoaka na mitefoka nefa tsy nahazo ny fanomezan-dalàna voalazan'ity hitsivolana ity ;
- mitàna na mikajy zava-mipoaka na mitefoka any ivelan'ny toeram-panobiana azy, na tsy nahazo ny fanomezan-dàlana sy ny famarinana voalazan'ity hitsivolana ity ;

- transportera des substances explosives ou détonantes sans se conformer aux dispositions prévues pour ce genre de transport.
- mitatitra zava-mipoaka na mitofoka nefa tsy manaraka ny fepetra voalaza momba izany karazam-pitateran-javatra izany.

Art. 27. – Sera puni d'un emprisonnement de 5 mois à 2 ans et d'une amende de 25.000 à 500.000 Fmg ou l'une de ces deux peines seulement quiconque contreviendra aux dispositions de la présente ordonnance autres que celles sanctionnées par les articles 25 et 26 ci-dessus.

Art. 28. – Sera puni des peines de l'article 25 ci-dessus quiconque, aura, par quelque moyen que ce soit et pour passer outre aux dispositions, de la présente ordonnance, révélé, décrit ou divulgué des procédés propres à obtenir des substances explosives ou détonantes à partir de substances ou produits chimiques commercialisés, ou incité à leur fabrication.

Art. 29. – Pour l'application des articles 25, 26 et 27 ci-dessus, la tentative est punie comme le délit lui-même.

En cas de récidive, la peine d'emprisonnement sera obligatoirement prononcée.

Art. 30. – Sans préjudice des dispositions du Code des Douanes et du Code de Procédure Pénale relative à la Police Judiciaire, les infractions à la présente ordonnance sont constatées par les

And. 27. – Hohaizina sy haiditra an-tranomaizina dimy volana ka hatramin'ny roa taona ary sazy vola 25.000 ka hatramin'ny 500.000 iraimbilanja malagasy na ny anankiray amin'ireo famaizana ireo ihany na iza na iza mandika ny fepetra voalazan'ity hitsivolana ity ka hafa noho ireo faizina araka ny andininy faha-25 sy 26 etsy ambony.

And. 28. – Hohaizina araka ny sazy voalazan'ny andininy faha-25 etsy ambony na iza na iza nanambara na amin'ny fomba inona na amin'ny fomba inona ny fanao handikana ny fepetra voalazan'ity hitsivolana ity, na manorisoritra na mampihely ny fomba mety hahavitana zava-mipoaka na mitofoka avy amin'ny ventin-javatra *chimiques* fivarotra na nandrisika hanamboatra izany.

And. 29. – Rahefa mampihatra ny andininy faha-25, 26 ary 27 etsy ambony, mitovy amin'ny fandikan-dalàna ihany ny famaizana ny andrandramana handika azy.

Raha manindroany ny fandikan-dàlana, famaizana mampiditra an-tranomaizina no tsy maintsy didian-katao.

And. 30. – Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ny Bokin'ny fandin-tseranana sy ny Bokin-dalàna ahina amin'ny famaizana mikasika ny fitandroana ny filaminana ataon'ny fitsarana kanefa ny fi-

fonctionnaires et agents du Service des mines, désignés par décret et dûment assermentés.

Les constatations et la poursuite des infractions s'effectuent dans les conditions du droit commun.

Les fonctionnaires et agents du Service des mines chargés de la constatation des infractions bénéficient dans l'exercice de leurs fonctions des dispositions protectrices des articles 209 et suivants du Code Pénal.

Art. 31. – Dans le cas d'infractions aux dispositions de la présente ordonnance, il sera procédé à la saisie des substances explosives ou détonantes, dont la confiscation au profit de l'Etat ou la destruction sera ordonnée par la juridiction compétente. Cette destruction sera assurée par les soins ou sous le contrôle des fonctionnaires et agents du Service des mines, dans les conditions qui seront fixées par décret et aux frais du condamné.

TITRE X : DISPOSITIONS TRANSITOIRES.

Art. 32. – Les dispositions de la présente ordonnance entrent en application dès l'entrée en vigueur des textes pris pour son application.

Toutefois, les permissionnaires actuels, autorisés dans les conditions de la délibération

sian'ny fandikana an'ity hitsivolana ity dia hamarinin'ny mpiasam-panjakana sy ny mpandraharahan' ny harena ao an-kibon'ny tany izay didim-panjakana no hanendrena azy ary ho vita fianiana ara-dalàna.

Ny fanamarinana ny fisian'ny fandikan-dalàna sy ny fitoriana azy dia atao araka ny fepetra voalazan'ny lalana mifehy ny be sy ny maro.

Izay mpiasam-panjakana sy ny mpandraharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany ampiandraiketana ny fanamarinana ny fisian'ny fandikan-dalàna dia arovana eo ampanaovana ny asany araka ny voalazan'ny andininy faha-209 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezandalàna famaizana.

And. 31. – Raha sendra misy fandikana ny fepetra voalazan'ity hitsivolana ity, dia ho raisina ny zava-mipoaka na mitefoka ka ny manampahefana hitsara izany no mandidy ny hisarihan'ny Fanjakana azy na ny hanapotehana izany, ny mpiasam-panjakana sy ny mpandraharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany no hikarakara na hanaramaso izany fanapotehina izany araka ny fepetra ho tondroin' ny didim-panjakana ary ilay voahe-loka ho nanefa an'izany.

FIZARANA X : FEPETRA ATAO TETEZA-MITA.

And. 32. – Ampiharina ny fepetra voalazan'ity hitsivolana ity raha vao manan-kery ny rijantenin-dalàna entina mampiantra azy.

Na dia izany aza anefa mbola mahazo manohy ny asany ihany ny olona efa mahazo lalana

n°58-66/AR du 12 mai 1958 à importer, acheter, vendre et détenir des substances explosives et détonantes et à exploiter les dépôts, peuvent continuer à exercer leurs activités.

Ils devront cependant, se conformer aux dispositions de la présente ordonnance dans les six mois suivant sa mise en application.

Art. 33. – A compter de l'entrée en vigueur de la présente ordonnance, les personnes qui possèdent illégalement des substances explosives ou détonantes disposent d'un délai de trois mois pour régulariser leur situation ou mettre gratuitement les substances en cause à la disposition du Service des Mines.

Art. 34. – La délibération n° 58-66/AR du 12 mai 1958 et ses textes d'applications sont abrogés.

Art. 35. – La présente ordonnance sera publiée au *Journal officiel* de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

amin'izao fotoana izao, araka ny fepetra voalazan'ny fanapahan-kevitra laharana faha-58-66/AR tamin'ny 12 mey 1958, momba ny fanafarana, fividianana, famarotana ary fitànana zava-mipoaka sy mitefoka ary hampiasa ny toeram-pitobiana azy.

Kanefa enim-bolana aorian'ny hampiharana an'ity hitsivolana ity ry zareo dia tsy maintsy manaraka ny fepetra amin'izany.

And. 33. – Manomboka ny andro mampanan-kery an'izao hitsivolana izao, izay olona mitana tsy ara-dalàna zava-mipoaka na mitefoka any aminy dia omena telo volana hanarenany ny toe-javatra misy aminy na hanomezany maimaipoana an'ireo zavatra ireo eo am-pelatànan'ny Sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany.

And. 34. – Foana ilay fanapahan-kevitra laharana faha-58-66/AR tamin'ny 12 mey 1958 sy ireo rijan-tenin-dalàna nampiharana azy.

And. 35. – havoaka ao amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika izao hitsivolana izao.

Hotanterahina ity fa lalàmpanjakana.

II.2. DECRET N° 73-075
du 30 mars 1973
PORTANT RÉGLEMENTA-
TION DE LA FABRICATION
ET DE L'ENCARTOU-CHAGE
DES SUBSTANCES EXPLO-
SIVES ET DÉTONANTES (J.O.
N° 908 DU 05/08/73, P. 1090)

TITRE PREMIER :
AGREMENT DE FABRICATION
ET D'ENCARTOUCHAGE.

Article premier. – Nul ne peut fabriquer ou encartoucher des substances explosives ou détonantes sans avoir été au préalable agréé par décret.

Art. 2. – La demande d'agrément est établie en trois exemplaires. Elle est adressée au Ministre chargé des Mines par l'intermédiaire du Chef de la Province du lieu de résidence du demandeur.

Pour les personnes physiques, la demande doit préciser l'identité du demandeur : nom, prénoms, qualité, profession, domicile. Elle doit être accompagnée :

- d'un extrait de l'acte de naissance ;
- d'un certificat de nationalité ;
- de tous renseignements et références sur les activités antérieures et les capacités techniques et financières du demandeur ;

II.2. DIDIM-PANJAKANA N° 73-075
tamin'ny 30 martsa 1973
mametra ny fitsipika momba
ny fanamboarana sy fanavao-
zana an-katirijy ny zava-
mipoaka sy mitefoka (*Idem*)

FIZARANA VOALOHANY :
FANKATOAVANA NY FANAM-
BOARANA SY NY FANAOVANA
AN-KATIRIJY.

Andininy voalohany. – Tsy misy mahazo manamboatra na manao an-katirijy zava-mipoaka na zava-mitefoka raha tsy efa nekena mialoha izany tamin'ny alalan'ny didim-panjakana.

And. 2. – Atao kopia telo mitovy ny fangatahana ny fanekena. Avantana amin'ny Minisitra miadidy ny Harena an-kibon'ny tany izany fangatahana izany nefa ampandalovina amin'ny lehiben'ny faritany izay onenan'ny mpangataka.

Ho an'ny tsangan'olona tsirairay avy dia tsy maintsy lazaina ao amin'ny fangatahana ireto momba azy ireto : ny anarana sy ny fanampin'anarana, ny maha-izy azy, ny anton-draharahany, ny fonenany. Tsy maintsy ampiarahina amin'ny fangatahana ny :

- votoatin'ny kopia nahaterahana ;
- fanamarinana ny zompirenena zakaina ;
- filazalazana rehetra momba ny nataon'ny mpangataka teo aloha sy izay mety ho vitany ara-teknika sy ara-bola ;

- de tous renseignements sur la nature, l'importance et la destination des fabrications envisagées.

Le Chef de Province vérifie la régularité de la demande et y joint un bulletin n° 2 du casier judiciaire du demandeur.

Pour les personnes morales, la demande doit préciser la raison sociale, la forme, le siège social, la nationalité de la Société. Elle doit être accompagnée :

- d'un exemplaire à jour et certifié des statuts ;
- d'un extrait du registre de commerce et d'une copie conforme de la déclaration notariée de souscription et de versement ;
- d'un exemplaire de la liste des membres du Conseil d'Administration ou de Surveillance, des associés, gérants et directeurs ayant la signature sociale, avec pour chacune de ces personnes, leur identité complète ;
- d'un exemplaire des bilans et annexes des trois exercices précédents ;
- de tous renseignements sur l'activité passée de la demanderesse et les moyens tech-

- filazalazana rehetra momba ny toetry ny zavatra hamboarina, ny habetsahany ary ny ampiasana azy.

Hamarinin'ny lehiben'ny fari-tany ny maha-ara-dalàna ny fangatahana ary ampiarahany aminy ny taratasy fitanisan-tsazy laharana faha-2 momba ilay mpangataka.

Ho an'ny fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra kosa dia tsy maintsy lazaina ao amin'ny fangatahana ny anaran'ilay sosaiety, ny toetoetrany, ny foibe-toerany, ny firenena nihaviany. Tsy maintsy ampiarahana amin'ny fangatahana ny :

- kopian'ny fitsipi-pikambanana tsy mbola lany andro ary rohamarinina ;
- kopia iray nalaina tamin'ny rëjistrira momba ny varotra sy kopia iray, voamarina fa mitovy, nalaina tamin'ny fanambarana nataon'ny mpanora-panekena momba ny fisoratana anarana ho mpikambana sy ny fandrotsaham-bola ;
- kopian'ny lisitry ny mambry ny filan-kevi-pitondrana na ny filan-kevitra mpanao andry maso, ny mpikambana, ny mpitantana sy ny tale nomempahefana hanao sonia amin'ny anaran'ny fikambanana, ka ampiarahana amin'izany ny filazalazana feno momba ny tsirairay avy amin'ireo olona ireo ;
- kopian'ny vola niditra sy nivoaka sy ireo taratasy mitovana azy mikasika ny telo taona farany ;
- filazalazana rehetra momba ny asa nataon'ny fikambanana mpangataka tamin'ny fotoana lasa sy momba izay azony am-

niques et financiers dont elle dispose ;

- de tous renseignements sur la nature, l'importance et la destination des fabrications envisagées ;
- des pouvoirs du signataire s'il y a lieu.

Le Chef de Province vérifie la régularité de la demande et y joint un bulletin n° 2 du cassier judiciaire du président, des membres du conseil d'administration, des agents ou fondés de pouvoir.

Art. 3. – La demande accompagnée de l'avis des autorités administratives est examinée par un comité qui se réunit à l'initiative et sous la présidence du Ministre chargé des Mines ou de son représentant.

Ce comité est composé d'un représentant des Ministres chargés des Mines, de l'Industrie, de l'Intérieur, des Finances, des Forces Armées et de la Défense nationale, du commerce, des travaux publics, du plan et du travail.

TITRE II : AUTORISATION DE CONSTRUCTION D'UNE USINE OU D'UN ATELIER DE FABRICATION OU L'ENCARTOUCHAGE DE SUBSTANCES EXPLOSIVES OU DETONANTES.

Art. 4. – La demande d'autorisation de construction d'une usine ou un atelier de fabrication, d'encartouchage des substances explosives ou détonantes est adressée au Ministre chargé des

piasaina ara-teknika sy arabola ka eo am-pelatanany ;

- filazalazana rehetra momba ny toetry ny zavatra hamboarina, ny habetsahany ary ny ampiasana azy ;
- ny fahefana nomena ny mpanao sonia, raha misy izany.

Hamarinin'ny Lehiben'ny fari-tany ny maha-ara-dalana ny fangatahana, ary ampiarahany aminy ny taratasy fitanisan-tsazy laharana faha-2 momba ny mpitarika, ny mambry ny filan-kevi-pitondrana, ary ny mpitantana na ny mpiandraiki-pahefana.

And. 3. – Komity iray vorian'ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany na ny solontenany sy iarahany no mandinika ny fangatahana ampanarahana amin'ny hevitra notapahan'ny manampahefana amin'ny fitondram-panjakana.

Io komity io dia misy ny solontenan'ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany, ny Fanaovan-taozavatra, ny Atitany, ny Fitantanam-bola, ny Fiarovampirenena sy ny Foloalindahy, ny varotra, ny asa vaventy ny planina ary ny asa.

FIZARANA II : FANOMEZAN-DALANA HANORINA OZININA NA TRANO FIASANA HANAMBOARANA NA HANAOVANA AN-KATIRIZY ZAVA-MIPOAKA SY MITEFOKA.

And.4. – Ny fangatahana alalana hanorina ozinina na trano fiasana hanamboarana na anaovana an-katirijy zava-mipoaka na mitefoka dia alefa amin'ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny

Mines, par l'intermédiaire du Chef de Province du lieu de construction projetée. Elle est établie en trois exemplaires.

Chaque exemplaire est accompagné :

- d'un extrait de carte au 1/50.000^e ou au 1/100.000^e sur lequel est indiqué l'emplacement projeté ;
- d'un plan à l'échelle au 1/10.000^e représentant les abords de l'établissement dans un rayon de 3.000 mètres ;
- d'un plan d'ensemble à l'échelle du 1/10.000^e ;
- d'un plan et coupe à l'échelle du 1/50^e représentant les dispositions de l'établissement ;
- des plans à grande échelle, représentant les distributions intérieures de chaque local.

La demande doit préciser :

- la nature, la quantité, les caractéristiques, la classification et le mode de fabrication et d'encartouchage des produits ;
- les quantités maximales de matières à entreposer et à manipuler dans la fabrique ;
- la nature, le nombre et la capacité des appareils servant à la fabrication ;
- le nombre maximum d'ouvriers à employer ;
- les mesures envisagées pour assurer la sécurité et l'hygiène des travailleurs ;
- les mesures de sécurité prévues contre le vol et

tany, amin'ny alalan'ny lehiben'ny faritany kasaina hanorenana azy izany. Atao telo mitovy ny fangatahana.

Ny tsirairay avy aminy dia ampiarahina amin'ny :

- kopian'ny saritany atao 1/50.000^e na 1/100.000^e, ka voatondro ao ny toerana kasaina hanorenana ;
- planina iray, atao 1/10.000^e, mampiseho 3.000 metatra manodidina ilay trano ;
- planina iray mampiseho ny toerana ankapobeny atao 1/1.000^e ;
- planina sy sary, atao 1/50^e, mampiseho ny fombafomba fpetrak'ilay trano ;
- planina lehibe maromaro mampiseho ny fitsinjarazaran'ny tsirairay avy sy ny toetetry ny ao anatiny.

Izao avy no tsy maintsy lazaina ao amin'ny fangatahana :

- ny toetry ny zavatra ampiasaina, ny habetsahany, ny toetra tena mampiavaka azy, ny filaharany sy ny fomba hanamboarana sy hanaovana azy ankatirijy ;
- ny fara-fahabetsahan'ny akoran-javatra hatoby sy hampifangaroina ao amin'ny trano fiasàna ;
- ny karazan'ny milina enti-miasa, ny isany ary ny zakany ;
- ny fara-fahabetsahan'ny olona ampiasaina ;
- ny fitandremana heverina hatao hiantohana ny fiarovana ny mpiasa amin'ny loza hiarovana ny fahasalamany ;
- ny fitandremana heverina hatao hisorohana ny halatra sy ny

- l'incendie ;
 - les détails dans lesquels l'usine ou l'atelier doit être construit et entrer en fonctionnement ;
 - le mode et les conditions d'évacuation, d'utilisation et de traitement des eaux résiduaires ainsi que des déchets et résidus de fabrication.
- hain-trano ;
 - ny fe-potoana tsy maintsy hahavitana ny ozinina na ny trano fiasana sy hanombohana, fampiasana azy ;
 - ny fomba hamoahana, hampiasana ary hikarakarana ny rano sy ny faikan-javatra ary ny potipoti-javatra avy nampiasaina.

Art. 5. – Le Chef de Province vérifie la régularité de la demande.

Il fait procéder par le Sous-Préfet intéressé à une enquête de *commodo* et *incommodo* conformément à la réglementation en vigueur concernant les établissements dangereux et insalubres.

Le Chef de Province conserve un exemplaire du dossier et transmet les deux autres au Ministre chargé des Mines.

Art. 6. – L'autorisation de construction est accordée par décret sur proposition du Ministre chargé des Mines et après avis du Ministre chargé de l'Habitat et de l'Urbanisme.

Art. 7. – Le décret accordant l'autorisation de construire une usine ou un atelier fabricant ou encartouchant des substances explosives ou détonantes précise notamment son emplacement, la nature et les quantités maximales qui peuvent y être mises en œuvre ou emmagasinées.

And. 5. – Hamarinin'ny lehiben'ny faritany ny maha-ara-dalana ny fangatahana.

Mampanao famotorana ny lehiben'ny vakim-pileovana izy, fahalalàna na mety na tsy mety, araka ny lalàna manan-kery miakasa ny trano mety hampidi-doza sy tsy mahasalama.

Tehirizin'ny lehiben'ny faritany ny iray amin'ny antontan-taratasy, ary ny roa alefany any amin'ny Minisitra miadidy ny Harena ao ankibon'ny tany.

And. 6. – Didim-panjakana no manome alalana hanorenana ny trano fiasana, araka ny tolo-kevitra nataon'ny Minisitra miadidy ny Harena ao ankibon'ny tany, sy ny hevitra notapahiny Minisitra miadidy ny fonenana sy ny fanatsarana ny tanàna.

And. 7. – Ny didim-panjakana manome alalàna hanorenana ožnina na trano fiasana hanaovana zavatra mipoaka na mitefoka na hanovana izany an-katirijy dia tsy maintsy manondro mazava ny toeran'ny trano, ny toetry ny zavamipoaka na mitefoka azo ampiasaina na atoby ao ary ny farafahabetsahany.

Art. 8. – Le Ministre chargé des Mines peut édicter par arrêté des mesures techniques ou de sécurité spéciale que les circonstances particulières exigeraient.

Il homologue les consignes proposées par l'exploitant ou en impose de nouvelle ; toutes modifications ultérieures des consignes doivent être au préalable, approuvées par arrêté dans les mêmes formes.

Le Ministre chargé des Mines peut toujours, postérieurement à l'autorisation, prescrire des dispositions spéciales supplémentaires nécessitées par l'expérience sans que cela ouvre droit à l'indemnité pour le permissionnaire.

Le permissionnaire est tenu d'obtempérer, au cas où le règlement en vigueur viendrait à lui être imposé conformément à l'alinéa précédent. Il doit procéder dans un délai de trois mois à tous les emmanagements d'installation prescrits.

Il peut également solliciter pour son usine ou atelier, toutes les modifications de caractéristiques qui s'avéraient nécessaires.

And. 8. – Azon'ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany atao ny mamoka, amin'ny alalan'ny didim-pitondrana, fepetra manokana mikasika ny lafiny teknika na ny fiarovana ny mpiasa amin'ny loza mety hitranga, izay tsy maintsy atao noho ny antony manokana.

Ankatoaviny ny baikom-pifehezana atolotry ny tompon'ny toby, na manolotra vaovao izy ; ny fanovana rehetra atao amin'ny baikom-pifehezana amin'ny fotoana manaraka dia tsy maintsy ankatoavina mialoha amin'ny alalan'ny didim-pitondrana arak'izany fomba izany ihany.

Azon'ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany atao hatrany, aorian'ny fanomezandalana, ny manao fepetra manokana fanampiny raha hita fa ilaina araka ny fahalalana ny fandehanjavatra, nefa tsy mananjo amin'izany ilay nomen-dalana hitaky onitra.

Tsy maintsy manaiky didy ilay nahazo alalana raha misy fanovana atao amin'ny lalàna manankery, na koa misy fepetra manokana asaina tanterahina araka ny voalazan'ny andalana etsy ambony. Tsy maintsy vitainy ao anatin'ny telo volana ny fanamboarana rehetra asainy ataony.

Azony atao koa ny mangataka ny hanao fanamboarana rehetra izay hitany fa ilaina amin'ny ozininy na ny trano fiasany.

TITRE III : EXPLOITATION.

Art. 9. – L'usine ou l'atelier ne peut être mis en service qu'après autorisation délivrée par le Chef du Service des Mines sur le vu d'un procès-verbal de visite dressé par un ingénieur des mines, où il est constaté que le constructeur s'est conformé aux règlements et à l'autorisation de construire.

Il appartient au permissionnaire de solliciter de l'administration la visite prévue à l'alinéa précédent.

Cette demande doit être adressée par lettre recommandée avec accusé de réception, le Service des Mines dispose d'un délai de 15 jours pour effectuer cette visite et se prononcer.

Art. 10. – Au cas où l'exploitant ne se soumettrait pas aux prescriptions en vigueur, il est mis en demeure d'avoir à s'y soumettre. A défaut, l'autorisation d'exploiter est suspendue ou retirée par arrêté du Ministre chargé des Mines. Sans préjudice des mesures qui, en cas de danger, peuvent être prescrites immédiatement par l'agent l'ayant constaté, le déplacement, la cession ou la destruction des substances explosives entreposées, peut alors être prescrit aux frais de l'intéressé, suivant la réglementation en vigueur et sans qu'il puisse prétendre à indemnité.

FIZARANA III : FAMPIASANA NY OZININA NA NY TRANO FIASANA.

And. 9. – Tsy azo ampiasaina ny ozinina na ny trano fiasana raha tsy efa nahazoan-dalana amin'ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany, ary raha tsy efa hita ny fitanana antoratra momba ny fijerena azy izay nataon'ny *ingénieur des mines*, ka manamarina fa manaraka ny fitsipika rehetra sy izay voadidin'ny fahazoan-dalana hanorin-trano ny nanao izany.

Andraikitr'ilay nahazo alalana ny mangataka ny Fanjakana hijery ny trano araka ny voalazan'ny andalana etsy ambony.

Atao taratasy tsy very man-deha io fangatahana io ka misy ny filazana ny naharaisana azy. Manana dimy ambin'ny folo andro, hatramin'ny naharaisany io fangatahana io, ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany hanaovany izany fijerena izany sy hilazany ny heviny.

And. 10. – Terena mihitsy ny mpampiasa ny ozinina na ny trano fiasana raha sendra tsy manaja ny fepetra manan-kery. Raha tsy izany dia ampiatohina na tsoahina ny fahazoan-dalana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany. Raha sendra misy ny loza mitranga, afa-tsy ny fampiharana avy hatrany ny fepetra izay ataon'ny mpandraharaha nanamarina izany, dia mety hodidina ny famindran-toerana, ny fanolorana ho an'olon-kafa na ny fanapotehana ireo zava-mipoaka efa natoby, araka ny lalana manankery, ka ny tompony no miantoka

ny lany rehetra amin'izany, nefa tsy afaka mangataka onitra izy.

Art. 11. – Les conditions techniques générales auxquelles doivent satisfaire les usines ou ateliers fabricant ou encartouchant des substances explosives et détonantes sont fixées par arrêté ministériel.

And. 11. – Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra no mametra ny fepetra ankapobe mikasika ny lafiny teknika izay tsy maintsy tantelahina ao amin'ilay ozinina na trano fiasana fanamboarana zavamipoaka na mitefoka na fanaovana an-kitirijy.

**TITRE IV :
NOTIFICATIONS
DE L'AGREMENT,
DE L'AUTORISATION
DE CONSTRUIRE
ET DE L'AUTORISATION
D'EXPLOITER.**

**FIZARANA IV :
FAMPAHAFANTARANA
NY NANKATOAVANA
NA FANOMEZAN-DALANA
HANORINA TRANO SY FANO-
MEZAN-DALANA HAMPIASA
ILAY TRANO.**

Art. 12. – Notification de l'agrément ou de l'autorisation de construire ou de l'autorisation d'exploiter est faite par le Ministre chargé des Mines (Service des Mines) :

And. 12. – Ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany (sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany) no mampahafantatra ny nankatoavana ny fahazoan-dalana hanorina trano, na ny fahazoan-dalana hampiasa ilay trano :

- au permissionnaire ;
- aux ministères représentés au comité prévu à l'article 3 ;
- au Chef de Province, au Préfet, au Sous-Préfet ;
- au Chef des subdivisions minières.

- ny nahazo alalana ;
- ireo ministera izay manana solontena ao amin'ny komity voalazan'ny andininy faha-3 ;
- ny filohan'ny faritany, ny lehiben'ny fileovana, ny lehiben'ny vakim-pileovana ;
- ny lehiben'ny fizaran-tsampan'ny harena ao an-kibon'ny tany.

**TITRE V :
ACCIDENTS
ET INCIDENTS DIVERS.**

**FIZARANA V :
LOZA TAMPOKA
NA SAMPONA SAMIHAF.**

Art. 13. – 1° En cas d'accident provoqué par la décomposition explosive et n'ayant entraîné que des conséquences purement maté-

And. 13. – 1° Raha misy loza vokatry ny fiovàna tampoka eo amin'ny toetry ny zava-mipoaka anefa tsy miteraka fahasimbana afa-tsy amin'ny fitaovana izany, dia tsy maintsy mampandre tsy misy

rielles, le fabricant ou l'encartoucheur est tenu d'en viser sans délai, le Sous-Préfet, et, par télégramme le Chef de Province et le Chef du Service des Mines en indiquant succinctement les causes, les circonstances et les conséquences de l'accident.

2° En cas d'accident de personnes, le fabricant ou l'encartoucheur est tenu, sans préjudice des dispositions du Code de Travail d'en aviser sans délai la gendarmerie ou la police et le Sous-Préfet, et, par télégramme, le Chef de Province et le Chef du Service des Mines, en indiquant succinctement les causes, les circonstances et les conséquences de l'accident.

Le Chef de Service des Mines, ayant connaissance, d'un accident ayant entraîné la mort ou des blessures, envoie sans délai sur place un ingénieur des mines pour enquête technique.

Copie du rapport d'enquête est transmise à l'autorité judiciaire compétente.

3° En cas de vol, disparition ou manquant de substances explosives ou détonantes, le fabricant ou l'encartoucheur est tenu d'en aviser sans délai la gendarmerie ou la police et le Sous-Préfet et par télégramme le Chef de Province et le Chef du Service des Mines. Il en indique succinctement les cir-

hatak'andro ny lehiben'ny vakim-pileovana ilay mpanamboatra na ilay mpanao an-katirijy, ary mampandre an-telegrama ny lehiben'ny faritany sy ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany, ka lazainy fohifohy amin'izany ny antony nahatonga ny loza, ny andinindininy, ny zava-niseho sy ny vokany.

2° Raha misy olona iharandoza, dia voadidy ny mpanamboatra na ny mpanao an-katirijy, ankoatry ny fanatanterahana ny fepetra voalazan'ny lalàna momba ny asa, hampandre tsy misy hatak'andro ny zandarmaria na ny polisy sy ny lehiben'ny faritany sy ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany, ka lazainy fohifahy amin'izany ny nahatonga ny loza, ny andinindininy zava-niseho sy ny vokany.

Raha vao nahare ny loza rahafaty na nandratra olona ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany dia mandefa miaraka amin'izay ny ingénieur des mines any an-toerana hanao ny famotopotorana amin'ny lafiny teknika.

Alefa any amin'ny manampahefana amin'ny fitsarana tandrify azy ny kopian'ny filazalazana ny famotorana natao.

3° Raha misy halatra na fahaverezan'ny zava-mipoaka na mitafoka na tsy fahampiany, ny mpanamboatra na mpanao an-katirijy dia tsy maintsy mampandre hain-gana ny zandarmaria na ny polisy ary mandefa telegrama ny lehiben'ny faritany sy ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany. Lazainy fohifohy amin'izany ny andinindininy zava-niseho sy ny habetsaky ny

constances et l'importance.

zavatra very.

TITRE VI : CONTRÔLE DE L'ETAT.

Art. 14. – Le contrôle de l'Etat est exercé par des fonctionnaires ou militaires dûment habilités, relevant des départements compétents pour connaître des questions énumérées à l'article ci-après.

Art. 15. – Le contrôle des fabrications ou encartouchages porte notamment sur :

- la validité des autorisations ;
- la tenue des comptabilités et des écritures ;
- le respect des réglementations en vigueur concernant la fabrication, l'encartouchage des substances explosives et détonantes, et l'utilisation des matières premières importées ;
- la conformité des caractéristiques des substances fabriquées ou encartouchées avec celle mentionnées sur l'auto-risation ;
- les conditions techniques dans lesquelles s'effectue la fabrication ;
- la qualité des matières premières employées ;
- les conditions de stockage ;
- les épreuves ou essais subis par les substances ex-

FIZARANA VI : FANARAHAMA-MASO ATAON'NY FANJAKANA.

And. 14. – Mpiasam-panjakana ary miaramila efa nomem-pahefana ary miankina amin'ny sampan-draharaha tandrify izany no mitsara ny raharaha tanisaina ao amin'ny andininy eto ambany.

And. 15. – Ny fanaraha-maso ataony fanamboarana na ny fanaovana an-katirijy, dia mikasika indrindra :

- ny hamarin'ny fahazoan-dalana ;
- ny fitanana ny kaonty sy ny fanoratana ny vola miditra sy mivoaka ;
- ny fanajana ny fitsipika manan-kery momba ny fanamboarana na fanovana an-katirijy ny zava-mipoaka na zava-mitefoka, ary ny fampiasana ireo akoran-javatra nohafarana avy any ivelany ;
- ny fitovian'ny zavatra hamboarina na atao an-katirijy amin'izay voalaza ao amin'ny fahazoan-dalana ;
- ny fomba ara-teknika anatanterahana ny fanamboarana ;
- ny hatsaran'ny akoran-javatra hampiasaina ;
- ny fomba fanatobiana azy ;
- ny fitsapana na fanandramana atao amin'ny zava-mipoaka na

- plosives et détonantes fabriquées ;
 - la production et les livraisons ;
 - les mesures prises pour assurer la protection contre le vol et l'incendie ;
 - l'affichage et l'application des consignes de sécurité ;
 - les mesures pour assurer la sécurité et l'hygiène des travailleurs.
- zava-mitefoka efa vita ;
 - ny zava-bitra sy navoaka ;
 - ny fepetra naraikitra ho fiarovana amin'ny halatra sy haintrano ;
 - ny fanaovana peta-drindrina sy ny fampiharana ny baiko omena hisorohana ny loza ;
 - ny fepetra momba ny fisorohana ny loza sy ny fahasalaman'ny mpiasa.

Art. 16. – L'exploitant est tenu de donner, en tous temps libre accès aux usines ou ateliers de fabrication ou d'encartouchage des substances explosives et détonantes aux autorités chargées du contrôle. Il doit à toute réquisition, leur communiquer les documents ou renseignements, utiles à l'exercice du contrôle.

Art. 17. – Les autorités de contrôle doivent adresser sous timbre confidentiel au Ministre chargé des Mines un procès-verbal des opérations qu'elles ont effectuées.

Des extraits du procès-verbal sont transmis aux autres Ministères intéressés pour les problèmes relevant de leur compétence.

Art. 18. – Obligation est faite aux exploitants d'adresser au Ministère des mines (Service des Mines) un état mensuel de production et de mouvement de stock.

And. 16. – Ny tompon-draharaha dia hamela malalaka na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona ny manam-pahefana miandrakitra ny fanaraha-maso, hiditra ao amin'ny ozinina na trano fanamboarana na fanaovana ankatirijy zava-mipoaka na mitefoka. Tsy maintsy omeny azy ireo, raha angatahiny, ny antontan-taratasy na filazalazana samihafa ilaina amin'ny fanaovana ny fanaraha-maso.

And. 17. – Tsy maintsy mandefa ny fitanana an-tsoratra momba ny fanaraha-maso nataony any amin'ny Minisitra miadidy ny harena ao an-kibon'ny tany ireo manam-pahefana ireo, amin'ny alalan'ny taratasy tsy azo vakin'olon-kafa.

Alefa any amin'ireo ministera hafa voakasiky ny raharaha, ny tapatapany tsoahina amin'ny fitanana an-tsoratra momba izay tandrify azy tsirairay avy.

And. 18. – Didina ny tompon-draharaha handefa any amin'ny Ministeran'ny Harena ao an-kibon'ny tany (sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany) fila-

En cas de péril imminent connu par l'un des agents visés à l'article 19 de la présente réglementation celui-ci en rend compte immédiatement au Sous-Préfet qui prend les mesures de sécurité indispensables.

TITRE VII : CONSTATATION DES INFRACTIONS.

Art. 19. – Les infractions à la présente réglementation sont recherchées et constatées par les officiers des douanes et par les agents de police judiciaire, les agents commissionnés des douanes et par les fonctionnaires et agents du Service des Mines ci-après :

- Ingénieurs du Service des Mines ;
- Chefs des Subdivisions minières ;
- Adjointes Techniques du Service des Mines.

Art. 20. – Les procès-verbaux rédigés par les fonctionnaires ou militaires sont transmis en originaux au magistrat du Ministère public territorialement compétent qui exercera, éventuellement les poursuites.

Copies des procès-verbaux sont en outre transmises à l'Etat-Major de la Défense nationale et Forces Armées, au Ministère des Mines et au Ministère de l'Intérieur.

zana isam-bolana momba ny zava-bitany sy ny habetsahan-javatra atobiny.

Raha misy loza mananontanona hitan'ireo manam-pahefana voalaza ao amin'ny andininy faha-19 amin'izao fitsipika izao, dia tsy maintsy mampandre haingana ny lehiben'ny vakim-pileovana izy izay mandray ny fepetra rehetra ilaina hisorohana izany.

FIZARANA VII : FIZAHANA FOTOTRA NY FANDIKAN-DALANA.

And. 19. – Ny fikarohana sy ny fizahana fototra ny fandikana izao didy izao dia iandreketan'ny officiers sy ny agents de police judiciaire, ny mpiasan'ny ladoany, ary ireto mpiasam-panjakana ao amin'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany lazaina manaraka ireto :

- ingénieurs ao amin'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany ;
- lehiben'ny fizaran-tsampan'ny Harena ao an-kibon'ny tany ;
- adjoints techniques amin'ny sampan-draharahan'ny Harena an-kibon'ny tany.

And. 20. – Ny matoan'ny filazana an-tsoratra nalahat'ireo mpiasam-panjakana na miaramila dia alefany any amin'ny mpitsaran'ny ministère public manam-pahefana eo an-toerana, izay hanao ny fitoriana, raha ilaina izany.

Ankoatr'izany dia alefa any amin'ny etamazaoron'ny fiarovampirenena sy ny foloalindahy, any amin'ny ministeran'ny Harena ao an-kibon'ny tany, ary any amin'ny ministeran'ny atitany ny kopian'ny

Art. 21. – Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur, le Ministre de la Défense nationale et des Forces Armées, le Ministre de la Justice, sont chargés, chacun en ce qui concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

fitanana an-tsoratra.

And. 21. – Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena sy ny Foloalindahy ary ny Minisitry ny Fitsarana no miadidy, araka izay tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao, izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

**II.3. DECRET N° 73-076
du 30 mars 1973**

portant réglementation des importations, exportations, cession et acquisition des substances explosives et détonantes (*J.O. n°908 du 5.5.73, p. 1099*)

Article premier. – Les autorisations personnelles d'importer, d'exporter des substances explosives et détonantes sont distinctes des autorisations d'exploiter des dépôts et ne sauraient en tenir lieu.

**TITRE PREMIER :
AGREMENT**

Art. 2. – Nul ne peut importer ou faire commerce de substances explosives et détonantes sans avoir été au préalable agréé par arrêté conjoint du Ministre chargé des Mines, pris après avis conforme des Ministres chargés des Finances, des Forces Armées, de l'Intérieur et du Commerce

Art. 3. – La demande en qualité d'importateur, exportateur ou commerçant de substances explosives et détonantes est établie en trois exemplaires.

Elle est adressée au Ministre chargé des Mines par l'intermédiaire du Chef de Province du lieu de résidence du demandeur.

Elle doit préciser :

**II.3. DIDIM-PANJAKANA N°73-076
tamin'ny 30 martsa 1973**

mametra ny fitsipika momba ny fanafarana zava-mipoaka sy mitefoka sy ny fanondrana, ny fivarotana ary ny fividianana azy ireo (*Idem*)

Andininy voalohany. – Ny alalana omena olona iray aha-zoany manafatra zava-mipoaka sy mitefoka na manondrana na mandafo nefa mividy izany dia hafa noho ny fahazoan-dalana hampiasa ny toeram-panobiana izany, ka tsy mahasolo azy velively.

**FIZARANA VOALOHANY :
FANKATOAVANA**

And. 2. – Tsy misy mahazo manafatra na manondrana na mandafo zava-mipoaka sy mitefoka raha tsy efa nahazo mialoha ny fankatoavan'ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany famin'ny alalan'ny didim-pitondrana, rahefa nifanara-tsaina tamin'ny Minisitra miadidy ny Fitantanam-bola ny Foloalindahy, ny Atitany ary ny Varotra.

And. 3. – Ny fangataham-pankatoavana ho mpanafatra na mpanondrana, na ho mpandafo zava-mipoaka sy mitefoka dia atao telo sosona.

Ampandalovina amin'ny filohan'ny faritany misy ny fonenan' ilay mpangataka ny fangatahana alefa amin'ny Minisitra miadidy ny Harena an-kibon'ny tany.

Izao avy no tondroina amin' izany :

1° Les nom, profession, domicile et nationalité s'il s'agit d'une personne physique, raison sociale, forme, siège social, nationalité dans le cas d'une personne morale,

2° La nature des opérations commerciales ou techniques envisagées,

3° Les pouvoirs du signataire, s'il y a lieu.

Art. 4. – Le Chef de Province vérifie la régularité de la demande et fait procéder à une enquête sur l'identité, la moralité du demandeur, ses capacités techniques et sur la nature des opérations envisagées.

Il transmet le dossier en double exemplaire avec ses propositions motivées, au Ministre chargé des Mines.

L'agrément peut être refusé. Le refus n'ouvre aucun droit à indemnité.

TITRE II : AUTORISATIONS.

CHAPITRE PREMIER : COMMERCE EXTERIEUR.

Art. 5. – Chaque importation doit faire l'objet de la part de l'importateur agréé d'une demande adressée au Service des Mines et précisant :

1° Ny anarana, ny fanampin' anarana, asa atao, fonenana ary zom-pirenena zakaina raha tsanganan'olona no mangataka, ny anaran'ny sosaiety ny karazany, ny foibem-pikambanana, ny zom-pirenena zakainy raha fikambanana mizaka zo aman' andraikitra ;

2° Ny karazam-barotra atao na ny teknika heverina hampiasaina ;

3° Ny fahefana ananan'ny tompon-tsonia, raha misy.

Art. 4. – Hamarinin'ny filoham-paritany ny maha-ara-dalàna ny fangatahana, ary asainy hanaovana famotopotorana ny momba ilay mpangataka, ny fitondran-tenany, ny fahaizany ara-teknika ary ny toetoetr'izay zavatra kasainy hatao.

Dia ampitainy amin'ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany ny antontan-taratasy roa mitovy miaraka amin'ny volavolan-keviny misy ny antonantony.

Azo lavina ny fangataham-pankatoavana. Tsy ahazoana onitra velively izany fandavana izany.

FIZARANA II : FANOMEZAN-DALANA.

TOKO VOALOHANY : VAROTRA IFANAOVANA AMIN'NY ANY IVELANY.

And. 5. – Tsy maintsy avantan'ny mpanafatra amin'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany ny fangatahana isaky ny manafatra izy ka tondroiny amin'izany :

- 1° le numéro et la date de l'arrêté de l'agrément ;
 - 2° la quantité, la nature, les caractéristiques et la classification des substances explosives et détonantes à importer ;
 - 3° le port d'embarquement à Madagascar ainsi que le bureau des douanes chargé de la vérification ;
 - 4° les nombres, types, catégorie et lieu de dépôt destiné à recevoir les substances,
- 1° ny laharana sy ny vaninandro entin'ny didim-pitondrana nankatoanvina azy ;
 - 2° ny habetsahan'ireo zava-mipoaka sy mitefoka hafarany, ny karazany, ny toetra mampivaka azy, ny sokajy misy azy ireo ;
 - 3° ny seranana hampidinana azy eto Madagasikara, ary ny biraon'ny fadin-tseranana hian-draikitra ny fanamarinana ;
 - 4° ny isany, ny modeliny, ny sokajiny ary ny toeram-panobiana hasiana ireo zavatra ireo.

Cette demande doit être accompagnée :

- d'un exposé justificatif détaillé des opérations commerciales ou techniques envisagées ;
- le cas échéant, d'un certificat de crédit de stockage. Ce certificat doit être visé par le Sous-Préfet et le Chef de Province du lieu du dépôt.

Art. 6. – Le Service des Mines délivre éventuellement une autorisation d'importation qui vaut autorisation de retrait en douane.

Art. 7. – Chaque exportation de substances explosives et détonantes doit faire l'objet de la part de l'exportateur agréé d'une demande adressée au Service des Mines et précisant :

- 1° Le numéro et la date de l'arrêté d'agrément ;

lo fangatahana io dia an-piarahana amin'ny :

- famelabelarana manamarina amin'ny antsipiriany rehetra ny zavatra kasain-katao, na arabarotra na ara-teknika ;
- ary raha ilaina, taratasy manamarina ny fahazoana manoby entana. Io taratasy fanamarinana io dia soniavin'ny lehiben'ny vakim-pileovana sy ny filoham-paritany ao amin'izay misy ny toeram-panobiana.

And. 6. – Ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'tany no manome alalana hanao ny fanafarana ary iny ihany no ahazoana maka ny entana eny antseranana.

And. 7. – Ny zava-mipoaka sy mitefoka aondran'izay nankatoavina dia tsy maintsy hanaovana fangatahana amin'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'tany ka lazainy tsara amin'izany :

- 1° ny laharana sy ny vaninandro entin'ny didim-pitondrana nankatoavana azy ;

- 2° La quantité, la nature, les caractéristiques et la classification des substances explosives et détonantes à porter ;
 - 3° Le port d'embarquement à Madagascar, ainsi que le bureau de douane chargé de la vérification ;
 - 4° Le pays de destination
- 2° ny habetsahan'ireo zavamipoaka sy mitefoka haondrana, ny toetra mampiavaka azy, ny sokajy misy azy ireo ;
 - 3° ny seranana hialany eto Madagasikara ary ny biraon'ny seranana hiandraikitra ny fanamarinana azy ;
 - 4° ny tany hivantanany.

Art. 8. – Le Service des Mines délivre éventuellement une autorisation d'exportation qui vaut une sortie

And. 8. – Ny sampan-draharahan'ny harena an-kibon'ny tany no tokony hanome ny alalana hanondranana ny entana, ary iny ihany dia ahazoana mamoaka azy any ivelany.

CHAPITRE II : COMMERCE INTERIEUR.

TOKO II : VAROTRA ETO AN-TOERANA.

Art. 9. – Chaque acquisition de substances explosives et détonantes doit faire l'objet de la part du commerçant agréé d'une demande adressée au Service des Mines et précisant :

And. 9. – Tsy maintsy manao fangatahana amin'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany ny mpivarotra hankatoavina isaky ny mividy zava-mipoaka sy mitefoka ka lazainy tsara amin' izany :

- 1° le numéro et la date de l'agrément ;
- 2° la quantité, la nature, les caractéristiques et la classification des substances explosives et détonantes à acquérir ;
- 3° le nombre, le type, la catégorie et lieu de dépôt destiné à recevoir ces substances.
Le cas échéant, la demande doit être accompagnée d'un certificat de crédit de stockage. Ce certificat doit être visé par le sous-préfet et le Chef de Province du lieu du dépôt.

- 1° ny laharana ny vaninandro entin'ny fankatoavana ;
- 2° ny habetsahan'ny zavamipoaka sy mitefoka hovidiny, ny karazany, ny toetra mampiavaka azy, ny sokajy misy azy ireo ;
- 3° ny isany, ny modeliny, ny sokajiny ary ny toeram-panobiana hasiana azy ireo ;
Ary raha ilaina ny fangatahana dia ampiarahina amin'ny fanamarinana ny fahazoana manoby. Io fanamarinana io dia tsy maintsy soniavin'ny lehiben'ny vakim-pileo-vana sy ny filoham-paritany misy ny toeram-panobiana.

Art. 10. – Le Service des Mines délivre éventuellement une autorisation d'acquisition.

**CHAPITRE III :
UTILISATEUR.**

**Section I
Utilisateurs habituels**

Art. 11. – Toute personne physique ou morale qui désire utiliser habituellement des substances explosives et détonantes doit adresser une demande d'acquisition et d'utilisation au Chef du Service des Mines par l'intermédiaire du Chef de Province du lieu de résidence du demandeur. Cette demande est établie en trois exemplaires.

La pétitionnaire doit préciser dans sa demande :

- 1° les noms, prénoms, profession, domicile et nationalité s'il s'agit d'une personne physique ; raison sociale, siège social, forme, nationalité dans les cas d'une personne morale ;
- 2° la quantité, la nature, les caractéristiques et la classification des substances explosives et détonantes à acquérir ;
- 3° le nombre, le type, la catégorie et lieu de dépôts destinés à recevoir ces substances.

La demande doit être accompagnée. :

And. 10. – Ny sampan-draha-raham'ny Harena ao ankibon'ny tany no manome alalana haha-zoana mividy.

**TOKO III :
NY MPITAO.**

**Sokajy I
Ny *mazàna mpitao***

And. 11. – Rehefa mety ho tsangan'olona na fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra, ka mitady hampiasa *mazàna* ny zavampipoaka sy mitefoka dia tsy maintsy manao fangatahana ahazoana mividy sy mampiasa izany amin'ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena ao ankibon'ny tany ary ampandalovina amin'ny filoham-paritany ao amin'izay misy ny fone nan'ilay mpanao fangatahana. Ataony telo sosona io fangatahana io.

Tondroin'ny mpanao fangatahana amin'izany :

- 1° ny anarany, ny fanampin' anarany, ny asa ataony, ny fone nany, ary ny zom-pirenena zakainy raha tsangan'olona iray no mangataka ; ny anaran'ny sosaiety, ny karazany, ny foibem-pikambanana, ny zom-pirenena zakainy raha mizaka zo aman'andraikitra ;
- 2° ny habetsahan'ny zavampipoaka sy mitefoka hovidina, ny karazany, ny toetra mampivavaka azy ary ny sokajy misy azy ;
- 3° ny isany, ny modeliny, ny sokajiny ary ny toeram-panobiana asiana ireo zavatra ireo ; Ny fangatahana dia ampiara-hina amin'ny :

- 1° d'un exposé justificatif détaillé des opérations techniques envisagées ;
 - 2° le cas échéant, d'un certificat de crédit de stockage. Ce certificat doit être visé par les Sous-Préfet et le Chef de Province du lieu de dépôt ;
 - 3° des pouvoirs du signataire, s'il y a lieu.
- 1° famelabelarana manamarina amin'ny antsipiriany ny asa ara-teknika kasain-katao ;
 - 2° ary koa ny fanamarinana ny fahazoana manoby zavatra. Io fanamarinana io dia tsy maintsy soniavin'ny lehiben'ny vakim-pileovana sy ny filoham-paritany misy ny toeram-panobiana ;
 - 3° ny fahefana ananan'ny tompon-tsonia raha misy izany.

Art. 12. – Le Chef de Province vérifie la régularité de la demande et fait procéder à une enquête sur l'identité, la moralité du demandeur, ses capacités techniques et sur la nature des opérations envisagées.

Il transmet le dossier en double exemplaire au Chef du Service des Mines avec son avis, dans les délais les plus brefs .

Le Chef du Service des Mines délivre éventuellement l'autorisation. Elle est valable pour l'année civile en cours et pour l'année suivante si elle a été délivrée après le 15 octobre.

Section II **Utilisateurs occasionnels**

Art. 13. – Pour une autorisation occasionnelle de substances explosives et détonantes, il peut être délivré par le Chef de Province et à titre exceptionnel, des autorisations d'acquisition et d'utilisation de substances explosives et détonantes, dans les limites et condi-

And. 12. – Hamarinin'ny filoham-paritany ny maha-ara-dalàna ary asainy hanaovana famotopotarana ny momba ilay mpanao fangatahana, ny fitondran-tenany, ny fahaizany, ara-teknika ary ny momba ny zavatra kasainy hatao.

Ampitainy haingana dia haingana any amin'ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany ny antontan-taratasy roa mitovy, rehefa nasiany filazana izay heviny.

Ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany no hanome alalana hividy. Manan-kery mandritra iny taona diavina iny sy ny taona manaraka io fahazoan-dalana io, raha any ankoatry ny 15 oktobra no nanohezana azy.

Sokajy II **Ny mpitao tsindraindray**

And. 13. – Ny alalana omena tsindraindray momba ny zavamipoaka sy mitefoka dia azon'ny filoham-paritany noho ny antony manokana avela hovidiana sy hampiasaina na ny zavamipoaka sy mitefoka arak'ireto fetra sy andinindiny manaraka eto ambany,

tions ci-dessous, sans que le pétitionnaire soit astreint à demander une autorisation d'établir un dépôt :

- 1° La validité de l'autorisation est de deux mois à compter de la date de sa notification ;
- 2° La quantité autorisée qui doit être acquise en une seule fois ne peut excéder trente (30) kilogrammes d'explosifs, trois cent (300) détonateurs, cent vingt cinq (125) mètres de cordons détonants et trois cent (300) mètres de mèche lente ;
- 3° Le bénéficiaire doit conserver ces substances dans les conditions prévues par la réglementation en vigueur ;
- 4° Ces substances explosives et détonantes doivent être utilisées dans les trente jours qui suivent leur acquisition ;
- 5° Un compte rendu d'utilisation mentionnant obligatoirement les quantités des substances explosives et détonantes non utilisées, doit être adressé au Chef de Province au plus tard trois mois après la date de la notification de l'autorisation.

Art. 14. – La demande d'autorisation d'acquisition occasionnelle de substances explosives et détonantes est adressée au Chef de Province.

Elle doit préciser :

- 1° les noms, prénoms, profession, domicile et nationalité du demandeur, s'il s'agit d'une personne physique ; raison so-

amin'izany anefa tsy voatery hantataka hanorina toeram-panobiana ilay mpanao fangatahana :

- 1° Roa volana manomboka amin'ny vaninandro andraisana azy no mampanan-kery ny fahazoan-dalana ;
- 2° Ny habetsahan'ny zavatra ahazoan-dalana hovidina izay tsy maintsy atao indray mividy dia tsy azo atao mihoatra ny vanja mipoaka telopolo kilao (30 kg), vanja mitefoka telonjato kilao (300 kg), tady fana-poahana dimy amby roapolo amin'ny zato metatra (125 m) ary lahiny mirehitra miadana telonjato metatra (300m) ;
- 3° Araka ny fepetra voalazan'ny fitsipika manan-kery no tsy maintsy hikajian'ny tompony ireo zavatra ireo ;
- 4° Tsy maintsy hampiasaina ao anatin'ny telopolo andro aorian'ny nahazoana azy ireo zavatra ireo ;
- 5° Hisy filazana momba ny fampiasana ireo zavatra ireo, ary koa ny habetsahan'ny zavamipoaka sy mitefoka mbola tsy nampiasaina ka alefa amin'ny filoham-paritany telo volana aorian'ny nandraisana ny fahazoan-dalana hividy azy, raha ela indrindra.

And. 14. – Ny filoham-paritany no anefasana ny fangatahana hahazoana mividy tsindraindray zava-mipoaka sy mitefoka.

Tondroina mazava tsara amin'ny fangatahana :

- 1° ny anarana, ny fanampin'anarana, ny asa atao, ny fonenana ary ny zom-pirenena zakain'ilay mpanao fangatahana raha

ciale, forme, siège social, nationalité, dans le cas d'une personne morale ;

2° la quantité, la nature, les caractéristiques et la classification des substances explosives et détonantes à acquérir ;

3° l'usage prévu de ces substances.
Elle doit être accompagnée :

1° d'un extrait de la carte au 1/50.000 ou 1/100.000 indiquant l'emplacement du lieu d'utilisation ;

2° d'un croquis côté des abords du lieu d'emploi dans un rayon de 200 mètres ;

3° d'une consigne spéciale rédigée par l'utilisateur fixant les principales dispositions prévues pour le transport, la conservation, l'emploi de substances explosives et détonantes et les déroulements des opérations de tir.

Art. 15. – Pour les sociétés ou organismes privés ou publics qui ont besoin de quantités plus importantes de substances explosives et détonantes pour l'exécution des travaux déterminés, et en raison de leurs activités ou de circonstances spéciale, l'autorisation d'acquérir et d'utiliser occasionnellement des substances explosives et détonantes peut être délivrée par le Chef du Service des Mines dans les conditions suivantes :

tsangan'olona no mangataka ; anaran'ny sosaiety, ny karazany, ny foibem-pikambanana, ny zom-pirenena zakainy, raha fikambanana mizaka zo aman' andraikitra ;

2° ny habetsahan'ny zava-mipoaka sy mitefoka ho vidina ; ny karazany, ny toetra mam-piavaka azy, ary ny sokajy misy azy ireo ;

3° ny antony kasaina hampiasana ireo zavatra ireo.
Ireto avy no ampiarahina aminy :

1° kopian'ny sarintany 1/50.000 na 1/100.000 manondro ny toerana hampiasana ny vanja ;

2° ambangovangon-tsaritany ahitana hatrany amin'ny roanjato metatra manodidina ilay toerana hiasana ;

3° ny baike manokana nataon'ny mpampiasa ny vanja, izay mametra ny tokony ho karakaina indrindra momba ny fitaterana sy ny fitehirizana ary ny fampiasana ny zava-mipoaka sy mitefoka ary ny fomba fan-dehan'ny fanapoahana atao.

And. 15. – Raha misy sosaiety na sampan-draharaha tsy miankina na miankina amin'ny fanjakana mila zava-mipoaka sy mitefoka betsaka kokoa mba hami-tana asa iray efa voafaritra tsara, ary noho ny asany na noho ny antony manokana dia lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena an-kibon'ny tany no manome alalana hividiana sy hampiasana tsindraindray ny zava-mipoaka sy mitefoka araka izao fepetra manaraka izao :

- 1° La quantité ne doit pas dépasser deux cent (200) kilogrammes d'explosifs, deux mille (2000) détonateurs, huit cent soixante quinze (875) mètres de cordeaux détonantes et deux mille (2000) mètres de mèche lente ;
 - 2° La validité de l'autorisation d'achat est de trois mois à compter de la date de sa notification ;
 - 3° Les explosifs et les détonateurs doivent être transportés séparément sur le lieu d'emploi, et utilisés dans un délai de quarante huit (48) heures à partir du moment de la réception de ces substances sur le chantier, sous réserve que leur gardiennage soit effectif, de jour et de nuit ;

Toutefois, la quantité totale de substances explosives et détonantes à employer pour le travail envisagé peut être scindée en plusieurs expéditions échelonnées sur 60 jours ;
 - 4° Le permissionnaire est tenu d'adresser au Chef du Service des Mines, au plus tard cinq (5) mois après la date de notification, un compte rendu détaillé d'emploi, mentionnant obligatoirement les quantités de substances explosives et détonantes non utilisées.
- 1° Ny habetsahan'ny zava-mipoaka dia tsy mihoatra ny roanjato kilao (200kg), roa arivo kilao (2.000kg) ny zava-mitefoka, dimy amby fitopolo sy valonjato metatra (875m) ny tady fanapoahana, roa arivo metatra (2.000m) ny lahinny miadam-pirehitra ;
 - 2° Manan-kery mandritra ny telo volana aorian'ny nandraisana azy ny alalana hividianana azy ;
 - 3° Tsy azo atao indray mitatitra fa sarahina ny fitondrana mankeny amin'ny toerana hampiassana azy ny zava-mipoaka sy ny zava-mitefoka, ary tsy maintsy ampiasaina ao anatin'ny indroa andro nahatongavana teo amin'ny toeram-piasana ka tsy maintsy asiana mpiambina azy mihitsy andro aman'alina ;
Nefa kosa dia azo alefa tsikelikely ao anatin'ny enim-polo andro ny zava-mipoaka sy mitefoka rehetra efa voavoatra hamitana asa iray ;
 - 4° Afaka dimy volana, raha ela indrindra aorian'ny nahazoandàlana dia tsy maintsy abfan'ilay nahazo alalana any amin'ny lehiben'ny sampandraharahan'ny Harena ankibon'ny tany ny filazana hana-zavany amin'ny antsipiriany rehetra ny nampiasana ireo zava-mipoaka sy mitefoka ireo, dia lazainy amin'izany koa ny habetsahan'izay sisa mbola tsy nampiasaina.

Art. 16. – La demande est adressée au Chef du Service des Mines, par l'intermédiaire du Chef de Province du lieu de résidence du demandeur.

Elle doit préciser :

- 1° Les noms, prénoms, profession, domicile et nationalité du demandeur, s'il s'agit d'une personne physique ; raison sociale, forme, siège social, nationalité, dans le cas d'une personne morale ;
- 2° La quantité, la nature, les caractéristiques et la classification des substances explosives et détonantes à acquérir ;
- 3° L'usage prévu de ces substances

Elle doit être accompagnée :

- 1° d'un extrait de la carte 1/50.000^e ou 1/100.000^e indiquant l'emplacement du lieu d'utilisation ;
- 2° d'un croquis côté des abords du lieu d'emploi dans un rayon de 500 mètres ;
- 3° d'une consigne spéciale rédigée par l'utilisateur fixant les principales dispositions prévues pour le transport, la conservation, l'emploi des substances explosives et détonantes, et le déroulement des opérations de tir.

Art. 17. – Le Chef de Province vérifie la régularité de la demande. Il fait recueillir les renseignements complémentaires qu'il estime nécessaires. Il transmet la demande avec son avis au Chef du Service des Mines dans les délais les plus

And. 16. – Ampadalovina amin' ny filohan'ny faritany misy ny fone-nan'ilay mpanao fangatahana ale-fany mankamin'ny lehiben'ny sam-pan-draharahan'ny Harena an-kibon-tany.

Izao avy no lazainy amin'izany :

- 1° Ny anarana, ny fanampin'anarana, asa atao, fonenana sy ny zom-pirenena zakain'ilay mpanao fangatahana raha tsangan'olona no mangataka ilay izy ;
- 2° Ny habetsahany, ny karazany, ny toetra mampiavaka azy, ary ny sokajy misy ny zavamipoaka sy mitefoka ho vidina ;
- 3° Ny antony kasaina hampiasana ireo zavatra ireo.

Ireto avy no ampiarahina aminy :

- 1° kopian'ny saritany mirefy amin'ny 1/80.000 na 1/100.000 manondro ny toerana hampiasana azy ;
- 2° ambangovangon-tsaritany misy refiny ahitana hatrany amin'ny dimanjato metatra manodidina ilay toerana hiasana ;
- 3° ny baiko manokana nataon'ny mpampiasa ny vanja, izay mmetra ny tokony hokarakarina indrindra momba ny fitaterana sy ny fitehirizana ny zavamipoaka sy mitefoka ary ny fomba fandehan'ny fanapohana atao.

And. 17. – Hamarinin'ny filoham-paritany ny maha-ara-dalàna ny fangatahana. Dia mampaka filazalazana hafa momba ny mpanao fangatahana heverina ho mbola ilaina koa izy. Ary ampitany haingana dia haingana amin'ny

brefs.

lehiben'ny sampandraharahan'ny Harena an-kibon'ny tany, miaraka amin'ny filazana izay heviny, ny fangatahana.

**TITRE III :
NOTIFICATION
ET RETRAIT DES AGREMENTS
ET AUTORISATIONS.**

Art. 18. – Notification des agréments et autorisations prévus au présent décret est faite par l'autorité qui les a délivrés :

- au permissionnaire ;
- au Chef de Province, au préfet, au Sous-Préfet intéressés ;
- au service des douanes dans le cas d'importation ou d'exportation ;
- au Chef du Service des Mines ;
- au Chef de la subdivision minière intéressé.

Art. 19. – Les agréments ou autorisations peuvent être retirés après mise en demeure par les autorités qui les font délivrer au cas où les permissionnaires ne se soumettent pas aux prescriptions de la réglementation en vigueur.

**FIZARANA III :
FAMPANDRENESANA
SY FANESORANA
NY FANKATOAVANA
SY FANOMEZAN-DALANA.**

And. 18. – Didiana ny fampandrenesana ny fankatoa-vana sy ny fanomezan-dalana voalazan'ity didim-panjakana ity dia izay manam-pahefana manome azy ihany no manao azy :

- amin'izay mahazo alalana ;
- amin'ny filoham-paritany, ny lehiben'ny vakim-pileovana voakasik'izany ;
- amin'ny lehiben'ny seranana raha misy entana aidina na aondrana ;
- amin'ny lehiben'ny sampandraharahan'ny harena an-kibon'ny tany ;
- amin'ny lehiben'ny sokajindraharaham-paritany momba ny harena an-kibon'ny tany voakasik'izany.

And. 19. – Ny fankatoavana na ny fanomezan-dalana dia azon'izay manampahefana manome azy esorina amin'ny tompony rehefa nofeperany noho ny tsy fanarahany ny lalàna manan-kery, nefa nitohizany.

**TITRE IV :
SUBSTANCES EXPLOSIVES ET
DETONANTES NON UTILISEES.**

Art. 20. – Le bénéficiaire d'une autorisation d'acquisition de substances explosives et détonantes, qui se trouve en possession de substances explosives et détonantes dont il n'a pas l'emploi, doit obligatoirement les céder à un acquéreur régulièrement autorisé.

L'autorisation de cession est accordée sur demande du détenteur, par l'autorité administrative qui a délivré l'autorisation d'acquisition.

Si l'intéressé ne trouve pas d'acquéreur, il doit remettre ces substances au services des mines sans pouvoir prétendre à indemnité.

Art. 21. – Les prescriptions de l'article 20 sont applicables en cas de retrait d'un agrément ou d'une autorisation.

**TITRE V :
CONTROLE DE L'ETAT.**

Art. 22. – Les titulaires des agréments et autorisations prévus par le présent décret sont soumis au contrôle de l'Etat dans les conditions ci-après.

Art. 23. – Ce contrôle porte notamment sur :

- La validité des autorisations ;
- La régularité de la tenue de la comptabilité et des écritures ;
- Les conditions de conserva-

**FIZARANA IV :
NY ZAVA-MIPOAKA SY
MITEFOKA TSY NAMPIASAINA.**

And. 20. – Izay olona nahazo alàlana hividy zava-mipoaka sy mitefoka, nefa manana ambiny amin'ireo zavatra ireo izay tsy ilaina intsony, dia tsy maintsy mivarotra izany amin'izany olona nahazo alàlana ka ny tokony ho izy.

Ny fahazoan-dàlana hivarotra dia angatahin'izay olona mitàna ny vanja amin'ny manampahefana manome azy ny fahazoan-dàlana hividy.

Raha tsy mahita mpividy izy dia tsy maintsy ateriny any amin'ny sampan-draharahan'ny harena ankibon'ny tany ireo zavatra ireo, nefa tsy misy onitra azony takina amin'izany.

And. 21. – Izay voalazan'ny andininy faha-20 no ampiarina raha sendra misy fanesorana ny fankatoavana ny fahazoan-dalana.

**FIZARANA V :
ANDRY MASO
ATAON'NY FANJAKANA.**

And. 22. – Izay nakatoavina sy nomen-dalana voalazan'ity didim-panjakana ity dia hataon'ny Fanjakana andry maso arak'izao fepetra manaraka izao.

And. 23. – Izao avy no hanaovana andry maso :

- Ny fotoana nampanan-kery ny fahazoan-dalana ;
- Ny maha-ara-dalana ny fitanana kaonty sy ny boky rehetra ;
- Ny fomba fikajiana sy nano-

- tion et de stockage,
- La conformité des caractéristiques des substances explosives et détonantes importées, exportées ou acquises, avec celles mentionnées sur l'autorisation
 - Les mesures prises pour assurer la protection contre le vol, l'incendie et les intempéries ;
 - Les livraisons

Art. 24. – L'importateur, l'ex-portateur, le commerçant et les utilisateurs doivent :

- 1° tenir un cahier d'enregistrement de réceptions, expéditions, livraison ou utilisation ;
- 2° adresser au Service des Mines l'état mensuel de mouvement de stock ou un compte rendu d'utilisation ;
- 3° se soumettre aux investigations nécessaires à l'exécution du contrôle qui peut comporter l'examen des lieux, le recensement des substances explosives et détonantes et la vérification des comptabilités de toute nature ;
- 4° fournir les renseignements verbaux ou écrits qui leur sont demandés par les agents de contrôles visés à l'article 27 ci-après

Art. 25. – Obligation est faite au vendeur de substances explosives et détonantes d'établir « UN CERTIFICAT DE VENTE D'EXPLOSIFS ».

- biana azy ;
- Ny fitovizan'ny toetra ananan' ny zava-mipoaka sy mitefoka nohafarana na aondrana, na novidina amin'izay voa-tondro ao amin'ny fahazoan-dalana ;
 - Ny fitandremana atao hisorohana mba hiarovana ny halatra, ny haitrano ary ny fivadibadihan'ny toetr'andro ;
 - Ny famoahana azy.

And. 24. – Ny mpanafatra zava-mipoaka, ny mpanondrana, ny mpivarotra ary ny mpampiasa azy dia tsy maintsy :

- 1° mitana boky anoratana ny zavatra hafarana, ny zavatra aondrana ary ny zavatra avoaka na ampiasaina ;
- 2° mandefa amin'ny sampan-draharahan'ny harena ankibon'ny tany, ny toetoetry ny mivoaka sy miditra isam-bolana amin'ny zavatra mitoby sy milazalaza ny fampiasana azy ;
- 3° manaiky ny fanadihadiana ilaina amin'ny fanaovana andry maso, izay azo asiana fandinihina ny toerana ny fanisana ny zava-mipoaka sy mitefoka ary ny fanamarinana ny karazankaonty rehetra ;
- 4° manome am-bava na antsoratra ny filazalazana rehetra ilain'ny mpandraharaha mpanao andry maso izay voatondro eto amin'ity andininy faha-27 manaraka eto ity.

And. 25. – Voadidy hanao « TARATASY FANAMARINANA NY FIVAROTANA ZAVAMIPOAKA NY MPIVAROTRA ZAVAMIPOAKA SY MITEFOKA ».

Art. 26. – En cas de péril imminent reconnu par l'un des agents visés à l'article 27 de la présente réglementation, celui-ci en rend compte immédiatement au Sous-Préfet qui prend les mesures de sécurité indispensables.

TITRE VI : CONSTATATION DES INFRACTIONS.

Art. 27. – Les infractions à la présente réglementation sont recherchées et constatées par les officiers et agents de police judiciaire, les agents commissionnés des douanes et par les fonctionnaires et agents de Service des Mines ci-après :

- ingénieurs du Service des Mines,
- Chef des subdivisions minières ;
- adjoints techniques du Service des Mines.

Art. 28. – Les procès-verbaux rédigés par ces fonctionnaires ou militaires sont transmis en originaux au Magistrat du ministère public territorialement compétent qui exerce éventuellement les poursuites.

Copies des procès-verbaux sont, en outre, transmises à l'Etat-Major de la Défense nationale et des Forces Armées, au Ministère de l'Intérieur.

Art. 26. – Raha sendra misy loza mananontanona hitan'ny iray amin'ireo mpandraharaha voatondro eo amin'ny andininy faha-27 amin'ity fitsipika ity, dia tsy maintsy mampandre eo no ho eo ny lehiben'ny vakim-pileovana izy mba hanaovany fepetra rehetra ilaina hisorohana ny loza.

FIZARANA VI : FIZAHANA FOTOTRA NY FANDIKAN-DALANA.

And. 27. – Ny fikarohana sy ny fizahana fototra ny fandikana ity fitsipika ity dia sahanin'ny mpiandraikitra sy ny mpitandro ny fikarohana ny fandikan-dalana, ny mpandraharahan'ny seranana, ary ireto mpiasam-panjakana ao amin'ny sampan-draharahan'ny Harena an-kibon'ny tany ireto :

- ny Ingénieurs ao amin'ny sampandraharahan'ny Harena an-kibon'ny tany,
- ny lehiben'ny fizaram-tsampan-draharahan'ny Harena an-kibon'ny tany,
- ny adjoints techniques amin'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany.

And. 28. – Ny matoan'ny fitanana an-tsoratra ny fandikan-dalana izay alahatr'ireo mpiasam-panjakana na ny miaramila dia alefany amin'ny mpitsara mpampanoa eo an-toerana izay hanao ny fitoriana raha ilaina.

Ankoatra izany, ny kopian'ny fitanana an-tsoratra dia ampitainy amin'ny foiben'ny Fiarovam-pirenena sy ny Foloalindahy sy amin'ny minisiteran'ny Harena an-kibon'ny tany, ary ny minisiteran'ny

Atitany.

Art. 29. – Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur, le Ministre de la Défense nationale et des Forces Armées, le Ministre de la Justice, sont chargés chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

And. 29. – Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena sy ny Foloalindaahy no miandraikitra, araka izay tandrify azy avy, ny fananterahana ity didim-panjakana ity, izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan'ny Repoblika*.

**II.4. DECRET N° 73-077
DU 30 MARS 1973**

portant réglementation de l'emballage, du transport et de la manutention de substances explosives et détonantes (J.O. n° 908 du 5.5.73, p. 1099)

**TITRE PREMIER :
DISPOSITIONS GENERALES.**

Article premier. – A l'exception des déplacements à proximité immédiate des chantiers ou lieu d'emploi, tout transport à l'intérieur du territoire, de substances explosives et détonantes, doit faire l'objet d'une déclaration préalable du transport et sous emballage dans les conditions prévues par l'arrêté du Ministre chargé des Mines.

Art. 2. – La déclaration de transport, établie en cinq exemplaires doit préciser :

- les noms, ou raisons sociales et adresses de l'expéditeur, du transporteur et du destinataire ;
- la référence de l'autorisation de l'acquisition ;
- les quantités et natures des substances explosives transportées ;
- le lieu du dépôt destiné à recevoir ces substances
- le ou les modes de transports ;
- l'itinéraire et les lieux d'étapes prévus ;
- les mesures de sécurité prévues contre l'explosion, le vol, l'incendie et les intempé-

**II.4. DIDIM-PANJAKANA N° 73-077
tamin'ny 30 martsa 1973**

mametra ny fitsipika momba ny famonosana ny zava-mipoaka sy mitefoka, ny fitaterana ary ny famadi-badihana azy (Idem)

**FIZARANA VOALOHANY :
FEPETRA ANKAPOBE.**

Andininy voalohany. – Afa-tsy ny famindrana azy eo ampototry ny toeram-piasana na ny toerana hampiasana ny zava-mipoaka na mitefoka, dia tsy maintsy anaovana filazana mialoha ary fonosina araka ny fepetra voatondron'ny didim-pitondrana hataon'ny Minisitra mia-didy ny Harena an-kibon'ny tany rahefa atao ny fitaterana azy ireny eto anivon'ny Nosy.

And. 2. – Atao kopia dimy ny filazana momba ny fitaterana, ary tondroina amin'izany ny :

- anaran'ny tena na anaran'ny sosaiety sy ny fanondroana ny toeran'ny mpandefa, ny an'ny mpitatitra ary ny an'ny handefasana azy ;
- marika manondro ny fahazoan-dalàna hividy ;
- ny habetsahany sy karazan'ny zavatra taterina ;
- ny toeram-panobiana natao hivatanan'ireo zavatra ireo ;
- ny fomba fitaterana ;
- ny làlan-kizorana sy ny toerana kasaina hiantohana ;
- ny fitandremana kasaina hisorohana ny fipoahana, ny halatra, ny hai-trano ary ny fio-

ries

Art. 3. – La déclaration de transport doit être signée par l'expéditeur puis visée par le Chef du Bureau de Défense du domicile de l'expéditeur ou du lieu de départ des marchandises :

Le transporteur vérifie et certifie la conformité du chargement des marchandises énoncées sur la déclaration de transport et contre- signe les cinq exemplaires.

Dans le cas où le transport comporte des transbordements, la déclaration est valable avec la contre signature du premier transporteur jusqu'au lieu de destination, à condition qu'il soit fait mention sur cette déclaration des différents transbordements, et que les marchandises soient constamment accompagnées par un exemplaire de cette déclaration, contre-signé par tous les transporteurs successifs.

Dans les cas de transport par voie routière, l'exemplaire accompagnant les marchandises doit être présenté pour visa, à la Brigade de Gendarmerie du lieu de départ. Ce visa est accordé sans délai et mentionne les jours et heures du départ.

Art. 4. – Les cinq exemplaires de déclaration de transport reçoivent les destinations suivantes :

- un exemplaire est conservé par l'expéditeur à l'appui de sa comptabilité ;
- un exemplaire accompagne les marchandises, il est ensuite remis aux destinataires ;

vaovan'ny toetr'andro.

And. 3. – Ny filazana momba ny fitaterana dia soniavin'ny mpandefa, ary hamarinin'ny lehiben'ny biraon'ny fiarovana ao amin'izay misy ny fonenan'ny mpandefa na ny ao amin'ny toerana ialan'ny entana.

Tsaraina sy hamarinin'ny mpitatitra ny fitovizan'ny entana ho entiny amin'izay voasoratra ao amin'ny filazana momba ny fitaterana, dia soniaviny ny kopia dimy.

Raha ohatra ka misy fanovana fiara eny am-pitanterana eny , dia manan-kery hatrany ny filazana momba ny fitaterana rehefa ampian'ny sonian'ilay mpitatitra voalohany, kanefa dia tsy maintsy tondroina amin'izany filazana izany ny fiovaovana fiara tat aoriana, ary ny entana dia ampiarahina mandrakariva amin'ny kopia iray amin' ireo filazana momba ny fitaterana izay tovonana ny sonian'ireo mpitatitra nifandimbidimby.

Raha manaraka arabe ny fitaterana dia asaina soniavin'ny zandarimaria eo amin'ny toerana ialana ny taratasy miaraka amin'ny entana. Tsy misy hatak'andro ny fanaoavana izany fanamarinana izany sady marihiny ao ny andro sy ny ora nialana teo.

And. 4. – Toy izao avy no alehan'ireo filazana momba ny fitaterana dimy sosona ireo :

- tehirizin'ny mpandefa mba hamamarinany ny fitanan-kaontiny ny sosony iray ;
- alefia miaraka amin'ny entana ny sosony iray dia mipetraka amin'ilay andefasana azy avy

- trois exemplaires sont laissés au bureau de la Défense du lieu d'expédition. Ce bureau en conserve un pour ses archives et transmet en un exemplaire au bureau provincial de Défense du lieu de destination et au Service des Mines.

Art. 5. – Les véhicules ou autres moyens de transport servant de dépôts mobiles ne sont pas assujettis aux prescriptions ci-dessus et doivent se conformer aux règles particulières les concernant.

Art. 6. – Tout transport est effectué sous la responsabilité du transporteur.

Toute expédition doit être l'objet d'un gardiennage ou d'un voyage constant.

En cas d'accident, d'incendie, de vol, de perte ou de disparition survenus au cours d'un transport de substances explosives et détonantes, le gardien ou le convoyeur doit aviser immédiatement le service de police ou la brigade de gendarmerie compétents. Dans les quarante huit heures, le transporteur est tenu d'en rendre compte aux autorités locales, au Chef de Province et au Chef du Service des Mines.

Art. 7. – Les wagons, véhicules, cales ou soutes où sont

eo ;

- ny sosony telo ajanona ao amin'ny biraon'ny Fiarovana misy ny toerana ialan'ny entana. Dia tehirizin'io birao io ao amin'ny fitanan-tsoatrela ny sosony iray alefany any amin' ny biraom-paritra momba ny fiarovana izay hivantanany ny entana ny sosony iray, ary any amin'ny sampan-draharahan' ny Harena ao an-kibon'ny tany ny sosona iray.

And. 5. – Ny fiara na zavatra hafa anaovana ny fitaterana, izay manjary toeram-panobiana afaka mifindrafindra dia tsy mba iharan'ireo fepetra eo ambony ireo, fa misy kosa fepetra manokana izay tsy maintsy toavin'izy ireo momba izany.

And. 6. – Ny fitaterana rehetra dia andraikitra ny mpitatitra.

Ny fandefasana entana dia tsy maintsy asiana mpiambina sy arahin'olona mandrakariva.

Raha misy voina mihatra, na firehetana, na halatra, na fahaverezana, na fanjavonan'ny zavamipoaka sy mitefoka eny ampitaterana, dia tsy maintsy mampan-draharaha mpitandro ny filaminana na ny zandarimaria ny mpiambina na ny mpanaraka ny entana. Ary ny mpitatitra, ao anatin'ny valo amby efapolo ora, dia tsy maintsy mampan-draharaha ny manampahefana eo an-toerana, sy ny filoham-paritany ary ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon' ny tany.

And. 7. – Ny kalesy, na ny fiara, na ny ambany rihan-tsambo,

transportés des colis de dynamite ou d'autres explosifs à base de nitroglycérine ne doivent contenir aucune marchandise explosive d'une autre nature ou facilement inflammable, à l'exception de la réserve de sécurité destinée au véhicule lui-même.

En aucun cas, des caisses de détonateurs ne peuvent être placées dans la même cale ou soute ou même wagon ou le même véhicule que des caisses d'explosifs.

Il est interdit d'ouvrir dans un véhicule, wagon, cale ou soute un récipient contenant une substance explosive.

Les opérations de chargement, de déchargement et de transbordement sur une voie publique lorsqu'il s'agit de transport routier ou un port lorsqu'il s'agit de transport maritime ou par voie d'eau et, dans tous les cas, lorsqu'il s'agit de transport par voie ferrée, ne pourront être effectuées que sur autorisation expresse de l'autorité ou de l'agent responsable de la sécurité (Chef de l'administration locale, maire, directeur du port, Chef du service local de la navigation fluviale ou Chef des Gares, suivant le cas) en suivant des consignes spéciales prescrites par celui-ci indépendamment des prescriptions prévues par la réglementation en vigueur.

Dans le cas où les opérations de chargement ou de déchargement intéressaient plusieurs véhicules, wagons, embarcations ou bateaux, ceux-ci seront chargés ou déchargés un à un.

Les manutentions pour le chargement, le déchargement ou le

na ny magazay amin'ny lakalin-tsambo izay itaterana fonosana *dynamites* na zava-mipoaka hafa vita tamin'ny *nitroglycérine* dia tsy azo asiama zavatra hafa mety mipoaka na mora mirehitra, afa-tsy izay efa voamomana hatao fiandry ho an'ny fiara ihany.

Na manao ahoana na manao ahoana dia tsy azo atao iray toerana ao ambany rihan-tsambo ao na lakaly na kalesy, na fiara ny kësika misy zava-mipoaka sy ny kësika misy zava-mitefoka.

Tsy azo sokafana ao anaty fiara, na kalesy, na ao ambany rihan-tsambo ny fitehirizan-javamipoaka.

Ny famatrarana entana, na ny fampidinana azy, na ny fanovana fiara raha manaraka ny arabe ny fitaterana, na eo an-tseranana raha atao an-dranomasina na andrenirano, ary mandrakariva raha atao an-dàlamby, dia tsy azo atao raha tsy efa nahazo alàlana mi-hitsy tamin'ny manam-pahefana miandraikitra ny fisorohana ny loza (lehiben'ny fitondram-panjakana eo an-toerana, ben'ny tanàna, talen'ny seranana, lehiben'ny fifamoivoizana an-drenirano eo an-toerana, na lehiben'ny fijanonan' ny kalesin-dàlamby, arakaraka ny fandehan-javatra) ary arahina ny fandidiana manokana ataon'io manam-pahefana io, ankaotry ny fepetra voalazan'ny lalàna velona.

Tsy maintsy alefa tsirairay ny fanondranana na ny fampidinana ny entana raha sendra maromaro ny fiara na ny kalesy na ny lakan-drafitra na ny sambo ampiasaina amin'izany.

Ny fibatabatana ny entana aondrana na aidina na afindra amin'ny fiara hafa, dia amin'ny

transbordement sont effectués de jour et avec précaution. Les récipients doivent être chargés ou

déchargés individuellement et avec toutes les précautions nécessaires pour éviter les chocs et les chutes.

Les manutentions de nuit sont, en principe, interdites. Au cas où elles seraient exceptionnellement autorisées, l'éclairage électrique doit être seul utilisé.

Sur le territoire de sa circonscription, l'autorité ou l'agent responsable visé au 4^e alinéa ci-dessus peut interdire le chargement ou le déchargement des substances explosives ou détonantes dont les emballages apparaissent en mauvais état ou ne satisferont pas aux prescriptions du présent décret et de la réglementation en vigueur.

TITRE II : TRANSPORT PAR VOIE ROUTIERE.

Art. 8. – Le transport des substances explosives ou détonantes par voie routière est soumis aux prescriptions spéciales suivantes :

- le véhicule ne doit pas s'écarter de l'itinéraire indiqué sur la déclaration, sauf cas de force majeure dûment justifié ;
- il est interdit de fumer ou de faire du feu dans ou à proximité immédiate d'un véhicule transportant des substances explosives ;
- tout véhicule transportant

atoandro ihany no anaovana azy amim-pitandremana. Mba tsy hisy hifandona na hiantonta dia atao tsirairay ny fanondranana na ny fanalana ny fitehirizana misy azy.

Raha ny tena izy dia voaràra ny fibatabatana amin'ny alina. Nefa raha sendra tsy maintsy hatao izany noho ny antony manokana dia ny fitsilovana amin'ny jiro herim-baratra ihany no azo ampiasaina.

Azon'ireo manam-pahefana na ireo mpandraharaha voalazan'ny andalana faha-4 eo ambony ireo raràna tsy hanondrana na hampiditra zava-mipoaka na mitefoka ao anatin'ny faritany iadidiany raha hitany fa ratsy fonosana na tsy mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny didim-panjakana ity sy ny lalàna velona.

FIZARANA II : FITATERANA MANARAKA NY ARABE.

And. 8. – Raha taterina manaraka ny arabe ny zava-mipoaka na mitefoka dia voafehin' izao fepetra manokana eto izao :

- tsy mahazo mihatoka mihitsy ny lalana efa voatondro ao amin'ny filazana ny fitaterana ny fiara raha tsy noho ny antony lehibe tsy azo anoharana sady voaporofa tsara ;
- raràna ny mifoka sigara na mandrehitra afo ao anatin'ny eny ivelany akaiky ny fiara mitatitra zava-mipoaka.
- izany fiara mitatitra zava-

ou remorquant des substances explosives et détonantes doit être muni de deux extincteurs d'incendie agréés et en bon état de fonctionnement dont un au moins à mousse;

- les colis des matières explosives ou détonantes ne doivent pas être chargés sur des véhicules transportant des voyageurs ;
- lorsque plusieurs véhicules forment un convoi, celui-ci doit être dirigé par un Chef de convoi,

Sans préjudice des limitations générales de vitesse résultant des réglementations en vigueur, la vitesse des voitures et des convois doit être réglée d'après l'état de route, de façon à éviter les chocs trop violents. Cette vitesse ne pourra dépasser 15 kilomètres à l'heure dans la traversée des agglomérations.

La durée de stationnement doit être réduite au maximum.

Les stationnements à moins de 50 mètres d'une ligne de transport d'énergie électrique à haute tension sont interdits.

La distance à respecter entre deux véhicules d'un convoi d'explosifs sera d'au moins de 50 mètres en marche et 25 mètres au stationnement.

Sauf autorisation délivrée par le Maire, sont interdits le chargement ou le déchargement d'explosifs ainsi que le stationnement d'un convoi dans une agglomération.

En cas de stationnement prolongé, imposé par une raison de

mipoaka na mitarika kalesy misy azy izany dia tsy maintsy asiana famonoana afo anankiroa efa nankatoavina sady afaka miasa, ka mba mamorivory ahay ny anankiray amin'izany ;

- tsy azo ampiarahina amin'ny fiara iray, ny fonosan'entana misy zava-mipoaka na mitefoka sy ny mpandeha ;

- raha misy fiara maromaro mitanjozotra dia tsy maintsy asiana filohany iray hitarika ny dia.

Tsy tohinina ny famerana ankapobe ny hafangainam-pandehan'ny fiara araka ny lalàna velona, nefa tsy maintsy kendrena araka ny toetran'ny lalàna koa ny hafangainan'ny fiara rehetra mba hisorohana ny fitontonana mafy loatra ; ary tsy mahazo mihoatra 15 kilaometatra isan'ora ny hafainganam-pandehan'ny fiara raha mamaky tanàna.

Hafuhezina arak'izay azo atao ny fahaelan'ny fijanonana;

Raràna ny mijanona latsaka ny 50 metatra amin'ny toerana lalovan'ny tariby mitondra herim-baratra mahery vaika.

Raha mitanjozotra ny fiara mitatitra zava-mipoaka, ny elanelan'ny aloha sy ny aoriana dia tsy maintsy tandremana ho 50 metatra eny am-pandehanana, ary 25 metatra eo am-pijanonana.

Raràna mihitsy ny mampiakatra na mampidina zava-mipoaka amin'ny fiara, na mampijanona ny andian'ny fiara mitondra zava-mipoaka ao anaty tanàna, raha tsy efa nahazo alàlana avy amin'ny ben'ny tanàna.

Raha maharitra ela ny fijanonana noho ny antony tsy azo anoha-

force majeure le transporteur se conformera aux consignes qui lui seront prescrites par l'autorité.

TITRE III : TRANSPORT PAR VOIE FERREE.

Art. 9. – Chaque expédition des substances explosives ou détonantes, doit être faite par le plus proche train susceptible de recevoir cette nature de chargement.

Les substances explosives ou détonantes doivent être enlevées à la gare destinataire sans le moindre délai et au plus tard, dans les 24 heures.

Passé ce délai, le Réseau National des Chemins de Fer est autorisé à faire l'enlèvement aux frais, risques et périls du destinataire.

Les colis et wagons à remettre sur embranchement particulier sont livrés de jour à la première desserte qui suivra l'arrivée des wagons ou par desserte spéciale à une heure convenue avec les destinataires si cette desserte doit éviter le stationnement des colis ou des wagons en gare pendant la nuit.

Si les colis de substances explosives ou détonantes ne sont pas acceptés par le destinataire, ils seront retournés à l'expéditeur, qui sera tenu d'en prendre livraison aussitôt et de payer les frais pour le retour.

Les conditions techniques de transport de substances explosives ou détonantes par chemin de fer sont soumises aux prescriptions

rana, dia tsy maintsy mankato ny baiko izay omen'ny manam-pahefana eo an-toerana ny mpitatitra.

FIZARANA III : FITATERANA AN-DALAMBY.

And. 9. – Izay fiaran-dàlamby mandeha voalohany indrindra sady efa voaomana hamatrarana ireo karazan'entana ireo no tsy maintsy handefasana ny zava-mipoaka na mitefoka.

Raha vao tonga ao amin'ny gara handefasana azy ny zava-mipoaka na mitefoka dia tsy maintsy esorina haingana dia haingana, na ao anatin'ny 24 ora raha ela indrindra.

Raha dila io fetra io dia azon'ny sampan-draharahan'ny làlambim-pirenena ampanesorina ny entana, ary ny sarany sy ny andraikitra rehetra dia adidin'ilay andefasana azy.

Ny entana sy ny kalesy tsy maintsy atokan-toerana dia alefa amin'ny atoandro raha vao misy fiaingana aorian'ny fahatongavan'ny kalesy, na hanokanan-dia anankiray mihitsy amin'ny ora efa hifanarahana amin'izay handray ny entana, raha toa izany fiaingana izany no tsy hampijanona ny entana na ny kalesy amin'ny alina eo amin'ny gara .

Raha lavin'ilay andefasana azy ny entana misy zava-mipoaka na mitefoka, dia averina amin'ny mpandefa azy, ka izy io kosa indray no tsy maintsy mandray haingana ny entana sady mandoa ny saran-dàlana namerenana azy.

Ny kojakojanya ara-teknika momba ny fitaterana zava-mipoaka na mitefoka amin'ny fiaran-dàlamby dia voafehin'ny fepetra

prévues par arrêté.

tondroin'ny didim-pitondrana.

**TITRE IV :
TRANSPORT PAR VOIES
MARITIMES OU FLUVIALES
ET MANUTENTIONS
DANS LES PORTS.**

Art. 10. – Les transports de substances explosives et détonantes par voies maritimes ou fluviales, les manutentions correspondantes à ces transports et les manutentions dans les ports sont, indépendamment des règles générales énoncées plus haut et sans préjudice des règlements spéciaux en vigueur, soumis aux prescriptions prévues par arrêté.

**TITRE V :
TRANSPORT PAR VOIE AERIEN.**

Art. 11. – Le transport des substances explosives par voie aérienne est interdit, sauf autorisation expresse accordée par le Ministre chargé des Transports qui fixera dans ce cas, les mesures spéciales de sécurité à prendre et la quantité maximale à transporter.

**TITRE VI :
REMARQUE SUR
LE TRANSPORT AU MOYEN
POUR VEHICULE BOUTE FEU.**

Art. 12. – Par dérogation aux dispositions de l'article 7, ci-dessus le transport simultané des explosifs, des détonateurs et d'autres artifices de mise à feu, depuis les dépôts mobiles jusqu'au chantier d'utilisation, peut se faire au moyen d'un véhicule automoteur

**FIZARANA VI :
FITATERANA AN-DRANO-
MASINA NA AN-DRENIRANO
SY NY FIBATANA
EO AN-TSERANANA.**

And. 10. – Ny fitaterana an-dranomasina na an-drenirano ny zava-mipoaka na mitefoka, sy ny fibatabatana azy eo am-pitaterana sy eo an-tseranana, dia fehezina ny fepetra voatondron'ny didim-pitondrana sy ny fitsipika ankapobeny voalaza ery ambony, ary tsy tohinina ny fitsipika manokana manan-kery momba izany.

**FIZARANA V :
FITATERANA AN'ABAKABAKA.**

And. 11. – Afa-tsy raha naha-zoan-dàlana mihitsy tamin'ny Minisitry miadidy ny fitaterana, izay hanao ny fepetra manokana momba ny fitandremana sy ny farafahabetsahan'ny zavatra azo entina amin'izay dia raràna ny mitatitra an'abakabaka ny zava-mipoaka na mitefoka.

**FIZARANA VI :
FAMPITANDREMANA
MOMBA NY FITATERANA
AMIN'NY FIARA ANTSOINA
HOE « VEHICULE BOUTE FEU ».**

And. 12. – Omen-dàlana tsy hampiharina ny voalazan'ny andininy faha-7 ery ambony, ka azo atao indray mitatitra amin'ny fiara entin-tena atao hoe *véhicule boute feu* ny zava-mipoaka sy ny zava-mitefoka ary ny karazan'afomanga fandrehetana, hatreo amin'ny toe-

dit « véhicule boutefeu » sous les conditions prévues par arrêté.

Art. 13. – 1° La manipulation des explosifs, des détonateurs et des artifices de tir ne doit être confiée qu'à des personnes expérimentées, nommément désignées par l'exploitant. Une consigne précisant les mesures à prendre pour la mise en oeuvre des explosifs sera portée à la connaissance de tout le personnel intéressé et affiché à l'intérieur du véhicule boute feu.

2° Un agent responsable doit tenir un registre d'entrées et des sorties pour le véhicule boute feu, éventuellement, sa remorque, indiquant les natures et quantités des substances explosives introduites ou extraites avec les dates et lieux de réception ou de consommation.

3° A la fin de chaque journée de travail, les explosifs, les détonateurs et artifices de tir non utilisés doivent être réintégrés dans les dépôts respectifs.

TITRE VII : CONSTATATION DES INFRACTIONS.

Art. 14. – Les infractions à la présente réglementation sont recherchées et constatées par les officiers et agents de police judiciaire, les agents commissionnés des douanes et par les fonctionnaires et agents du Service des Mines ci-après :

ram-panobiana afaka mifindrafindra, ka hatramin'ny toerana hiasana, rehefa manaraka tsara ny fepetra voalazan'ny didim-pitondrana.

And. 13. – 1° Ny fampiasana ny zava-mipoaka sy mitefoka ary ny afomanga fandrehetana dia ny olona efa za-draharaha ihany no ampiandraiketana azy, dia izay efa notendren'ny mpampiasa. Ny baiko manazava ny fomba fampiasa ny zava-mipoaka dia ampahafantarina ny mpiasa rehe-tra izay voakasin'izany sady atao peta-drindrana ao anatin'ny fiara *boute feu*.

2° Ny mpandraharaha tompon' andraikitra dia tokony hitana boky hanamariany ny miditra sy mivoaka amin'ny fiara *boute feu* na amin'ilay kalesy tarihin'ny raha misy izany, sady milaza ny karazana sy ny habetsahan'ny zava-mipoaka naiditra na nesorina tao, sy ny vaninandro ary ny toerana nandraisana na nampiasana azy.

3° Isaky ny fotoana hitsaharan'ny asa, dia averina amin'ny toerany tsirairay avy ny zava-mipoaka sy mitefoka, ary ny afomanga fandrehetana, izay tsy nampiasaina.

FIZARANA VII : FIZAHANA FOTOTRA NY FANDIKAN-DALANA.

And. 14. – Ny fikarohana sy fizahana fototra ny fandikana ity didy ity dia ataon'ny mpiandraikitra sy ny mpandraharahan'ny fitsarana momba ny fikarohana ny fandikandalana, ny mpiasan'ny seranana, ary ireto mpiasam-panjakana ao amin'ny sampan-draharahan'ny

- ingénieurs du Service des Mines ;
- Chefs des subdivisions minières ;
- adjoints techniques du Service des Mines

Art. 15. – Les procès-verbaux rédigés par ces fonctionnaires ou militaires sont transmis en originaux au Magistrat du ministère public territorialement compétent qui exercera éventuellement les poursuites.

Copie des procès-verbaux sont en outre transmis à l'Etat Major de la Défense Nationale et des Forces Armées ; au Ministère des Mines, et au Ministère de l'Intérieur.

ART. 16. – Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur, le Ministre de la Défense Nationale et des Forces Armées, le Ministre de la Justice, le Ministre de l'Aménagement du territoire, sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

Harena ao an-kibon'ny tany ireto :

- ny *ingénieurs* amin'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany ;
- ny Lehiben'ny sokajin-draharaham-paritany momba ny Harena ao an-kibon'ny tany ;
- ny *adjoints techniques* ao amin'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany.

And. 15. – Ny matoan'ny fitanana an-tsoratra ny fandikandalàna nalahatr'ireo mpiasampanjakana na miaramila ireo dia ampitainy amin'ny mpandraharahan'ny fitsarana eo an-toerana, izay hanao ny fitoriana raha ilaina.

Ankoatr'izany ny kopian'izany fitanana an-tsoratra izany dia alefany any amin'y foiben'ny Fiarovam-pirenena sy ny Foloalindahy, amin'ny minisiteran'ny Harena ao an-kibon'ny tany ary ny Minisiteran'ny Atitany.

And. 16. – Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena sy ny Foloalindahy, ny Minisitry ny Fanajariana ny tany, no miandraikitra, araka izay tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity, izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakari* ny Repoblika.

II.5. DECRET N° 73-078
du 30 mars 1973
portant réglementation de la
conservation des substances
explosives et détonantes (JO
n° 908 du 5.5.73, p. 1109)

TITRE PREMIER :
DISPOSITION GENERALES.

Article premier. – Sauf dérogations prévues par l'ordonnance n° 72-048 du 18 décembre 1972, les substances explosives et détonantes doivent être conservées dans un dépôt autorisé.

Art. 2. – Les dépôts peuvent être fixes ou mobiles.

Les dépôts fixes peuvent être permanents, temporaires, enterrés, superficiels ou souterrains.

Les conditions techniques générales que doivent remplir les différents dépôts sont définies par arrêté du Ministre chargé des Mines.

Art. 3. – Les substances explosives et détonantes sont réparties entre les classes et affectées des coefficients d'équivalence ci-après, par rapport à la dynamite gomme:

CLASSE I, Coefficient $E=1$; la dynamite et les autres explosifs à base de nitroglycérine.

CLASSE I bis, Coefficient $E=1$: les explosifs perchloratés plastifiés.

II.5. DIDIM-PANJAKANA N° 73-078
078
tamin'ny 30 martsa 1973
mametra ny fitsipika momba
ny fitehirizana ny zava-
mipoaka sy mitefoka (Idem)

FIZARANA VOALOHANY :
FEPETRA ANKAPOBENY.

Andininy voalohany. – Afa-tsy ireo alalana ahazoana tsy mampihatra izay voalazan'ny hitsivolana laharana faha-72-018 tamin'ny 18 desambra 1972, dia tsy maintsy tehirizina amin'ny toeram-panobiana iray efa nazahoana alalana ny zava-mipoaka sy mitefoka.

And. 2. – Azo atao miorimpaka na mifindraindra ny toerampanobiana.

Mety haharitra, na atao vonjimaika, na milevina, na eny ambonin'ny tany, na any ambanin'ny tany ny toerampanobiana miorimpaka.

Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Harena ao an-kibon'ny tany no maritra ny fepetra ankapobe na teknika tsy maintsy tontosaina amin'ny toerampanobiana isan-karazany.

And. 3. – Tsinjaraina araka ny filaharany ny zava-mipoaka sy mitefoka, ary omen lanjan'isa toy izao manaraka izao ho enti-mampitaha azy ireo raha oharina amin'ny *dynamite gomme* :

LAHARANA I lanjan'isa $E=1$: ny *dynamite* sy ny zava-mipoaka hafa vita amin'ny *nitroglycérine*.

LAHARANA I BIS, lanjan'isa $E=1$: ny zava-mipoka *perchloratés plastifiés*.

CLASSE II, Coefficient $E=2$: les poudres noires au nitrate de sodium ou de potassium autres que celle de la classe IV

CLASSE III, Coefficient $E=1$: les explosives du type O, les explosifs chloratés (explosif type OC) et perchloratés (explosifs type OP).

CLASSE IV, Coefficient $E=10$: les poudres noires comprimées de densité supérieure à 1,50 en cartouches pesant moins de 250 grammes soigneusement enveloppées de papier fort de bonne qualité.

CLASSE V, Coefficient $E=2$: les explosifs au nitrate d'ammoniaque (explosifs type N).

CLASSE VI, Coefficient $E=1$: les dérivés aux nitrates explosifs de la benzine, de la naphthaline, du phénol et du crésol.

CLASSE VII, Coefficient $E=20$: les cordeaux détonants au trinitrotoluène et autres cordeaux ou artifices de mise à feu.

CLASSE VIII, Coefficient $E=3$: les cordeaux détonants à la penthrite et à l'hexogène.

CLASSE IX, Coefficient $E=1$: les engins à charge creuse dépourvus de détonateurs.

CLASSE X, Coefficient $E=1/2$: les détonateurs. Ce coefficient est rendu à $E = \frac{1}{2}$ lorsque les détonateurs servent à l'allumage au moyen de mèches.

Pour les explosifs, les coefficients d'équivalence ci-dessus s'appliquent aux explosifs encartouchés dans des récipients étanches et fermés.

LAHARANA II, lanjan'isa $E=2$: ny vanja mainty vita amin'ny *nitrate de sodium* na *potassium* izay hafa noho ireo vanja ao amin'ny laharana faha-IV.

LAHARANA III, lanjan'isa $E=1$: ny zava-mipoaka karazan'ny O, ny zava-mipoaka *chloratés* (zava-mipoaka karazan'ny OC) ary *perchloratés* (zava-mipoaka karazan'ny OP).

LAHARANA IV, lanjan'ny $E=10$: vanja mainty nofitsahina izay maherin'ny 1,50 ny fifatrany ao anaty katirijy latsaka ny 250 grama ny lanjany, ka voakaly tsara ny famonosana azy amin'ny taratasy henjana sady tsara.

LAHARANA V, lanjan'isa $E=2$: ny zava-mipoaka miaraka vita amin'ny *nitrate d'ammoniaque* (zava-mipoaka karazany N).

LAHARANA VI, lanjan'isa $E=1$: ny zava-mipoaka *nitratés* alaina avy amin'ny *benzine*, *naphthaline*, *phénol* ary vita amin'ny *crésol*.

LAHARANA VII, lanjan'isa $E=20$: ny tady mampitefoka amin'ny *trinitrotoluène* sy ny tady hafa koa na ny fandrehetana afomanga.

LAHARANA VIII, lanjan'isa $E=3$: ny tady mampitefoka vita amin'ny *penthrite* ary ny *hexogène*.

LAHARANA IX, lanjan'isa $E=1$, ny zavatra mangoboka ny fahany ka asiana fampitefohana.

LAHARANA X, lanjan'isa $E = \frac{1}{2}$: ny fampitefoana. Io lanjan'isa io dia ahena ho $E = \frac{1}{4}$ raha handrehetana ny lahiny no ilàna ny fampitefohana.

Momba ny zava-mipoaka, ireo lanjan'isa fampitahana eo ambony ireo dia ampiharina amin'ny zava-mipoaka vita an-katirijy na atao anatin'ny tranony tsy misy hirika

Ces coefficients sont réduits de moitié si les explosifs ne sont pas encartouchés et sont en outre contenus dans des récipients non étanches ou susceptibles d'être ouverts dans le dépôt. Pour les détonateurs, les cordeaux détonants et les engins à charge creuse, ces coefficients s'appliquent au poids d'explosifs net.

Art. 4. – Les dépôts sont classés en trois catégories :

- Première catégorie : dépôts pouvant recevoir plus de 300 E kilogrammes d'explosifs ;
- Deuxième catégorie : dépôts pouvant recevoir jusqu'à 300 E kilogramme d'explosifs ;
- Troisième catégorie : dépôts pouvant recevoir une quantité inférieure ou égale à 60 E kilogramme d'explosifs

Art. 5. – Les poids limites cités ci-dessus s'entendent des poids nets des explosifs encartouchés ou prêts à l'emploi.

TITRE II : DEMANDE D'ETABLISSEMENT D'UN DEPOT.

Art. 6. – La demande d'autorisation d'établir un dépôt est adressée au Ministre Chargé des Mines, par l'intermédiaire du Chef de Province. Elle est établie en trois exemplaires et doit préciser :

- 1° les noms, prénoms, profession, domiciles et nationalité,

ary mitsentsina.

Atao very sasaka ireo lanjan'isa ireo raha toa sady tsy anaty katirijy ny zava-mipoaka, na apetraka amin-javatra tsy mitampina tsara ka azo esorina ny tsentsiny rehefa tonga any amin'y toeram-panobiana. Fa momba ny zava-mitefoka sy ny tady mampitefoka ary ny f-toeram-banja mangoboka kosa, dia ny tena lanjan'ny zava-mipoaka irery ihany no anaovana lanjan'isa.

And. 4. – Voazara ho sokajiny telo ny toeram-panobiana :

- Sokajy voalohany : toeram-panobiana azo asiana zava-mipoaka maherin'ny 300 E kilao ;
- Sokajy faharoa : toeram-panobiana azo asiana zava-mipoaka hatramin'ny 300 E kilao ;
- Sokajy fahatelo : toeram-panobiana azo asiana zava-mipoaka mahatratra 60 E kilao no midina.

And. 5. – Ireo fe-danja lazaina eo ambonny ireo dia milaza ny tena lanjan'ny zava-mipoaka irery ihany ka vita an-katirijy na efa vonona hampiasaina.

FIZARANA II : FANGATAHANA HANORINA TOERAM-PANOBIANA.

And. 6. – Amin'ny alalan'ny Filoham-paritany no andefasana ny fangatahana hanorina toeram-panobiana amin'ny Minisitry miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany. Atao kopia telo mitovy io fangatahana io, ary lazaina mazava tsara amin'izany :

- 1° ny anarana, fanampin'anarana, asa atao, fonenana ary

s'il s'agit d'une personne physique, raison sociale, siège social, nationalité, dans le cas d'une personne morale ;

- 2° les pouvoirs du signataire s'il y a lieu ;
- 3° la durée envisagée de l'exploitation du dépôt ;
- 4° la catégorie du dépôt et la quantité maximale à entreposer dans ce dépôt ;
- 5° le cas échéant, le lieu où les substances explosives et détonantes doivent être employées ;
- 6° la nature et l'importance des opérations motivant l'exploitation du dépôt ;
- 7° les mesures de sécurité prévues contre le vol et l'incendie ;
- 8° les délais dans lesquels le dépôt doit être réalisé.

Art. 7. – Pour les dépôts fixes, la demande doit en outre préciser l'emplacement de l'établissement projeté et être accompagnée des documents suivants :

- un extrait de carte au 1/50.000^è ou au 1/100.000^è sur lequel est indiqué l'emplacement projeté ;
- un plan à échelle de 1/10.000^è représentant les abords du dépôt dans un rayon de 2.000 mètres pour les dépôts

ny zom-pirenena zakaina, raha tsangan'olona no manao ny fangatahana; ny anaran'ny sosaiety, ny karazany, ny foibem-pikambanana, ny zom-pirenena zakainy, raha fikambanana mizaka zo aman' andraikitra ;

- 2° ny fahefana ananan'ny tompon-tsonia, raha ilaina ;
- 3° ny fotoana heverina haharetan'ny fampiasana ny toerampanobiana ;
- 4° ny sokajin'ny toerampanobiana sy ny fara-fahabetsahan'ny zavatra azo apetraka ao aminy ;
- 5° ny karazan'ny zavatra hatao sy ny hangezany ka ilàna hampiasana toerampanobiana ;
- 6° ny toerana hampiasana ny zavava-mipoaka sy mitefoka raha misy izany ;
- 7° ny fitandremana atao hisorohana ny halatra sy ny haintrano ;
- 8° ny fe-potoana tsy maintsy hamitana ny toerampanobiana.

And. 7. – Momba ny toerampanobiana miorim-paka dia lazaina ao amin'ny fangatahana koa ny toerana kasaina hanorenana azy, ary ampiarahina amin'io fangatahana io ireto antontan-taratasy manaraka ireto :

- kopian'ny sarintany mirefy amin'ny 1/50.000^è na 1/100.000^è anondroana ny toerana kasaina hanorenana ;
- planina iray mirefy amin'ny 1/10.000^è ka ahitana hatrany amin'ny roa arivo metatra (2.000 m) manodidina raha anisan'ny sokajy voalohany ilay

de première catégorie ; d'un croquis côté représentant les abords du dépôt dans un rayon de 500 mètres pour les dépôts de deuxième et troisième catégorie ;

- des plans et coupes à grande échelle représentant les distributions et dispositions intérieures du dépôt.

Art. 8. – Pour les dépôts mobiles, la demande prévue à l'article 6 doit préciser l'itinéraire à emprunter par le dépôt. Le requérant mentionne également dans sa demande si l'exploitation proprement dite du dépôt doit avoir lieu sur la voie publique ou non.

TITRE III : INSTRUCTION DE LA DEMANDE.

Art. 9. – Le Chef de Province vérifie la régularité de la demande et fait procéder par le Sous-Préfet intéressé à une enquête de *commodo* et *incommodo* conformément à la réglementation en vigueur concernant les établissements dangereux et insalubres.

Le Chef de Province conserve un exemplaire du dossier et transmet les deux autres avec son avis au Ministre chargé des Mines (Service des Mines)

toeram-panobiana; ambangovangon-tsaritany misy refiny ahitana hatramin'ny dimanjato metatra (500 m) manodidina raha anisan'ny sokajy faharoa na fahatelo ny toeram-panobiana ;

- planina maromaro ny sarin'ny mamaky sasaka sady lehibe ahitana ny fiefitrefitra sy ny f-petrapetraky ny ao anatin'ny toeram-panobiana.

And. 8. – Momba ny toeram-panobiana mifindraindra, dia tsy maintsy voatondro mazava tsara amin'ny fangatahana voalazan'ny andininy faha-6 ny lalan-kizorany amin'izany fifindran-toerana izany. Dia tsy maintsy lazain'ny mpanao fangatahana koa raha eny amin'ny arabe eny na tsia no hampiasany ny toeram-panobiana.

FIZARANA III : FAMPIASANA TOERAM-PANOBIANA.

And. 9. – Hamarinin'ny filoham-paritany ny maha ara-dalana ny fangatahana asainy ataon'ny lehiben'ny vakim-pileovana voakasik'izany famotopotorana ahalalana ny mety sy ny tsy mety, araka ny lalana velona momba ny trano mampidi-doza sady tsy mahasalama.

Tehirizin'ny filoham-paritany ny sosony iray amin'ny antontan-taratasy fa ny sosony roa kosa asiany filazana izay heviny momba io raharaha io dia alefany any amin'ny Minisitra miadidy ny Harena an-kibon'ny tany (Sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany).

Art. 10. – L'autorisation qui est accordée par arrêté du Ministre chargé des Mines précise :

- la nature et la catégorie du dépôt ;
- son emplacement s'il est fixe ;
- la durée de l'exploitation autorisée si elle est temporaire ;
- son itinéraire et ses lieux de stationnement, s'il est mobile ;
- et s'il y a lieu, les conditions spéciales auxquelles doivent satisfaire le dépôt.

TITRE IV : EXPLOITATION D'UN DEPOT.

Art. 11. – Le dépôt ne peut être mis en service qu'après autorisation accordé par le Chef du Service des Mines sur le vu d'un procès-verbal de visite dressé par un ingénieur des Mines où il est constaté que le constructeur s'est conformé aux règlements et à l'autorisation de construire.

Il appartient au permissionnaire de solliciter l'Administration de la visite prévue à l'alinéa précédent.

Cette visite doit être demandée par lettre recommandée avec accusé de réception. A compter de la date de réception, le Service des Mines dispose d'un délai de trois mois pour l'effectuer et se prononcer ; passé ce délai, l'autori-

And. 10. – Ny fahazoan-dalana omen'ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany amin'ny alalan'ny didim-pitondrana dia manondro :

- ny karazan'ny toeram-panobiana sy ny sokajiny ;
- ny toerany, raha miorom-paka izy ;
- ny fotoana haharetan'ny fam-piasana azy raha atao vonjy maika izy ;
- ny lalana sy ny toerana hijanonana raha mifindrafindra ny toeram-panobiana ;
- ary raha ilaina, dia ny fepetra manokana tsy maintsy tontosaina momba ny toeram-panobiana.

FIZARANA IV : FAMPIASANA NY TOERAM-PANOBIANA.

And. 11. – Tsy azo ampiasaina ny toeram-panobiana raha tsy efa nahazoana alalana tamin'ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany, rahefa hitany ny filazana an-tsoratra momba ny fitsidihana nataon'ny *ingénieurs des mines*, ka hita fo totra amin'izany fa manaraka antsakany sy andavany ny fitsipika sy ny fanomezan-dalana hanangana azy ny mpanorina ny trano.

Anjaran'ilay olona nahazo alalana ny mangataka ny Fanjakana mba hanao io fitsidihana voalaza eo amin'ny andalana etsy aloha io.

Taratasy alefa « Tsy very mandeha », miaraka amin'ny filazana ny naharaisana azy, no tsy maintsy anaovana ny fangatahana. Telo volana manomboka amin'ny andro naharaisany io fangatahana io ny fe-potoana ananan'ny sampan-

sation d'exploitation est considérée comme accordée.

Le Chef de Service des Mines peut toujours, postérieurement à l'autorisation, prescrire des dispositions spéciales supplémentaires dont l'expérience révélerait la nécessité, sans que cela ouvre droit à l'indemnité pour le permissionnaire.

Art. 12. – Au cas où l'exploitant ne se soumet pas aux prescriptions en vigueur, il est mis en demeure d'avoir à s'y soumettre. A défaut, l'autorisation d'exploiter est suspendue ou retirée par décision du Chef du Service des Mines.

Sans préjudice des mesures qui, en cas de danger, peuvent être prescrites immédiatement par l'Agent l'ayant constaté, le déplacement, la cession ou au destruction des substances explosives et détonantes entreposée, peut alors être prescrit aux frais de l'intéressé suivant la réglementation en vigueur et sans qu'il puisse prétendre à indemnité.

Art. 13. – Les conditions techniques auxquelles doivent satisfaire les dépôts de substances explosives et détonantes sont fixées par arrêté ministériel

draharahan'ny Harena ao ankibon'ny tany hanatanterahany ny fitsidihana sy hilazany ny heviny. Rehefa dila io fe-potoana io dia heverina ho toy ny efa nekena ny fangatahana.

Azon'ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena ao ankibon'ny tany atao koa, aorian'ny fanomezan-dàlana ny manao fepetra manokana fanampiny raha hita araka ny fitsapan-javatra izany, nefa izany tsy ahazoan'ilay nomena alalana hanaraka onitra.

And. 12. – Raha sendra tsy mankato ny fepetra manankery ilay olona nahazo alalana dia feperana hankato izany izy. Raha tsy izany dia ahato aloha na foanana mihitsy amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena ao ankibon'ny tany ny fanomezan-dàlana han-piasana ny toeram-panobiana.

Afa-tsy ny fampiharana eo noho eo hataon'ny mpandraharaha izay nahita fototra an'izany, raha sendra misy loza mitatao, dia mbola andraikitra ny topony koa ny lany rehetra momba ny famindran-toerana sy ny fivarotana ary ny fanapotehina ireo zava-mipoaka sy mitefoka efa mitoby, ka tsy azony arakarahina onitra izany.

And. 13. – Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra no mamaritra ny fepetra ara-teknika tsy maintsy arahina momba ny fanobiana zava-mipoaka sy mitefoka.

**TITRE V :
NOTIFICATION
DES AUTORISATIONS
D'ETABLIR ET D'EXPLOITER.**

Art. 14. – Notification des autorisations d'établir et d'exploiter un dépôt est faite par le Ministre des Mines (Service des Mines) :

- au permissionnaire ;
- au Ministre chargé de l'Intérieur ;
- au Ministre chargé du Transport ;
- au Ministre dont relèvent les Forces Armées ;
- au Ministre chargé de l'Urbanisme et de l'Habitat ;
- au Chef de Province, au Préfet et au Sous-Préfet ;
- au Chef de Subdivision minière.

**TITRE VI :
ACCIDENT
ET INCIDENT DIVERS.**

Art. 15. – En cas d'accident provoqué par la décomposition intempestive d'une substance explosive et n'ayant entraîné que des conséquences purement matérielles, l'exploitant du dépôt est tenu d'en aviser sans délai le Sous-Préfet, et par télégramme le Chef de Province et le Chef du Service des Mines, en indiquant succinctement les causes, les circonstances et les conséquences de l'accident.

**FIZARANA V :
FAMPAHALALANA
NY FANOMEZAN-DALANA
HANORINA TOERAM-PANOBIANA
SY HAMPIASA AZY.**

And. 14. – Ny Minisitry ny Harena ao an-kibon'ny tany (sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany) no mampahalala ny fanomezan-dalana hanorina toeram-panobiana sy hampiasa azy :

- olona nahazo alalana ;
- ny Minisitra miadidy ny Atitany ;
- ny Minisitra miadidy ny Fitaterana ;
- ny Minisitra iankinan'ny Foloalindahy ;
- ny Minisitra miadidy ny Fanatsarana ny Tanàna sy ny Fonenana ;
- ny Filoham-paritany, ny Lehiben'ny fileovana ary ny Lehiben'ny vakim-pileovana ;
- ny Lehiben'ny Fizarantsampan' ny Harena ao an-kibon'ny tany.

**FIZARANA VI :
VOINA MANJO SY FITRANGAN-
JAVATRA SAMY HAFANA.**

And. 15. – Raha misy voina manjo fa miova toetra tsy araka ny nampoizina ny zava-mipoaka nefa fahasimban-javatra ihany no vokatry izany, dia tsy maintsy mampandre tsy misy hatak'andro ny lehiben'ny vakim-pileovana ilay mpampiasa ny toeram-panobiana, ary an-telegrama no ampandreñsany ny filoham-paritany sy ny lehiben'ny Sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany, ka lazaina fohifohy ny antony nianian'ny loza, ny andinindiny ny

En cas d'accident de personne, l'exploitant du dépôt est tenu, sans préjudice des dispositions du Code du travail, d'en aviser sans délai la gendarmerie ou la police et le Sous-Préfet, et par télégramme, le Chef de Province et le Chef du Service des Mines, en indiquant les causes, les circonstances les conséquences de l'accident.

Le Chef du Service des Mines, ayant connaissance d'un accident ayant entraîné la mort ou des blessures, envoie sans délai sur place l'Ingénieur des Mines pour enquête technique.

Une copie du rapport d'enquête est transmise à l'autorité judiciaire compétente.

En cas de vol, disparition ou manquant de substances explosives et détonantes, l'exploitant du dépôt est tenu d'en aviser sans délai la gendarmerie ou la police et le Sous-Préfet et par télégramme le Chef de Province et le Chef du Service des Mines. Il en indique succinctement les circonstances et l'importance.

ny vokatr'izany.

Raha misy olona niharan-doza, dia voatery ilay mampiasa ny toeram-panobiana, ankoatry ny fepetra voalazan'ny Fehezandalàna momba ny asa, hampandre tsy misy hatak'andro ny zandarimaria na ny polisy sy ny lehiben'ny vakim-pileovana, sady mampandre an-telegrama koa ny filoham-paritany sy ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany, ka lazainy fohiohy ny antony niavian'ny loza, ny andinindiny ary ny vokatr'izany.

Raha vao mahare ny loza rahafaty na nandraatra olona ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany, dia mandefa *ingénieur des mines* tsy misy hatak'andro hakany amin'ny toerana nisehoan'ny loza izy mba hanao ny famotorana ara-teknika.

Andefasana kopia iray amin'ny fampakaran-teny momba ny famotorana ny manam-pahefana ao amin'ny fitsarana tandrifin'izany.

Raha misy nangalarina na tsy hita na nahaverezana ny zavamipoaka sy mitefoka, dia tsy maintsy mampandre tsy misy hatak'andro ny zandarimaria na ny polisy, ary ny Lehiben'ny vakim-pileovana ilay mpampiasa ny toeram-panobiana, sady mandefa telegrama amin'ny Filoham-paritany sy ny lehiben'ny Sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany. Ary lazainy fohiohy amin'izany ny andinindiny sy ny haben'ny zava-miseho.

**TITRE VII :
DISPOSITIONS PARTICULIERES.**

Art. 16. – Par dérogation aux dispositions de l'article premier du présent décret, les particuliers ou les collectivités autorisés à titre exceptionnel par le Chef de Province à acheter et utiliser des substances explosives et détonantes dans les conditions prévues par l'article 13 du décret n° 73-076 du 30 mars 1973 portant réglementation des importations, exportations acquisitions et cessions des substances explosives et détonantes pourront les conserver hors d'un dépôt agréé sous les réserves suivantes :

- 1° La quantité ne peut excéder 30 kilogrammes d'explosifs ou 500 grammes d'explosifs contenus dans les détonateurs ;
- 2° Les explosifs doivent être conservés dans une armoire ou coffre de construction robuste, muni d'une serrure de sûreté et solidement fixé au sol ou au mur.
Cette armoire ou coffre doit être placé à l'abri des intempéries dans un local non surmonté d'étage ou sous un hangar, lesquels ne doivent contenir ni explosifs, ni matières inflammables d'aucune sorte ;
- 3° Les détonateurs doivent être conservés dans un coffre fermé à clef et placé en lieu sûr. En

**FIZARANA VII :
FEPETRA MANOKANA.**

And. 16. – Noho ny fano-
mezan-dàlana tsy hampiharana ny
voalazan'ny andininy voalohany
amin'ity didim-panjakana ity, ny
tsangan'olona na ny lafim-piton-
dram-bahoaka nahazo alalana
noho ny antony manokana tamin'
ny Filoham-paritany hividy sy ham-
piasa zava-mipoaka sy mitefoka,
araka ny fepetra voalazan'ny andi-
niny faha-10 amin'ny didim-panja-
kana laharana faha-73-076 tamin'
ny 30 marsa 1973, izay mametra
ny fitsipika momba ny fanafarana
ny zava-mipoaka sy mitefoka sy ny
fanondranana ny fivarotana ary ny
fividianana azy ireo, dia mahazo
mitahiry ireo zavatra ireo any
ivelan'ny toeram-panobiana efa
nekena, raha tahiny anefa ka :

- 1° Tsy atao mihoatra ny telopolo
kilao (30 kg) ny habetsahan'ny
zava-mipoaka na dimanjato
grama (500 g) ny zava-
mipoaka ao anatin'ny vanja
mitefoka;
- 2° Ny zava-mipoaka dia tsy
main-tsy tehirzina ao anaty la-
limoara na vata mandonda tsara,
misy hidiny azo antoka, ary
mifan- toka mafy amin'ny tany
na amin'ny rindrina.
Io lalimoara io na vata io tsy
maintsy apetraka amin'ny toerana
tsy tratry ny fiovaovan'ny
toetr'andro, ao amin'ny efitra tsy
misy rihana, na amin'ny
trano heva, ka tsy asiana zava-
mipoaka ao na zavatra mora mire-
hitra, na karazan'afo na inona na
inona ;
- 3° Ny zava-mitefoka tsy maintsy,
tehirzina ao anaty vataky mi-
hidy lakile sady apetraka amin'

aucun cas, ils ne peuvent être déposés dans l'armoire ou le coffre destiné aux explosifs ;

4° Le gardiennage des explosifs et détonateurs doit être permanent.

Art. 17. – Lorsqu'un dépôt est resté inutilisé pendant plus d'un an ou lorsque des modifications importantes préalablement autorisées y sont apportées ou lorsque par suite d'un accident d'une explosion ou d'incendie ou de tout autre cause, celui-ci a été détruit ou mis momentanément hors d'usage, il ne peut être remis en service sans une nouvelle autorisation accordée dans les conditions fixées par les articles 6 à 11 ci-dessus.

TITRE VIII : CONTROLE DE L'ETAT.

Art. 18. – Le contrôle de l'Etat est exercé par les fonctionnaires ou militaires dûment habilités relevant des départements compétents pour connaître des questions énumérées à l'article ci-après :

Art. 19. – Ce contrôle porte notamment sur :

- la validité des autorisations ;
- la régularité de la tenue du registre d'entrée et de sortie ;
- la nature, la composition et l'état des enveloppes des substances explosives et déto-

ny toerana azo antoka. Na manao ahoana na manao ahoana dia tsy azo apetraka amin'ny lalimoara na vata efa voamomana hasiana zava-mipoaka izy ireo ;

4° Tsy maintsy atao lalandava ny fiambenana ny zava-mipoaka sy mitefoka.

And. 17. – Raha maherin'ny taona iray ny tsy nampiasana ny toeram-panobiana, na nisy fanamboarana lehibe efa nahazoan-dàlana natao taminy na noho ny loza vokatry ny fipoahana na haitrano, na antony hafa, ka rava na tsy azo nampiasaina vetivety ihany dia tsy azo atao mihitsy ny mampiasa azy indray raha tsy efa nahazoan-dàlana vaovao indray araka ny fepetra voatondron'ireo andininy faha-6 ka hatramin'ny faha-11 etsy ambony ireo.

FIZARANA VIII : ANDRY MASO ATAON'NY FANJAKANA.

And. 18. – Ny andry maso ataon'ny Fanjakana dia iandraiketany mpiasam-panjakana na miaramila efa nomem-pahefana hanao izany avy amin'ny sampana mahafantatra ireto zavatra lazaina amin'ity andininy manaraka ity.

And. 19. – Izaon indrindra no anaovana izany andry maso izany :

- ny mampanan-kery ny fahazoan-dàlana ;
- ny maha ara-dàlana ny boky fanoratana ny miditra sy mivoaka ;
- ny karazan'ny fonosana sy ny nanaovana azy ary ny toetrany mbamin'ny an'ny zava-mipoaka

nantes entreposées ;

- les conditions de stockage ;
- les mesures prises pour assurer la protection contre le vol, l'incendie et les intempéries ;
- la date limite d'utilisation des explosifs ;
- l'affichage et l'application des consignes de sécurité.

Art. 20. – L'exploitant est responsable des substances explosives et détonantes dont il a la garde.

Il doit, le cas échéant, prendre toutes mesures utiles pour en vérifier l'emploi et pour faire replacer dans le dépôt en fin de journée les substances explosives et détonantes qui n'auraient pas été utilisées.

L'exploitant d'un dépôt doit tenir un registre d'entrées et de sorties indiquant les quantités de substances explosives et détonantes introduites, avec leurs dates de réception et leurs provenances ainsi que les quantités sorties avec leurs dates de livraison et les noms des personnes auxquelles elles ont été remises.

Art. 21. – L'exploitant est tenu de donner, en tous temps libre accès aux dépôts de substances explosives et détonantes aux autorités chargées du contrôle. Il doit, à toute réquisition, leur communiquer les documents ou renseignements utiles à l'exercice du contrôle.

sy mitefoka tehirizina ao amin' ny toeram-panobiana ;

- ny fomba anobiana azy ;
- ny fiomanana natao hisirohana ny halatra sy ny hain-trano ary ny fiovaovan'ny toetr'andro ;
- ny fotoana voafetra ahazoana mampiasa ny zava-mipoaka ;
- ny peta-drindrina sy ny fampiharana ny baiko hisorohana ny loza.

And. 20. – Ny mpampiasa ny zava-mipoaka sy mitefoka no tompon'andraikitra amin'ireo zavatra tany ao aminy ireo.

Tsy maintsy ataony avokoa izay ahazoany manara-maso ny fampiasana azy ireo sy ny hamerenana izay zava-mipoaka sy mitefoka tsy nampiasaina any amin'ny toeram-panobiana rahafa hariva ny andro.

Ny mpampiasa toeram-panobiana dia tsy maintsy mitana boky fanoratana ny boky miditra sy mivoaka, ahitana ny habetsahan'ny zava-mipoaka sy mitefoka nampidirina, ny vaninandro nandraisana azy sy ny fihaviany, ary koa ny habetsahan'ny navoaka, ny vaninandro namoahana azy ary ny anaran'ny olona nomena azy.

And. 21. – Ny mpampiasa ny toeram-panobiana dia tsy maintsy mamela malalaka mandrakariva ny manampahefana miandraikitra ny fanaraha-maso mba hijery ny toeram-panobiana misy ny zava-mipoaka sy mitefoka. Hatolony azy ireo ny antotan-taratasy sy ny filazalazana rehetra mety hanampy azy amin'ny fanaovany andry maso raha vao takiana aminy.

Art. 22. – En cas de péril imminent reconnu par l'un des agents visés à l'article 24 de la présente réglementation, celui-ci en rend compte immédiatement au Sous-Préfet qui rend les mesures de sécurité indispensables.

Art. 23. – Les autorités de contrôle doivent adresser sous timbre confidentiel au Ministre chargé des Mines un procès-verbal des opérations qu'elles ont effectuées.

Des extraits de procès-verbal sont transmis aux autres Ministères intéressés pour les problèmes relevant de leur compétence.

TITRE IX : CONSTATATION DES INFRACTIONS.

Art. 24. – Les infractions à la présente réglementation sont recherchées et constatées par les officiers et agents de police judiciaire, les agents commissionnés des douanes et par les fonctionnaires et agents du Service des Mines ci-après :

- Ingénieurs du Service des Mines ;
- Chefs des subdivisions Minières ;
- Adjointes techniques du Service des Mines.

And. 22. – Raha sendra misy loza mananontanona hitan'ny iray amin'ireo mpandraharaha voalaza amin'ny andininy faha-24 amin'ity, dia ampandrenesina eo no ho eo ny Lehiben'ny vakim-pileovana, dia ao kosa indray no miadidy ny fitandremana rehetra ilaina.

And. 23. – Asian'ny manampahefana mpanara-maso ny fitomboka « tsy ambara telo » ny filazalazana an-tsoratra ny zavatra nataony dia alefany amin'ny Minisitra miadidy ny Harena ao ankibon'ny tany.

Dia andefasana kopian'io filazalazana an-tsoratra io koa ny Minisitra hafa izay mety ho voakasika noho ny olana mifanandrify amin'ny fahefana ananany.

FIZARANA IX : FIZAHANA FOTOTRA NY FANDIKAN-DALANA.

And. 24. – Ny mpiandraikitra sy ny mpandraharahan'ny fitsarana momba ny fikarohana ny fandikandàlana, ny mpiasan'ny seranana, ary ny mpiasam-panjakana sy ny mpandraharahan'ny Harena ao ankibon'ny tany voalaza manaraka eto no mikaroka sy mizaha fototra ny fandikana ny voalazan'ity fitsipika ity :

- ny *ingénieurs* amin'ny sampan-draharahan'ny Harena ao ankibon'ny tany ;
- ny lehiben'ny Fizarantsampan'ny Harena ao ankibon'ny tany ;
- ny *adjoints techniques* amin'ny sampan-draharahan'ny Harena ao ankibon'ny tany.

Art. 25. – Les procès-verbaux rédigés par ces fonctionnaires ou militaires sont transmis en originaux au magistrat du Ministère Public territorialement compétent qui exercera éventuellement les poursuites. Copies des procès-verbaux sont en outre transmis à l'Etat Major de la Défense nationale et des Forces Armées, au Ministère des Mines et au Ministère de l'Intérieur.

Art. 26. – Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de la Défense Nationale et des Forces Armées, le Ministre de la Justice, sont chargés chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

And. 25. – Ny matoan'ny fitan-tsoratra nataon'ireo mpiasampanjakana na ireo miaramila ireo no alefany any amin'ny mpitsara mpampanoa tompon'andraikitra eo an-toerana, ka io no hanao ny fitoriana raha ilaina. Dia mbola andefasana kopian'ny fitanana an-tsoratra momba izany koa ny foiben'ny Fiarovam-pirenena sy ny Foloalindahy, ny Minisiteran'ny Harena ao an-kibon'ny tany, ary ny Minisiteran'ny Atitany.

And. 26. – Ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Ministry ny Atitany, ny Ministry ny Fitsarana, ny Ministry ny Fiarovam-pirenena sy ny Foloalindahy no miandraikitra, araka izay tandrify azy avy, ny fanatantarahana ity didim-panjakana ity izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.

**II.6. DECRET N°73-079
du 30 mars 1973
fixant les conditions d'emploi
des substances explosives et
détonantes (J.O. n° 908 du
5.5.73, p. 1108)**

Article premier. – Tout utilisateur de substances explosives et détonantes est tenu de se conformer aux prescriptions du présent décret.

**TITRE PREMIER :
EXECUTION DES TIRS.**

**CHAPITRE PREMIER :
DISPOSITIONS GENERALES.**

Art. 2. – Tout tir doit être dirigé par un responsable ou Chef de tir. Ce responsable ne peut être qu'une personne connaissant parfaitement les consignes de sécurité et la technique des diverses opérations nécessaires par un tir qui seront définies par arrêté.

Le responsable des tirs peut être assisté d'un préposé au tir, ouvriers spécialisés, également appelés boutefeu ou tireurs qui sont chargés d'effectuer les opérations matérielles des tirs sous la responsabilité technique du Chef de tir.

En cas d'évolution des techniques de tir ou d'utilisation de matériels nouveaux, l'exploitant doit vérifier l'aptitude du Chef de tir et des préposés, à utiliser ces nouveaux moyens.

**II.6. DIDIM-PANJAKANA N° 73-079
tamin'ny 30 martsa 1973
mametra ny fomba fampiasana ny zava-mipoaka sy mitefoka (Idem)**

Andininy voalohany. – Izay rehetra mampiasa zava-mipoaka sy mitefoka dia tsy maintsy manaraka ny fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity.

**FIZARANA VOALOHANY :
FOMBA FANAOVANA
NY FANAPOAHANA.**

**TOKO VOALOHANY :
FEPETRA ANKAPOBENY.**

And. 2. – Ny fanapoahana rehetra dia tsy maintsy asiana mpiandraikitra na lehiben'ny fanapoahana. Io tompon'andraikitra io dia tsy maintsy ho olona mahalala tsara ny baiko atao hisorohana ny loza sy ny teknika isan-karazany ilaina amin'ny fanapoahana, ka hisy didim-pitondrana hametra izany.

Ny tompon'andraikitra amin'ny fanapoahana dia mety ampiana olona mikarakara ny fanapoahana na mpiasa voatokana amin'izany izay antsoina koa hoe *boute de feu*, na mpanapoaka, ka izy ireo no asaina mikarakara ny fanapoahana, ka ny lehiben'ny fanapoahana no miandraikitra ny teknikan'izany.

Raha misy fandrosoana ara-teknika amin'ny fanapoahana, na raha fitaovana vaovao no ampiasaina, dia tokony hodinihin'ny mpampiasa azy ny fahaizan'ny lehiben'ny fanapoahana sy ireo mpanampy azy raha tokony ho hainy hampiasaina izany fomba vaovao izany.

Art. 3. – Le titulaire d'une autorisation d'achat et d'utilisation occasionnelle de substances explosives et détonantes ne doit sous sa responsabilité confier la mise en oeuvre des explosifs qu'à une personne connaissant parfaitement les règles de leur utilisation.

Art. 4. – Les explosifs sortant des dépôts ne seront distribués qu'au Chef de tir. Les coups seront chargés et tirés en sa présence. Le Chef de tir doit tenir un carnet indiquant quotidiennement, les quantités de substances explosives et détonantes reçues et, leur répartition par chantier.

En fin de poste, les substances non utilisées sont réintégrées dans les dépôts et mention en est faite sur le carnet. Il est interdit d'emporter à domicile des substances explosives et détonantes.

Art. 5. – Il est rigoureusement interdit de faire usage d'explosifs, de mèches de sûreté, de détonateurs, de cordeau détonant, d'ex-ploseur, de bourroirs et de tubes guides autres que ceux fournis par l'exploitant.

Les bourroirs doivent être exclusivement en bois.

Aucune substance explosive et détonante détériorée ou suspecte, la dynamite grasse ou gelée, ne doit être introduite dans le chantier ni distribuée.

And. 3. – Ny olona nahazo alàlana hividy sy hampiasa tsindraindray ny zava-mipoaka sy mitefoka, izay tompon'antoka amin'izany, dia tsy mahazo mampian-draikitra ny fampiasàna ny zava-mipoaka afa-tsy ny olona izay efa mahalala tsara mihitsy ny fitsipika arahina amin'ny fampiasàna izany.

And. 4. – Ny lehiben'ny fanapoahana ihany no hizarana ny zava-mipoaka vao mivoaka ny toeram-panobiana. Eo anatrehany no hanaovana ny famahanana sy fanapoahana. Tsy maintsy mitana bokikely ny lehiben'ny fanapoahana mba hanamarinany isan'andro ny habetsahan'ny zava-mipoaka sy mitefoka voarainy, sy ny fizarany azy isaky ny toerana fiasana.

Raha vao mitsahatra ny asa, dia averina any amin'ny toeram-panobiana ireo zavatra tsy nampiasaina ireo, ka asiana filazàna momba izany ao amin'ilay bokikely. Raràna ny mitondra mody any antrano ilay zava-mipoaka sy mitefoka.

And. 5. – Raràna mafy mihitsy ny hampiasa ho fanapoahana ny lahiny mirehitra miadana, ny fampitefohana, ny tady mampitefoka, ny fanapoahana, ny fitoana faham-banja, ary ny fantsona fanesehana, afa-tsy izay omen'ilay mpampiasa ihany.

Hazo irery ihany no azo atao fitoana faham-banja.

Ny zava-mipoaka na mitefoka efa simba na mampisalasalàna, ny dynamite mandranoka na mandry, dia tsy misy azo ampidirina ao amin'ny toeram-piasana na zaraina

ao.

Art. 6 – 1° On ne distribue chaque jour que les quantités de substances explosives et détonantes nécessaires aux travaux de la journée.

Les explosifs et détonateurs doivent être distribués séparément ;

2° Les détonateurs et les explosifs doivent être transportés dans des récipients distincts ;

3° Le transport des substances explosives est en outre, soumis dans des puits, aux règles suivantes :

- a. La vitesse de la cage ne peut dépasser celle qui est prévue pour les cordées de personnel, seuls les ouvriers chargés du transport et le personnel de surveillance peuvent circuler dans cette cage, le machiniste d'extraction, les receveurs du fond et du jour sont préalablement avisés.
- b. Le transport simultané de détonateurs et d'explosifs est interdit ;
- c. Les détonateurs et les explosifs destinés à l'approvisionnement d'un dépôt souterrain ne peuvent être transportés que dans leur emballage d'origine.

Art. 7. – Au chantier, les explosifs et les détonateurs ne peuvent être conservés que dans des coffres munis de fermeture solide, normalement fermés à clé et ne contenant aucun autre objet.

Il est interdit de mettre dans un même coffre des explosifs de

And. 6. – 1° Ny zava-mipoaka sy mitefoka sahaza ho an'ny asa atao indray andro ihany no azo zaraina isan'andro.

Samy avahana ny fizarana ny zava-mipoaka sy zava-mitefoka ;

2° Fitaovana samy hafa no itondrana ny zava-mipoaka sy ny zava-mitefoka ;

3° Ankoatr'izany, ny fitaterana ny zava-mipoaka sy ny fanatsofohana azy ao an-davaka dia anpanarahina izao fepetra izao :

- a. Tsy azo alefa haingana noho ny fitanterana olona ny fandehan'ny vata fitaterana zava-mipoaka ; ny mpiasa miandraikitra ny fitaterana sy ny mpitandrina azy ihany no mahazo mivezivezy amin'io vata io ; ny mpitana ny milina fandoarana sy ny mpandray entana any anaty lavaka sy ny ety ambony dia samy ampandrenesina mialoha ;
- b. Raràna tsy azo atao indray mitatitra ny zava-mipoaka sy mitefoka ;
- c. Ny fonosany hatrany ampony ihany no itondrana ny zava-mipoaka sy mitefoka lamatsiana ny toeram-panobiana any ambanin'ny tany.

And. 7. – Any amin'ny toeram-piasana dia lalimora misy hidiny mafy sady tokony hihidy lakile no tsy maintsy itehirizana ny zava-mipoaka sy mitefoka, ka tsy azo asiana zavatra hafa mihintsy ao anatiny.

Raràna ny mampirina zava-mipoaka samy hafa karazana ao

classes différentes.

Les détonateurs sont toujours dans un coffre, séparés et contenus dans des boîtes ou dans des étuis.

Ces coffres sont tenus à l'abri de l'humidité et des intempéries, des flammes, des effets des coups de mines et des chocs de toute nature.

S'ils sont amenés à contenir plus de 30 kilogrammes d'explosifs, les coffres doivent répondre aux conditions d'isolement prévues pour les dépôts de troisième catégorie. Les clés de coffres sont à la disposition exclusive du Chef de tir.

Art. 8. – Il est interdit :

- 1° d'abandonner sans surveillance ou sans bourrage un coup de mine chargé ou raté ;
- 2° de débourrer ou d'enlever la charge d'un coup de mine, qu'il ait été allumé ou non.

Art. 9. – Le tir par grosse mine dans des trous pochés à l'acide ou élargie au moyen d'explosifs peut être exceptionnellement pratiqué pour des travaux spéciaux avec l'autorisation du Chef du Service des Mines.

Il est effectué en présence d'un responsable, désigné par l'exploitant comme présentant toutes garanties d'expérience et suivant une consigne spéciale.

Cette consigne établie par écrit conformément aux dispositions de l'article 2 fixe notamment les pré-

anaty lalimoara iray.

Ny zava-mitefoka dia atao anaty boaty mandrakariva na ao anatin'ny horonany, ary tehirizina anaty vata.

Tandremana tsara sy atao tsy ho tratry ny hamandoana sy ny fiovaovan'ny toetr'andro, ny lela-afo, ny fiantefan'ny fipoakan'ny vanja ary ny fifandonana samy hafa.

Raha voatery tsy maintsy hāsiana zava-mipoaka mihoatra ny telopolo kilao (30 kilograma) ao anatin'ny, dia ny fepetra fampitokanana ny toeram-panobiana sokajy fahatelo no hampiarina amin'izany vata izany. Ny lehiben'ny fanapoahana irery ihany no mitana ny fanalahidin'ny vata.

And. 8. – Raràna:

- 1° ny mandao tsy asiana mpiambina na tsy voatsensina ny lavaka iray efa voaisy totovory na tsy nety nipoaka ;
- 2° ny manala tsentsina na manala totovory ny lavaka iray, na efa nampirehetina izy io na tsia.

And. 9. – Ny fanapoahana amin'ny lavaka be noloahana tamin'ny asidra na nohalehibiazina tamin'ny zava-mipoaka dia azo atao noho ny antony manokana mba hamitana asa miavaka tsara ka nahazoana alàlana tamin'ny Lehiben'ny Sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany.

Eo anatrehan'izay tompon' andraikitra notrendren'ny mpampiasa azy noho izy io azo antoka fa zà-draharaha amin'izany, sady mana-raka ny baiko manokana no anaovana ny fanapoahana.

Izany baiko izany dia ampan-driana an-tsoratra, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-2

cautions à prendre pour le pochage, soit aux explosifs, soit à l'acide, en particulier le refroidissement ou le lavage des poches, pour le chargement et le bourrage des dites poches. Le débouillage des coups ratés doit faire dans chaque cas l'objet d'une décision personnelle de l'exploitant.

Art. 10. – Le chargement, le bourrage et le tir des coups de mine doivent être exécutés par le préposé au tir sous la surveillance et la responsabilité immédiate du Chef de tir qui doit prendre des dispositions utiles pour éviter les accidents lors de tir. Il doit, en particulier, assigner aux ouvriers des points de refuge sûr et s'assurer, avant que le coup de mine ne soit tiré, que tout le personnel du chantier ou des chantiers voisins pouvant être atteint par les effets de l'explosion est convenablement abrité, que les mesures nécessaires ont été prises en temps utile pour prévenir ceux qui s'approcheraient trop du chantier. Il doit également s'assurer du bon état des lieux susceptibles de subir les effets de l'explosion. Avant la mise à feu, le Chef de tir ou le préposé s'assure qu'il peut rejoindre son abri avec toute la sécurité désirable que tous les ouvriers sont hors d'atteinte ; il quitte le chantier et fait annoncer le tir par un signal sonore.

Au cas où les projections risqueraient d'endommager des

ka manondro indrindra ny nitan-dremana ilaina amin'ny fandava-hana na amin'ny zava-nipoaka izany, na amin'ny asidra, indrindra ny fampangatsiahana na ny fanasana ny lavaka alohan'ny hamahanana azy sy hanasiana tovoary azy ireny. Isak'izay misy lavaka tsy mipoaka dia tenan'izy mpampiasa mihitsy no mibaiko ny fanalana ny tovoary ao anatiny.

And. 10. – Ny famahanana sy fanasiana tovoary ary ny fanapoahana dia ilay voatendry hanapoaka no manantanteraka azy ka ny lehiben'ny fanapoahana no mitandrina sy miadraikitra izany, ary tsy maintsy ataony ny fitandremana rehetra mba hisorohana ny loza tampoka eo amin'ny fanapoahana. Ary ny mpiasa rehetra dia efa anomanany toeram-pialofana azo antoka mialoha, sady ialany nenina tsara alohan'ny fipoahana, mba samy ho tsara fialofana daholo na ny mpiasa eo an-toerana na ireo any amin'ny toeram-piasana manodidina, ary efa voakalamina mialoha koa ny fampandrenesana raha sendra misy manakaiky loatra ny toeram-piasana. Dia dinidinihiny avokoa ny manodidina raha tokony hahazaka ny fiantraikan'ny hery avy amin'ny fipoahana. Alohan'ny handrehetana dia hamarinin'ny lehiben'ny fanapoahana, na ilay voatendry hanapoaka, fa ho trany tsara tsy misy sampona ilay fialofana hiereny, ary ny mpiasa rehetra dia samy tsy ho trapa-voazana ; farany dia ialany ny toeram-piasana ka asainy velomina ny anjomara mba hanambara fa hisy fipoahana.

Raha ohatra mety hanimba ny zava-miorina eny manodidina eny

installations voisines, du bon état desquelles dépend la sécurité des ouvriers, ou de causer des dégâts en dehors du chantier, les coups de mine doivent être recouverts de fascines ou d'autres objets appropriés.

Art. 11. – Dans aucune mine ou carrière, un coup de mine chargé ne doit être au voisinage, d'un autre coup dont l'explosion pourrait enflammer le premier. Les deux coups de mine doivent être tirés simultanément.

Art. 12. – Après le tir et dès que les fumées sont suffisamment dissipées, le Chef de tir effectue seul la reconnaissance du chantier ; pour constater que les coups de mine ont fonctionné normalement ; il fait ensuite procéder à sa purge.

En cas de raté ou de départ douteux, la reconnaissance du chantier ne doit commencer que cinq minutes après le tir, si la mise à feu a été électrique. Si l'allumage a été fait à la mèche, le chantier est consigné pendant une heure au moins. Avis immédiat de l'incident doit, dans les deux cas, être donné à la surveillance.

Toute tentative de rallumage de mèche est interdite.

Art. 13. – L'emplacement des coups ratés est réparé.
Ces coups doivent être, sauf

ny fiparitaky ny fipoahan-javatra, nefa ireo no miantoka ny fisorohana ny loza tsy hihatra amin'ny mpiasa, na mety hitera-doza any ivelan'ny toeram-piasana any, dia tokony ho rakofana rantsan-kazo matevina, na zavatra hafa mety hatao amin'izany ny lavaka.

And. 11. – Amin'ny lavaka fihadiana metaly na fihadiam-bato, dia tsy azo atao mifanila toerana mihintsy ny lavaka roa efa samy misy totovory, andrao ny fipoahan'itsy hampipoaka koa an'iroa. Fa tsy maintsy atao indray mipoaka koa izy roa .

And. 12. – Ao aorian'ny fipoahana, rehefa misavasava ny setroka, dia mandeha irery mandinika ny toeram-piasana ny lehiben'ny fanapoahana, mba hahalalany fa nandeha araka ny tokony ho izy ny fanapoahana ; avy eo dia asainy diovina.

Raha amin'ny herim-baratra no anaovana ny fandrehetana, ka sendra misy maty afo, na misy mpisalasala ny fandehany, dia afa-ka dimy minitra ao aorian'ny fipoahana no atao ny fizahana ny toeram-piasana. Ary raha amin'ny lahiny no anaovana ny fandrehetana, dia hidina mandritry ny ora iray raha kely indrindra ny toeram-piasana. Amin'ireo anton-javatra roa tonta ireo, dia ampandrenesina haingana ny momba izany sampona izany ny mpiandraikitra ny fiambenana.

Raràna mafy ny manandrana mandrehitra fanindroany izany bahiny izany.

And. 13. – Marihina tsara ny toerana misy ny lavaka maty afo.
Tsy maintsy savaina araka izao

recours à la dérogation visée à l'article 8, dégagés avec les précautions prévues ci-après.

Les coups de mine devant remplacer de coups ratés sont forcés sur l'indication du Chef de tir. Un coup de remplacement doit être placé et orienté de telle sorte que la distance entre l'ancienne charge et le nouveau trou soit supérieure à 30 centimètres.

L'enlèvement des déblais est effectué sous la surveillance directe du Chef de tir ou du préposé au tir avec toutes les précautions propres à rechercher toutes cartouches qui auraient pu être projetées avec les déblais et à éviter leur explosion sous le choc des outils.

De telles cartouches doivent être détruites en lieu sûr.

Art. 14. – 1° Les trous ayant fait canon et les fonds du trou restés intacts après l'explosion doivent, dès leur reconnaissance, être repérés au moyen de broches en bois. Il est formellement interdit de les approfondir et de les curer. Les broches sont fournies par l'exploitant.

Les cartouches ou portions de cartouche qui seraient restées aux fond des trous ne doivent pas en être retirés.

2° Les trous ayant fait canon ou les fonds de trou ne peuvent être rechargés seulement que par le Chef de tir ; après qu'il se soit assuré que les trous sont convenablement refroidis et en tous cas, après un délai d'une demi-heure au moins après le retour au chantier; une boule d'argile grasse doit

fitandremana manaraka izao ny lavaka maty afo afa-tsy hoe omen-dalana tsy ampiarina izay voazan'ny andininy faha-8.

Ny lehiben'ny fanapoahana no manondro ny toerana asiana ny lavaka asolo ny maty afo. Atao maherin'ny telopolo santimetatra (30 cm) ny elanelana mampisarakana ny lavaka maty afo amin'ilay vaovao.

Eo ambany fiadidian'ny tenan'ny lehiben'ny fanapoahana, na ilay voatendry hanapoaka, no anesorana ny ranontany ka tandremana tsara amin'izany ndrao sendra misy katirijy natoraky ny fipoahana miaraka ny ranontany, mba tsy hipoaka rahefa mifampikitrana amin'ny fiasana.

Any amin'ny toerana azo antoka tsy hampidi-doza no anapotehana ny katirijy toy ireny.

And. 14. – 1° Raha vao atao fisavana ka hita fa mbola nisy tsy nipoaka ny fanambanin'ny lavaka sy ny vodi-lavaka, dia asiana marika amin'ny bakankazo io lavaka io. Raràna mafy mihintsy ny mandalina na misikotra azy. Ny mpampiasa no miantoka ny bankakazo.

Tsy azo sokirina ny katirijy na ny potiny tavela any amin'ny vodi-lavaka.

2° Ny lehiben'ny fanapoahana irery ihany no mahazo manisy b-tovory indray ao amin'ny lavaka nitsefotra na tsy nipoaka, rahefa namarininy tsara fa nangatsiaka tanteraka ny lavaka, ary rahefa dila ny antsasak'adiny raha haingana indrindra aorian'ny fiverenana eo amin'ny toeram-piasana ; ampidi-

être introduite au fond du trou et la nouvelle cartouche enfoncée très doucement.

3° Le forage, d'un coup de mine à proximité d'un trou ayant fait canon ou à proximité d'un fond de trou et le déblaiement consécutifs sont assujettis aux prescriptions de l'article 13.

Art. 15. – Lorsqu'un coup raté, un coup ayant fait canon ou un fond de trou n'ont pas été rendus inoffensifs avant la fin de poste, le chantier doit être barré par le Chef de tir qui en informe le surveillant ou le Chef d'exploitation ; ce dernier prend sous sa responsabilité toutes dispositions utiles pour que des informations précises sur la position, la longueur et l'orientation du trou parviennent d'une manière sûre au Chef de tir suivant.

Les mêmes précautions sont prises lorsque, exceptionnellement, un coup de mine chargé ne peut être tiré avant la fin du poste.

Tout chantier où le travail a été abandonné ou suspendu temporairement doit être soigneusement examiné par le Chef du tir qui s'assure qu'il n'y a pas de raté ou de trou fait canon sur le front d'avancement. Il rend compte de cet examen au Chef d'exploitation.

Art. 16. – Toute activité dans le chantier où des trous sont déjà chargés, doit être interdite, tant que le tir des coups de mine n'est pas achevé.

nina vongan-tanimanga bodaboda any amin'ny vodi-lavaka dia alefa moramora manaraka ny katirijy vaovao.

3° Ny fandoahana lavaka vaovao mifanila amin'ny vodi-lavaka tsy nipoaka, ary ny fanadiovana ny ranontany aorian'ny fipoahany dia ampanarahana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-13.

And. 15 : Raha misy lavaka maty afo, na nitsefotra na vodi-lavaka tsy nipoaka ka tsy voamboatra mba tsy nipoaka ka tsy voamboatra mba tsy hitera-doza alohan'ny fifaranan'ny asa, dia asian'ny lehiben'ny fanapoahana sakana ny toeram-piasana sady mamandre ny mpiambina na ny lehiben'ny toby izy, dia io kosa indray no mandray ny andraikitra rehetra mba hampahafantatra tsara izay lehiben'ny fanapoahana vao hiditra handimby avy eo ny toerany, ny halaliny ary ny fandriny lavaka.

Mbola izany fitandremana izany ihany koa no atao raha ohatra mbola tsy voapoaka alohan'ny fifaranan'ny fotoam-piasana ny lavaka efa misy totovory.

Ny toeram-piasana rehetra izay niasana ka nilaozana na najanona vonjy maika dia tsy maintsy dinihin'ilay lehiben'ny fanapoahana fatratra sao dia misy lavaka maty afo na nitsefotra fotsiny. Dia ampahafantariny ny lehiben'ny toby ny vokatr'izany fandinihina nataony izany.

And. 16. – Raràna mihitsy ny asa rehetra ao anatin'ny toeram-piasana izay misy lavaka efa voaisy totovory ambarapahavitany ny fanapoahana ireo lavaka ireo.

Art. 17. – Dans le tir à l'électricité, l'organe de manoeuvre de l'appareil de mise à feu reste toujours à la disposition exclusive du Chef de tir qui ne le met en place qu'au moment d'allumer les coups, et après avoir pris les précautions indiquées à l'article 10.

Art. 18. – 1° Les caractéristiques des explosifs et leurs conditions d'emploi doivent exclure tout risque de raté par défaut de puissance ;

2° Les caractéristiques électriques essentielles des explosifs sont vérifiées périodiquement dans les ateliers convenablement outillés ; la nature de ces vérifications sont définies par les instructions prévues à l'article 20.

CHAPITRE II : DISPOSITION PARTICULIERE.

Art. 19. – L'utilisation des explosifs dans les industries est soumise à autorisation du Chef du Service des Mines.

TITRE II : SECURITE.

Art. 20. – L'utilisateur des substances explosives et détonantes est tenu de donner à son personnel les instructions nécessaires définies aux articles suivants :

And. 17. – Raha herim-baratra no entina manapoaka, dia tsy maintsy eo am-pelatànan'ny lehiben'ny fanapoahana irery ihany ny milina ilaina amin'izany, ka tsy hahetany raha tsy amin'ny fotoana fandrehetana indrindra ary amin'izany dia efa vita avokoa ny fitandremana rehetra voalazan'ny andininy faha-10.

And. 18. – 1° Ny toetra mampiavaka ny zavatra mampipoaka sy ny fomba fampiasa azy dia tokony tsy hampisy izany vanja maty afo izany noho ny hakelezan'ny heriny ;

2° Savaina ara-potoana any amin'ny trano fiasana hary fitaovana ny milina tena manome ny tanjan'ny zavatra fanapoahana entin'ny herim-baratra ; ny fomban'izany fanamarinana izany dia voafaritry ny toro-làlana voalaza ao amin'ny andininy faha-20.

TOKO II : FEPETRA MANOKANA.

And. 19. – Ny fampiasana ny zava-mipoaka amin'ny trano fanaovana taozavatra dia angatahana alàlana amin'ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany.

FIZARANA II : NY FISOROHANA NY LOZA.

And. 20. – Tsy maintsy atoron'ny mpampiasa zava-mipoaka sy mitefoka ny mpiasany ny toro-làlana rehetra ilaina araka ny voalazan'ireto andininy manaraka ireto :

Art. 21. – Ces instructions sont données par écrit sous forme de consignes et concernent :

- le transport et la conservation des substances explosives et détonantes sur le lieu d'emploi ou à proximité ;
- leur distribution ;
- l'amorçage, le chargement, le bourrage des trous de mines ;
- l'éloignement en temps utiles des individus ;
- la mise à feu des coups de mines ;
- la visite du chantier après le tir ;
- la marche à suivre en cas de ratés ;
- la destination à donner aux substances explosives et détonantes non utilisées en fin de poste ;
- les précautions à l'égard des explosifs détériorés ou suspects, notamment les dynamites grasses ou gelées ;
- la comptabilité des substances explosives et détonantes consommées dans les travaux ainsi que le contrôle de leur utilisation.

Art. 22. – Les consignes doivent être rédigées en malgache et en français et affichées en tous points utiles de chaque chantier ou lieu d'utilisation.

Art. 23. – Dans le cas où pour une cause quelconque, la sécurité se trouve compromise, l'exploitant doit aviser sans délai le Chef du

And. 21. – Ampandriana antoratra ireo toro-làlana ireo ka atao toy ny baiko ary mikasika :

- ny fitaterana sy ny fitehirizana ny zava-mipoaka sy mitefoka eo amin'ny toerana ampiasana azy na eny akaikiny ;
- ny fizarana azy ;
- ny famahanana, ny fanesehana ary ny fanasiana totovory amin'ny lavaka ;
- ny fampanalavirana ny mpiasa ara-potoana ;
- ny fandrehetana ny lavaka ;
- ny fisafoana ny toeram-piasana ao aorian'ny fipoahana ;
- izay tokony hatao raha misy lavaka maty afo ;
- izay toerana tokony hametrahana ny zava-mipoaka sy mitefoka tsy nampiasaina tamin'ny fiafaran'ny fotoampiasana ;
- ny fitandremana momba ny zava-mipoaka efa simba na mampisalasala , indrindra fa ny dynamite be menaka mandry ;
- ny kaontin'ny zava-mipoaka sy mitefoka lany tamin'ny asa ary ny fanamarinana ny fampiasana azy.

And. 22. – Atao teny malagasy sy teny frantsay ny baiko ary atao peta-drindrina amin'izay toerana talaky maso rehetra ao amin'ny toeram-piasana na amin'ny toerana ampiasana ny zava-mipoaka sy mitefoka.

And. 23. – Raha sendra misy anton-javatra tsy ahazoana misoroka ny loza, dia tsy maintsy ampandrensin'ny tompon'ny toby

Service des Mines et le Sous-Préfet.

L'exploitant est tenu de se conformer aux mesures prescrites pour faire cesser le danger.

S'il ne se conforme pas à ces mesures dans le délai qui lui est fixé, il y est pourvu d'office, et à ses frais par les soins de l'administration.

Art. 24. – En cas de péril imminent reconnu soit par l'un des fonctionnaires et agents visés à l'article 34 ci-dessous, celui-ci en rend compte immédiatement au Sous-Préfet qui prend les mesures de sécurité indispensables.

Art. 25. – A tout moment, le Ministre chargé des Mines peut, sur proposition du Chef du Service des Mines, mettre l'exploitant en demeure d'avoir à prendre les mesures de sécurité qu'il jugerait utiles.

La non-exécution des mesures ainsi prescrites dans le délai qui est imparti entraîne pour l'exploitant le retrait temporaire ou définitif de son autorisation sans qu'il puisse prétendre à aucune indemnité.

Art. 26. – A tout moment, le Sous-Préfet sur l'avis de l'ingénieur des Mines peut ordonner aux frais de l'intéressé, sans que celui-ci puisse prétendre à indemnité, l'enlèvement, la vente ou la des-

haingana ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany sy ny lehiben'ny vakim-pileovana.

Tsy maintsy arahin'ny mpampiasa ny toby ny fepetra voadidy atao mba hampisava ny loza.

Raha tsy manaraka izany é-petra izay ao anatin'ny fe-potoana natao ho azy izy, dia ny Fanjakana no miandraikitra izany avy hatrany fa ny mpampiasa kosa mandoa ny lany rehetra momba izany.

And. 24. – Raha misy loza mananontanona tazan'ny iray amin'ireo mpiasam-panjakana na ny mpandraharaha voalazan'ny andininy faha-34 eto ambany, dia ampandrenesin'ireo haingana ny lehiben'ny vakim-pileovana mba hikarakarany ny fitandremana izay tsy maintsy atao.

And. 25. – Mandrakariva, rehefa manolo-kevitra ny lehiben'ny Sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany dia azon'ny Minisitra miadidy ny harena ao an-kibon'ny tany atao ny manery ny mpampiasa ny toby hanao izay fitandremana rehetra heveriny ho mety hisorohana ny loza.

Ny tsy fanatanterahana izany baiko izany ao anatin'ny fotoana voafetra dia mety hahatonga ny fanesorana vonjy maika na mandrakizay ny fahazoan-dalana amin'ny tompony, nefa izy tsy mahazo mangataka onitra amin'izany.

And. 26. – Mandrakariva, rehefa mahazo filazana avy amin'ny *ingénieur*-n'ny harena ao an-kibon'ny tany ny lehiben'ny vakim-pileovana, dia azony atao ny mame nomme baiko hanala, na hivarotra,

truction des explosifs constituant un danger public non conservés dans les conditions prescrites par la réglementation en vigueur.

TITRE III : ACCIDENTS.

Art. 27. – 1° En cas d'accident, purement matériel par la décomposition intempestive d'une substance explosive, l'exploitant est tenu d'en aviser sans délai, le Sous-Préfet et par lettre recommandée, le Chef de Province et le Chef du Service des Mines, en indiquant succinctement les causes, les circonstances et les conséquences de l'accident ;

2° En cas d'accident de personne, l'exploitant est tenu sans préjudice des dispositions du Code de Travail, d'en aviser sans délai la Gendarmerie ou la Police et le Sous-Préfet et, par télégramme, le Chef de Province et le Chef de Service des Mines, en indiquant succinctement les causes, les circonstances et les conséquences de l'accident.

Le Chef du Service des Mines, ayant connaissance d'un accident ayant entraîné la mort ou des blessures, envoie sans délai sur place un ingénieur des Mines pour enquête technique.

Copie du rapport d'enquête est transmise à l'autorité judiciaire compétente ;

na hanapotika ireo zava-mipoaka mety hampidi-doza ny be sy ny maro, izay tsy notehirizina araka izy, sady mbola izy koa no miantoka ny lany rehetra amin'izany.

FIZARANA III : VOINA MANJO.

And. 27. – 1° Raha sendra misy fahavoazana mihatra amin'ny fitaovana fotsiny ihany noho ny fahasimban'ny zava-mipoaka tsy nampoizina, dia mampandre tsy misy hatak'andro ny lehiben'ny vakim-pileovana ny mpampiasa, sady mandefa taratasy "tsy very mandeha" amin'ny filoham-paritany sy ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany, ka lazainy fohifohy amin'izany ny mahatonga ny loza, ny andinindiny ary ny vokatr'izany ;

2° Raha misy voina mihatra amin'olona, tsy tohinina anefa ny fepetra voalazan'ny fehezandalàna momba ny asa, dia tsy maintsy ampandrenesina tsy misy hatak'andro koa ny zandarimaria na ny mpitandro ny filaminana sy ny lehiben'ny vakim-pileovana ary andefasana telegrama ny Filoham-paritany sy ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany, ka lazaina fohifohy amin'izany ny nahatonga ny loza, ny andinindiny, ary ny vokatr'izany.

Raha hena amin'ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany ny loza nahafaty na nandraitra olona, dia mandefa ingénieran'ny harena ao an-kibon'ny tany izy hanao ny famotorana ara-teknika eny an-toerana.

Dia alefa any amin'ny fitsarana miandraikitra izany, ny kopian'ny fampakaran-teny momba ny famo-

3° En cas de vol, disparition ou manquant de substances explosives ou détonnantes, l'exploitant est tenu d'en aviser sans délai la Gendarmerie ou la Police, et le Sous-Préfet et par télégramme, le Chef de Province et le Chef du Service des Mines. Il en indique succinctement les circonstances et l'importance.

TITRE IV : CONTROLE DE L'ETAT.

Art. 28. – Le contrôle de l'Etat est exercé par des fonctionnaires ou militaire dûment habilités relevant des départements compétents pour connaître des questions énumérées à l'article ci-après.

Art. 29. – Ce contrôle porte notamment sur :

- la validité des autorisations ;
- la régularité de la tenue du registre d'entrée et de sortie ;
- la nature, la composition et l'état des enveloppes et des substances explosives et détonnantes entreposées ;
- les conditions de stockage ;
- les mesures prises pour assurer la protection et les intempéries ;
- la date limite d'utilisation des explosifs ;
- l'affichage et l'application des consignes de sécurité.

torana ;

3° Raha misy halatra, na nanjavona, na fahaverezana ny zavamipoaka na mitefoka, dia ampan-dresin'ny mpampiasa tsy misy hatak'andro ny zandarimaria na ny mpitandro ny filaminana sy ny lehiben'ny vakim-pileovana, ary andefasany telegrama ny Filoham-paritany sy ny lehiben'ny Sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany, ka lazaina fohifohy amin'izany ny andinindininy sy ny halehiben'izany.

FIZARANA IV : ANDRY MASO ATAON'NY FANJAKANA.

And. 28. – Mpiasam-panjakana na miaramila nomem-pahefana hanao izany, sady nalaina tamin'ny sampan-draharaha havanana momba ny zavatra voatondron'ny andininy eto ambany no manantanteraka ny andry maso ataon'ny Fanjakana.

And. 29. – Ny anaovana andry maso indrindra dia :

- ny fetra mampanan-kery ny fahazoan-dàlana;
- ny fitanana ara-dalàna ny lo-ky fanoratana ny miditra sy mivoaka ;
- ny karazan'ny zava-mipoaka sy mitefoka natoby sy ny fangarony ary ny toetry ny fonosany ;
- ny fomba fanobiana ;
- ny fitandremana natao hisorohana ny halatra, ny haintrano, ary ny fivadibadihan'ny toetr'andro ;
- ny fetra farany azo ampiasaina ny zava-mipoaka ;
- ny fanaovana peta-drindrana sy ny fampiarana ny baiko hiso-

rohana ny loza.

Art. 30. L'exploitant est responsable des substances explosives et détonantes dont il a la garde.

Il doit, le cas échéant, prendre toutes mesures utiles pour en vérifier l'emploi et pour faire rapiécer dans le dépôt en fin de journée les substances explosives et détonantes qui n'auraient pas été utilisées.

L'exploitant d'un dépôt doit tenir un registre d'entrées et de sorties indiquant les quantités de substances explosives détonantes introduites, avec leurs dates de réception et leur provenance ainsi que les quantités sorties avec leurs dates de livraison et les noms des personnes auxquelles elles ont été remises.

Art. 31. – L'exploitant est tenu de donner, en tous temps, libre accès aux dépôts de substances explosives et détonantes aux autorités chargés du contrôle. Il doit, à toute requisition, leur communiquer les documents des renseignements utiles à l'exercice du contrôle.

Art. 32. – En cas de péril imminent reconnu par l'un des agents visés à l'article 34 de la présente réglementation, celui-ci en rend compte immédiatement au Sous-Préfet qui prend les mesures de sécurité indispensables.

Art. 33. – Les autorités de contrôle doivent adresser sous

And. 30. – Tompon'andraikitra amin'ny zava-mipoaka sy mitefoka eo am-pelatanany ny mpampiasa ny toby.

Noho izany, dia hamarininy tsara mihitsy ny fampiasana sy ny famerenana isan-kariva eo amin'ny toeram-panobiana ny ambin'ny zava-mipoaka sy mitefoka tsy nam-piasaina .

Mitàna boky hanoratana ny miditra sy mivoaka ny mpampiasa toeram-panobiana ka lazaina amin' izany ny habetsahan'ny zava-mipoaka sy mitefoka nampidiriny, ny fotoana nandraisany azy sy ny toerana nihaviany , ary koa ny habetsahan'ny navoakany, ny fotoana namoahany azy, ary ny anaran'ny olona nandray azy.

And. 31. – Avelan'ny mpampiasa ny toby hiditra malalaka tsara ireo mpiasam-panjakana mian-draikitra ny andry maso mba hiza-ha ny toeram-panobiana ny zava-mipoaka sy mitefoka. Tsy maintsy atolony azy koa ny antontan-taratasy sy ny filazalazana rehetra mety hahamora ny asany raha misy fitakiana an'izany na rahoviana na rahoviana.

And. 32. – Raha misy loza mananontanona tazan'ny iray amin' ireo mpandraharaha voalazan'ny andininy faha-34 amin'ity, dia hampandrenesiny eo no ho eo ny lehiben'ny vakim-pileovana, izay hanao ny fepetra rehetra ilaina hisorohana ny loza.

And. 33. – Asian'ny manampahafana mpanao andry maso fitom-

timbre confidentiel au Ministre chargé des Mines le procès-verbal des opérations qu'elles ont effectuées.

Des extraits du procès-verbal sont transmis aux autres Ministères intéressées pour les problèmes relevant de leur compétence.

TITRE V : CONSTATATIONS DES INFRACTIONS.

Art. 34. – Les infractions à la présente réglementation sont recherchées et constatées par les officiers et agents de police judiciaire, les agents commissionnés des douanes et par les fonctionnaires et agents du Service des Mines ci-après :

- Ingénieurs du Service des Mines ;
- Chefs des subdivisions minières ;
- Adjointes techniques du Service des Mines ;

Art. 35. – Les procès-verbaux rédigés par des fonctionnaires ou militaires sont transmis en originaux au Magistrat du ministère public territorialement compétent qui exercera éventuellement les poursuites.

Copies des procès-verbaux sont, en outre, transmises à l'Etat-Major de la Défense Nationale et des Forces Armées, au Ministère

boka "tsy ambara-telo" ny filazana an-tsoratra ny asa nataony dia alefany amin'ny Minisitra miandraikitra ny harena ao an-kibon'ny tany.

Ampitaina koa amin'ireo Minisitra hafa izay voakasik'izany noho izy ireo manana anjara raharaha mifanandrify amin'izany olana izany ny kopian'io filazana an-tsoratra io.

FIZARANA V : FIZAHANA FOTOTRA NY FANDIKAN-DALANA.

And. 34. – Ny mpiandraikitra sy ny mpikaroka ny fandikan-dalana, ny mpandraharaha anankinana ny seranana, ary ireto mpiasampanjakana sy ny an'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany voatondro manaraka ireto, no manao ny fikarohana sy ny fizahana fototra ny fandikana ity didy ity :

- ny *ingénieur* ao amin'ny sampan-draharahan'ny Harena ao an-kibon'ny tany ;
- ny lehiben'ny Fizarantsampan'ny harena ao an-kibon'ny tany.
- ny *adjoints techniques* ao amin'ny sampan-draharahan'ny harena ao an-kibon'ny tany.

And. 35. – Ny matoan'ny fitanana an-tsoratra ny fandikan-dalana nalahatr'ireo mpiasampanjakana ireo dia ampitaina amin'ny mpitsara, mpampanoa tompon'andraikitra eo an-toerana izay hanao ny fitoriana raha ilaina.

Ankoatra izany, andefasana kopian'io fitanana an-tsoratra io koa ny foiben'ny Fiarovam-pire-nena sy ny Foloalindahy sy ny M-

des Mines et au Ministère de l'intérieur.

Art. 36. – Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'intérieur, le Ministre de la Défense Nationale et des Forces Armées, le Ministre de la Justice, sont chargés, chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

nisteran'ny Harena an-kibon'ny tany ary ny Ministeran'ny Atitany.

And. 36. – Ny Minisitry ny Toekarena sy ny fitantanam-bola, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fitsarana ; ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena sy ny Foloalindahy no miandraikitra, samy amin'ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity, izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan*hy Repoblika.

II.7. DECRET N° 73-080
du 30 mars 1973
portant réglementation de la
destruction des substances
explosives et détonantes
(J.O. n°908 du 5.5.73, p. 1114)

Article premier. – Dans le cas où la destruction de substances explosives et détonantes est rendue obligatoire par des dispositions législatives ou réglementaires en vigueur, celle-ci est effectuée dans les conditions ci-après.

Art. 2. – La destruction des substances explosives et détonantes est ordonnée par arrêté du Ministre chargé des Mines, sur proposition du Chef du Service des Mines sauf dans le cas prévu à l'article 6 ci-dessous ;

Cet arrêté doit préciser :

- les nom, prénoms, profession, domicile du propriétaire ou détenteur ;
- le lieu de stockage des explosifs à détruire ;
- les motifs de la destruction ;
- les mesures de sécurité à prendre.

Il est notifié au propriétaire ou détenteur de ces substances, au Chef de Province, au Préfet, au Sous-Préfet intéressés, aux autorités militaires supérieures et au Commandant de la Brigade de Gendarmerie territorialement compétente.

II.7. DIDIM-PANJAKANA
N° 73-080
tamin'ny 30 martsa 1973
mametra ny fitsipika momba
ny fanapotohana ny zava-
mipoaka sy mitefoka (*Idem*)

Andininy voalohany. – Rahefa asain'ny didy aman-dalàna velona hanjary ho tsy maintsy potehina ny zava-mipoaka sy mitefoka, dia arak'izao fepetra manaraka izao no hanaovana azy.

And. 2. – Didim-pitondrana avoakan'ny Minisitra miadidy ny Harena ao an-kibon'ny tany, araka ny tolo-kevitra ny lehiben'ny sampan-draharahan'ny Harena an-kibon'ny tany, no anomezana baiko hanapotohana ny zava-mipoaka na mitefoka, afa-tsy amin'ny toe-javatra voalazan'ny andininy faha-6 eto ambany.

Tsy maintsy tondroina amin'izany didim-pitondrana izany :

- ny anarana, ny fanampin'anarana, ny asa atao, fonenan'ny tompony na izay mitahiry ny zava-mipoaka sy mitefoka ;
- ny toerana itobian'ny zava-mipoaka tsy maintsy ho potehina ;
- ny antony hanapotohana azy ;
- ny fepetra ampiasaina isorohana ny loza .

Ary izany dia ampahafantarana ny tompony na ny mpitahiry ny zava-mipoaka na mitefoka, ny filoham-paritany, ny lehiben'ny fileovana sy ny vakim-pileovana voakasik'izany, ny manam-pahefana ambony amin'ny tafika, ary ny komandin'ny *brigade de la gendar-*

Le propriétaire ou détenteur des substances explosives et détonantes à détruire dispose d'un délai de 20 jours, à partir de la notification de l'arrêté, pour effectuer les opérations prescrites.

Art. 3. – Les opérations de destruction doivent être effectuées par un spécialiste ou un organisme spécialisé en la matière avec les soins nécessaires.

Il appartient au propriétaire ou détenteur de solliciter l'office de ces spécialistes.

Un compte-rendu détaillé de destruction est adressé au Ministère chargé des Mines dès que les opérations sont terminées.

Art. 4. – La destruction doit être faite en dehors des agglomérations urbaines et à une distance minimale D en mètre donnée par la formule ci-après des maisons d'habitation, voie de communication, lignes de transport d'énergie et du stock :

$$D = 50 \sqrt{\frac{P}{E}}$$

P étant la quantité d'explosifs à détruire en une seule fois et E le coefficient d'équivalence défini dans l'article 3 du décret réglant la conservation des substances explosives et détonantes.

merie tompon'andraikitra eo antoerana.

Manana fotoana roapolo andro manomboka amin'ny nampahafantarana ny didim-pitondrana ny tompony na ilay mitahiry ny zava-mipoaka tsy maintsy hopotehina mba hanatanterahany ny zavatra andidiana azy.

And. 3. – Olona mpiangaly azy na sampan-draharaha havanana amin'izany no manao ny fanapotehan-javatra araka izay fitandremena ilaina.

Anjaran'ny tompony na ny mpitahiry ny zava-mipoaka sy mitefoka ny mangataka ireo manampahaizana ireo hanao ny asany.

Andefasana filazana antsoatra momba ny antsipirihany rehetra tamin'ny fanapotehana ny Minisitra miadidy ny Harena ankibon'ny tany raha vao vita ny raharaha.

And. 4. – Any ivelan'ny tanàndehibe no tsy maintsy anaovana ny fanapotehana ary ny elanelany akaiky indrindra amin'ny trano fonenana, ny lalan'ny olona, ny ariby mitarika herim-baratra ary ny toera-panobiana, dia tondroina amin'ny litera D metatra araka izao baikon-teny manaraka izao :

$$D = 50 \sqrt{\frac{P}{E}}$$

Ny P dia manondro ny habetsahan'ny zava-mipoaka hatao indray manapotika ary ny E dia manondro lanjan'isa fampitahana arak'izay voalazan'ny andininy faha-3 amin'ny didim-panjakana mametra ny fitsipika momba ny fitehirizana ny zava-

mipoaka sy mitefoka.

Art. 5. – Si le propriétaire ou le détenteur refuse de détruire les substances explosives et détonantes dans le délai qui est fixé, il est passé outre et l'administration effectue elle-même les opérations de destruction.

Dans ce cas, le propriétaire ou le détenteur est passible des sanctions et peines prévues par la législation en vigueur et il est tenu de payer le montant total des frais occasionnés par les opérations.

Pour la destruction d'une quantité importante de substances explosives et détonantes, le Ministre chargé des Mines peut demander le concours des Forces Armées.

Art. 6. – En cas de danger imminent provenant des substances explosives et détonantes, constaté par un agent du Service des Mines ou un artificier de l'armée, le Sous-Préfet peut autoriser ces derniers à en effectuer la destruction immédiate.

Dans le même cas constaté par un propriétaire, le Sous-Préfet peut autoriser ce dernier à faire procéder à la destruction des substances explosives et détonantes en cause, par un spécialiste.

Le Sous-Préfet rend compte de ces opérations au Ministre chargé des Mines par l'intermédiaire du Chef de Province.

Art. 7. – La destruction sur place peut être ordonnée s'il s'agit d'explosifs des classes I, I bis ou II franchement altérés dont le trans-

And. 5. – Raha mandà tsy hana tanteraka ny fanapotehana ny zava-mipoaka na mitefoka ao anatin'ny fotoana nomena azy ny tompony na ny mpitahiry azy dia dikaina amin'izao izany fa ny Fanjakana mihitsy ny manao ny fanapotehana.

Amin'izany dia fampiharana amin'ny tompony na ny mpitahiry ny famaizana sy ny sazy voatondron'ny lalàna velona ary tsy maintsy oherany koa izay lany noho izany raharaha izany.

Raha betsaka ny zava-mipoaka na mitefoka ho potehina dia azon'ny Minisitra miadidy ny Harena an-kibon' ny tany angata-hana fanampiana ny Foloalindahy.

And. 6. – Raha sendra misy loza mananontanona avy amin'ny zava-mipoaka na mitefoka tsikaritry ny ao amin'ny sampan-draharahan'ny Harena an-kibon'ny tany na ny mpanao afomanga ao amin'ny tafika dia azon'ny lehiben'ny vakim-pileovana omen-dalàna izy ireo hanao ny fanapotehana eo no ho eo ihany.

Toy izao koa, raha ny tompony no mahatsikaritra ny loza dia azon'ny lehiben'ny vakim-pileovana omen-dalàna izy haka manampahaizana hanapotika izany zava-mipoaka na mitefoka izany.

Dia manao filazana momba izany amin'ny Minisitra miadidy ny Harena an-kibon'ny tany ny lehiben'ny vakim-pileovana amin'ny alalan'ny Filoham-paritany.

And. 7. – Azo didiana ho potehina eo an-toerana eo ihany raha zava-mipoaka anisan'ny antoko I, I bis na III efa tena simba mihitsy ka

port serait périlleux.

Toutefois, les mesures de sécurité réglementaires doivent être prises avant et au cours des opérations de destruction.

Art. 8. – Le choix du mode de destruction des différents types de substances explosives et détonantes est laissé à la compétence du spécialiste ou de l'organisme spécialisé en la matière qui doit se conformer aux dispositions des textes en vigueur.

Il est toutefois strictement interdit de procéder à la destruction des explosifs autres que les poudres noires par immersion en eau douce.

Art. 9. – Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur, le Ministre de la Défense Nationale et des Forces Armées, le Ministre de la Justice, sont chargés chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent arrêté qui sera publié au *Journal officiel* de la République

mety hampidi-doza ny hitaterana azy.

Kanefa dia tsy maintsy atao ny fitandremana ara-dàlana, alohan' ny hanapotehana na eo am-panaovana izany.

And. 8. – Ny fifidianana izay fomba hanapotehana ny zava-mipoaka na mitefoka isan-karazany avy dia avela ho andraikity ny mpiangaly azy, na ny sampan-draharaha havanana amin' izany, ka tsy maintsy arahina ny fepetra voalazan'ny rijan-teny manan-kery.

Kanefa dia raràna mafy mihitsy ny manapotika zava-mipoaka amin'ny fanatsobohana azy any anaty ranomamy, afa-tsy ny vanja mainty ihany.

And. 9. – Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Fiarovampirenena sy ny Foloalindahy no miandraikitra samy amin'ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity, izay ha-voaka amin'ny *Gazetim-panjakari* ny Repoblika.

**II.8. DECRET N° 74-282
du 13 septembre 1974
portant protection des gise-
ments de célestite (J.O.
n° 1010 du 21.9.74, p. 2901)**

Article premier. – La substance dite « célestite » est classée substance minérale d'intérêt national en application de l'article 12 de l'ordonnance n° 62-103 du 1^{er} octobre 1962.

Art. 2. – La recherche et l'exploitation de cette substance sont exclusivement réservées à l'Etat qui peut les effectuer, soit directement, soit par tout autre mode dans les conditions déterminées par un cahier des charges fixé par arrêté du Ministre de l'Economie et des Finances.

Art. 3. – Le commerce et l'exportation de cette substance font l'objet de contrôle par les services compétents.

Art. 4. – En cas de découverte dans des gisements exploités pour d'autres substances, la célestite sera remise à la République Malgasy (Direction des mines et de l'énergie), ainsi qu'il est stipulé à l'article 85 de l'ordonnance n° 62-103 du 1^{er} octobre 1962 portant loi minière.

**II.8. DIDIM-PANJAKANA N° 74-282
tamin'ny 13 septambra 1974
mametra ny fitandroana ny
akoram-bato « célestite »
(Idem)**

Andininy voalohany. – Ho fampiharana ny andininy faha-12 ao amin'ny hitsivolana laharana faha-62-103 tamin'ny 1 oktobra 1961, ny akoram-bato atao hoe : « célestite » dia halahatra ho akora mineraly hitandroana ny tombon-tsoam-pirenena.

And. 2. – Ny fikarohana sy ny fitrandrahana izany akoram-bato izany dia atokana ho an'ny Fanjakana irery ihany ka izy no hisahana ny fanaovana izany mivantana na amin'izay fomba hafa manaraka ny fepetra voatondron'ny bokin' andraikitra momba izany ka hosoritan'ny didim-pitondrana hataon'ny Ministry ny Toe-karena sy Fitan-tanam-bola.

And. 3. – Ny fivarotana sy ny fanondranana io akoram-bato io dia ny sampan-draharaha manampahefana amin'izany no hisahana ny fanaraha-maso azy.

And. 4. – Raha sendra ahitana *célestite* amin'ireny tanim-bato trandrahina ahazoana akoram-bato hafa ireny dia tsy maintsy hatolotra ny Repoblika Malagasy izany *Célestite* izany (Foibem-pitondrana ny harena ao an-kibon'ny tany sy ny hery) araka ny voalazan'ny andininy faha-85-n'ny hitsivolana laharana faha-62-103 tamin'ny 1 oktobra 1962 manao ny lalàna momba ny Harena ao an-kibon'ny tany.

Art. 5. – Les sociétés et les particuliers qui détiennent des célestites destinées au commerce devront faire une déclaration de stocks au Service des Mines et se conformer aux dispositions du présent décret, dans un délai de trente jours à partir de la date de sa promulgation.

Art. 6. – Le Ministre de l'Economie et des Finances est chargé de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

And. 5. – Tsy maintsy manao filazana momba ny akoram-bato voaangony amin'ny sampan-draharahan'ny harena ao ankibon'ny tany izay sosaiety sy izay olona mitana *célestite* hatao varotra ary tsy maintsy manaraka ny fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity ka telopolo andro no fetra, manom-boka amin'izay vaninandro hamœ-hana azy hanankery.

And. 6. – Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no miandraikitra ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity, izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.

II.9. ARRETE

N°2105-MEC/SGEC/DIM/SM
du 5 novembre 1975

fixant les conditions techniques de la conservation des substances explosives et détonantes (J.O. n° 1107 du 17.1.76, p. 179)

CHAPITRE PREMIER : DES DEPOTS SUPERFICIELS.

Article premier. – Un dépôt est dit « superficiel » quand il est constitué par une construction fixe reposant sur la surface du sol.

Les principes fondamentaux de construction seront inspirés par les idées directrices suivantes :

- le contenu doit être protégé contre l'humidité du sol et de l'atmosphère, contre les intempéries, contre la chaleur, contre l'incendie et les coups de foudre ;
- le contenu doit être également protégé contre le vol et les attentats ;
- enfin, en cas d'explosion accidentelle, les dégâts devront être minima.

La construction sera en principe, en matériaux légers ; un merlon et une clôture seront établis ; le stock sera fractionné dans un grand nombre de dépôts ; les dépôts seront isolés les uns des autres et de toute voie passante, chantier ou atelier.

Les alentours du dépôt seront déboisés pour éviter toute chute de branche sur le dépôt ou l'éventuel merlon qui l'entoure, et desherbés

II.9. DIDIM-PITONDRANA

N° 2105-MEC/SGEC/DIM/SM
tamin'ny 5 novambra 1975

andraiketana ny fepetra ara-teknika momba ny fitehirizana ny zava-mipoaka sy mitefoka (*Idem*)

TOKO VOALOHANY : MOMBA NY TOERAM-PANOBIANA AORINA AMBONIN'NY TANY.

Andininy voalohany. – Atao hoe : « ambonin'ny tany » ny toeram-panobiana raha trano aorina ambonin'ny tany no ampiasaina amin'izany.

Tsy maintsy manaraka ireto fepetra fitarihan-dàlana lazaina manaraka ireto ny fomba ifotorana amin'ny fanorenana azy :

- izay atao ao anatin'ny dia tsy maintsy arovana amin'ny hampandoan'ny tany sy ny rivotra, amin'ny fioavaovan'ny toetr'andro, amin'ny hafanana, ny hain-trano ary ny varatra ;
- izay atao ao anatin'ny dia tsy maintsy arovana amin'ny halatra sy ny fikasan-dratsy ;
- ary farany, raha sanatria misy fipoahany tsy nampoizina, dia tokony ho kely ny zavatra simba.

Ny trano dia tokony hatao amin'ny zavatra maivana ; hisy ampiantany sy fefy hatao ; ny entana atoby dia ho zarazaraina anaty toeram-panobiana maro ; saratsarahina ny toeram-panobiana ary ho lavitry ny làlana, ny trano fonenana ary ny toeram-piasana.

Ho esorina ny hazo maniry manodidina ny toeram-panobiana mba hisorohana ny fianjeran'ny rantsan-kazo aminy na amin'ny

pour éviter que tout incendie se produisant au voisinage du dépôt n'endommage ce dernier.

Le sol du dépôt sera bétonné ou cimenté. Un réseau de rigoles à l'entour assurera l'écoulement des eaux de ruissellement et évitera tout ravinement des fondations du dépôt et toute inondation du sol.

Les murs seront légers, mais solides. Les fermes seront, de préférence, métalliques et la toiture bien étanche et à l'épreuve des tornades.

Des gouttières et des tuyaux de descente seront aménagés.

Le dépôt sera largement aéré par des événements formés par une toile métallique ou tout autre dispositif empêchant l'introduction dans le dépôt des substances capables d'allumer les explosifs.

Art. 2. – Les explosifs de la classe IV peuvent être emmagasinés dans des dépôts superficiels alvéolaires. Dans ce cas, le dépôt est formé d'alvéoles contenant chacune 50 kilogrammes de poudre au plus, séparées les unes des autres par des cloisons en béton ou autres matériaux incombustibles qui doivent être disposées de telle sorte que le feu ne puisse se transmettre d'une alvéole aux voisines.

En aucun cas, le bâtiment abritant un dépôt alvéolaire ne doit être construit en maçonnerie ou autres matériaux lourds.

ampiantany manodidina azy, esorina koa ny ahitra sy ny bozaka manodidina mba tsy hihitatra ka hitera-doza amin'ilay toeram-panobiana ny afo mety hirehitra eny amin'ny manodidina.

Ny tany ao anatin'ny dia horakofana poti-bato miaro simenitra na lalorina simenitra. Hisy tatatra manodidina azy mba hahafahan'ny rano mikoriana sy hiarovana ny fototry ny toeram-panobiana tsy hihotsaka ary hisakanana ny rano tsy handifitra ny tany ao anatin'ny.

Ny rindrina dia ho maivana anefa mafy. Ny sakamandimby sy ny andry ary ny lohatrano dia tsaratsara kokoa raha atao vy ary ny tafo dia tsy ho tanteraky ny rano sy tsy ho zakan-drivotra.

Hasiana fantsona fanarian-drano.

Hasiana lavakombarika takonana karakara vy madinika ny toeram-panobiana mba hidiran'ny ivotra tsara, na fomba hafa tsy hahafahana mampiditra zavatra ao anatin'ny, handoroana ny vanja ao.

And. 2. – Ny zava-mipoaka amin'ny kilasy faha-IV dia azo tehirizina anaty toeram-panobiana ambonin'ny tany izay efitrefarina. Amin'izany ilay toeram-panobiana dia hisy efitrefitra mahalany vanja 50 kilao avy raha be indrindra, voasaratsaraka rindrina vita amin'ny poti-bato miaro simenitra na zavatra hafa tsy mandray rehitra, izay alamina araka izay mety mba tsy hifindran'ny afo amin'ny efitra sasany.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny trano atao toeram-panobiana misy efitrefitra dia tsy azo atao rafitra mavesatra na amin'ny fitaovana mavesatra.

Art. 3. – Les dépôts de première et de deuxième catégorie seront équipés d'un paratonnerre efficace et, exception faite des dépôts alvéolaires de poudres de la classe 4, entourés par un merlon.

Le merlon est une levée de terre continue dépassant après tassement, de 1 mètre au moins le sommet du tas d'explosifs entreposé. A toute époque, sa largeur sera, en son sommet supérieur à 50 centimètres et, à la côte du sommet, du tas d'explosifs entreposé, supérieur à 1 mètre.

Il sera construit en terre exempte de pierres. La pente du talus intérieur du merlon est aussi raide que possible et son pied est à une distance du soubassement du bâtiment comprise entre 1 mètre et 2 mètres.

Le merlon est traversé par un passage pour le service ; si la sécurité l'exige, un autre merlon sera placé en face de ce passage.

Art. 4. – Tout dépôt superficiel doit être entouré d'une forte clôture défensive de 2 mètres de hauteur au moins destiné à le protéger contre les vols et les attentats.

Cette clôture ne doit être ouverte que pour le service du dépôt.

Lorsque le dépôt est entouré d'un merlon, la clôture doit être à 1 mètre du pied extérieur du merlon.

And. 3. – Hasiana fandribaratra mandeha tsara ny toeram-panobiana sokajy voalohany sy faharoa, ary koa, afa-tsy ny toeram-panobiana ny vanja kilasy faha-IV, miefitrefitra, tsy maintsy didinina ampiantany.

Io dia ampiantany mitohy hatrany izay tsy maintsy mihoatra ny 1 metatra ny hahavon'ny zavamipoaka tehirizina ny hahavony rehefa nafatratra. Na amin'ny 6-toana inona na amin'ny fotoana inona, ny sakany eny amin'ny tendrony dia tsy maintsy mihoatra ny 50 sentimetatra, ary ny tendrony dia tsy maintsy mihoatra ny 1 metatra amin'ny hahavon'ny vanja tehirizina.

Hatao amin'ny tany tsy misy vato izany. Ny fisolampiny avy aty anatin'ny dia atao mitsatoka araka izay azo atao, ary ny vodiny dia atao 1 ka hatramin'ny 2 metatra miala amin'ny vadirindrina.

Hovakina vavahady ny ampiantany, ary raha ohatra ilaina mba hisy lâlana hamaky ilay dongona ; ho azo antoka kokoa, dia asiana ampiantany iray hafa manoloana ilay vavahady.

And. 4. – Ny toeram-panobiana aorina ambonin'ny tany rehetra dia tsy maintsy didinina fefy tariby misy tsilotsilony, izay 2 metatra ny hahavony farafahakeliny, mba hiarovana amin'ny halatra sy ny fikasan-dratsy.

Io fefy io dia tsy vohana raha tsy misy hampiasana ny toeram-panobiana.

Raha didinina ampiantany ny toeram-panobiana, dia tsy maintsy atao mihoatra ny 1 metatra miala

Lorsque le dépôt n'est pas entouré de merlon, la clôture doit être à une distance des parois extérieures du dépôt de 5 mètres au moins pour un dépôt de première et de deuxième catégorie, de 3 mètres au moins pour un dépôt de troisième catégorie.

La construction d'une clôture défensive spéciale n'est pas obligatoire lorsque le dépôt est dans l'enceinte d'un établissement entouré lui-même d'une clôture dont l'efficacité est équivalente à celle de la clôture réglementaire.

CHAPITRE II : DES DEPOTS ENTERRES.

Art. 5. – Un dépôt est dit « enterré » quand il est constitué par une voûte recouverte de remblai, ou par une galerie creusée dans le terrain et ne communiquant avec aucun chantier souterrain en activité.

La galerie-magasin et la galerie d'accès doivent présenter les plus complètes garanties de solidité contre les éboulements.

Les formules et les barèmes n° 2 et 3, annexés au présent arrêté font connaître les épaisseurs de remblai ou de terrain dont le dépôt doit être entouré, suivant que l'approvisionnement d'explosifs est accumulé dans un magasin à charge condensée, ou réparti en charge allongée répondant à la formule et au barème n° 4.

amin'ny vodiny ivelan'ny ampian-tany ny fefy.

Raha tsy voadidina dongona ny toeram-panobiana, dia tokony hihoatra ny 5 metatra miala amin'ny vadirindrina ny fefy raha toa ka sokajy voalohany sy faharoa ilay toeram-panobiana, ary 3 metatra kosa raha sokajy fahatelo.

Tsy terena ny hananganana fefy manokana ho fiarovana raha tahiny ao anaty tanàna efa mifefy ilay toeram-panobiana ka mitovy amin'ny fefy ara-dalàna ihany ilay fefy efa misy amin'ny fahombiazany.

TOKO II : MOMBA NY TOERAM-PANOBIANA MILEVINA.

And. 5. – Atao hoe : « milevina » ny toeram-panobiana raha tataon-tany no anaovana azy, na zohy lava anaty tany tsy mifandray amin'ny toeram-piasàna ambanin'ny tany.

Ny efitra-zohy fanobiana sy ny zohy fidirana dia tsy maintsy azo antoka tanteraka ary hamafisina mba tsy hihotsaka.

Ny adi-marika sy ny fanoroandrefy laharana faha-2 sy faha-3 atovana izao didim-pitondràna izao no manome ny hatevenan'ny anontany na ny tany tokony hanodidina ny toeram-panobiana, arakarakana ny fametrahana ny zavamipoaka, na atambatra miaraka anaty trano fitehirizana izany, na tsinjaraina araka ny adi-marika sy ny fanondroan-drefy laharana faha-4.

Art. 6. – L'épaisseur des remblais au-dessus de la galerie-magasin peut être réduite aux chiffres du barème n°5 annexé au présent arrêté, étant entendu que cette réduction d'épaisseur n'est admise que dans le sens vertical et non dans le sens latéral, et que la nature des remblais est conforme aux stipulations du barème.

Mais, dans ce cas, des projections sont à craindre, en cas d'explosion, dans un rayon de 50 mètres autour de la galerie-magasin, et une clôture efficace doit être établie autour du dépôt, à une distance de 50 mètres au moins, pour écarter les personnes de la zone dangereuse.

Art. 7. – Les explosifs sont placés dans une galerie-magasin branchée à angle droit sur la galerie d'accès, à une distance de son orifice au moins égale aux épaisseurs de terrain de recouvrement données par la formule et le barème n°2.

Les dépôts enterrés contenant plus de 100 kilogrammes d'explosifs des classes I, I bis ou III ou plus de 200 kilogrammes d'explosifs des classes II, IV, V ou VI, présenteront en outre les dispositions suivantes :

- 1° La galerie-magasin se prolongera, de l'autre côté de la galerie d'accès, par une galerie en cul-de-sac de 3 mètres de longueur au moins ;
- 2° Un merlon avec chambre réceptrice sera édifié devant

And. 6. – Ny hatevin'ny ranontany ambonin'ny zohy fanobiana dia azo hahena araka ny tarehi-marika hita ao amin'ny fanondroan-drefy laharana faha-5, amin' izao didim-pitondrana izao, kanefa izany fampihenana izany dia tsy ekena raha tsy manaraka ny fitsanganany ihany fa tsy manaraka ny fivelarany, ary ny ranontany ampiasaina dia tsy maintsy mifanaraka ao amin'ny fanondroan-drefy.

Amin'izay anefa dia atahorana, raha misy fipoahana, ny hisian'ny piti-bato hatrany amin'ny 50 metatra manodidina ny zohy fanobiana ka tsy maintsy asiana fefy mahomby manodidina ny toerampanobiana, farafahakeliny any amin'ny 50 metatra avy eo mba hisakanana ny olona tsy hiditra ao anatin'ny faritra mampidi-doza.

And. 7. – Ny vanja dia apetra-ka ao anatin'ny zohy fanobiana mifandray zoro mahitsy amin'ny zohy fidirana, ary ny halavi-tany miala valavaka dia tokony hihotra ny hatevin'ny tany mandrakotra izay ferana araka ny adimarika sy ny fanondroan-drefy laharana faha-2.

Ankoatr'izany, ny toerampanobiana milevina izay mahalany vanja kilasy I, I bis, na III mihoatry ny 100 kilao ; na vanja kilasy II, IV, V na VI mihoatry ny 200 kilao ; dia tsy maintsy atao araka ireto fepetra ireto :

- 1° Ny zohy fanobiana dia ho halavaina, any ambadiky ny zohy fidirana, amin'ny zohy tsy gorobaka mirefy 3 metatra farafahakeliny ;
- 2° Hisy dongona misy efitra fandraisana entana atao eo an-

l'entrée de la galerie d'accès et à 2 mètres au plus de cette entrée, pour arrêter les matériaux projetés par une explosion.

La chambre réceptrice du merlon aura une profondeur de 3 mètre au moins ; elle présentera en largeur et en hauteur, des dimensions sensiblement supérieures à celles du débouché de la galerie d'accès.

CHAPITRE III : DES DEPOTS SOUTERRAINS.

Art. 8. – Un dépôt est dit « souterrain » quand il est situé dans une galerie en communication souterraine avec des chantiers souterrains en activité.

Art. 9. – Un dépôt souterrain ne doit pas contenir plus de 150 kilogrammes d'explosifs ou 300 kilogrammes de poudre noire.

Un dépôt souterrain ne doit pas contenir simultanément de la poudre noire et un explosif d'une autre classe.

Art. 10. – L'emplacement du dépôt doit être choisi de façon à donner les plus sérieuses garanties qu'une explosion y survenant ne compromettra pas les chantiers les plus voisins, ni les galeries ou puits principaux d'accès, de circulation ou d'aéragé de l'exploitation, ni les organes essentiels de la ventilation. Les gaz d'une explosion devront pouvoir être évacués sans compromettre la sécurité du per-

loan'ny vavan'ny zohy fidirana ka 2 metatra avy eo amin'io vavany io no asiana azy farafahalaviny mba hisakanana ny poti-javatra aelin'ny fipoahana mety hitranga.

Ny efitra fandraisana entana ao anatin'ny dongona dia mirefy 3 metatra ny halaliny farafahakeliny ; ny sakany sy ny hahavony mihoatra kely ny refin'ny vavan'ny zohy fidirana.

TOKO III : MOMBA NY TOERAM-PANOBIANA AMBANIN'NY TANY.

And. 8. – Atao hoe « ambanin'ny tany » ny toeram-panobiana raha zohy mifandray any ambanin'ny tany amin'ny toeram-piasana ambanin'ny tany ihany.

And. 9. – Ny toeram-panobiana ambanin'ny tany dia tsy azo ametrhana zava-mipoaka mihoatry ny 150 kilao na vanja mainty mihoatry ny 300 kilao.

Tsy azo ametrhana vanja mainty sy zava-mipoaka kilasy hafa miaraka ao anaty toeram-panobiana ambanin'ny tany.

And. 10. – Fidiana ny toerana asiana ny toeram-panobiana mba ho azo antoka tsara, raha toa misy fipoahana, fa tsy hisy vokany izany amin'ny toeram-piasana akaiky indrindra na amin'ny zohy na lavaka fidirana na fidiran-drivotra, na ny fitaovana fampidiran-drivotra. Ny entona avy amin'ny fipoahana dia tsy maintsy avoaka anefa izany tsy hanembatsembana ny antok'ain'ireo mpiasa ao amin'ny zohy sy toeram-piasana.

sonnel occupé dans les galeries et chantiers en activité.

La galerie d'accès au dépôt doit être interdite à la circulation du personnel. Quand elle est branchée sur une galerie ouverte à la circulation du personnel, il doit exister entre la galerie-magasin et la galerie ouverte à la circulation une épaisseur de terrain, de remblai ou de maçonnerie au moins égale à celle qui est donnée par la formule n°1 annexée au présent arrêté. En outre, la galerie d'accès doit présenter au moins un coude à angle droit si la capacité du dépôt ne dépasse pas 30 kilogrammes d'explosifs, ou deux coudes à angle droit si la capacité du dépôt dépasse 30 kilogrammes.

De plus, chacun de ces coudes doit être accompagné d'un cul-de-sac de 3 mètres de profondeur dans le sens de la poussée des gaz d'une explosion venant du dépôt.

Art. 11. – Il est interdit d'introduire dans un dépôt souterrain des explosifs à l'état pulvérulent. Les explosifs ne doivent y être introduits que sous forme de cartouches, préparées au jour en vue de leur emploi, et soigneusement entourées d'une enveloppe de bonne qualité.

Art. 12. – Les dépôts souterrains destinés à recevoir plus de 30 kilogrammes d'explosifs de classes I, I bis, III, V ou VI doivent satisfaire, en outre, aux conditions ci-après :

Les caisses d'explosifs de 30 kilogrammes au maximum sont

Tsy maintsy raràna ny mpiasa tsy hiditra any amin'ny zohy fidirana ao amin'ny toeram-panobiana. Raha mifandray amin'ny zohy fandalovan'ny mpiasa io, dia tsy maintsy hisy hatevenan-tany na ranontany na vatokely miaro simenitra farafaharatsiny mitovy amin'ny voalazan'ny adi-marika voalohany atovana izao didim-pitondrana izao manelanelana ny zohy fanobiana sy ny zohy fandalovan'ny mpiasa. Afa-tsy izany dia tsy maintsy misy kihony mizoro mahitsy miala ny zohy fidirana raha toa latsaky ny 30 kilao ny habetsahan'ny zava-mipoaka ao anaty toeram-panobiana, na kihony roa mizoro mahitsy raha mihoatry ny 30 kilao izany.

Ambonin'izany, ireo fiolahana ireo dia tsy maintsy arahina zohy tsy gorobaka, 3 metatra avy ny halaliny, manaraka ny lalan'ny entona vokatry ny fipoahana ao amin'ny toeram-panobiana.

And. 11. – Raràna ny mampiditra zava-mipoaka mbola vovony ao anaty toeram-panobiana ambanin'ny tany. Tsy azo ampidirina ao ny zava-mipoaka raha tsy vita an-katirijy tety ivelany, hampiasaina ary voafono tsara.

And. 12. – Ny toeram-panobiana ambanin'ny tany asiana zava-mipoaka laharana I, I bis, III, V na VI mihoatry ny 30 kilao dia tsy maintsy manaraka ireto fepetra ireto :

Ny vata misy zava-mipoaka milanja 30 kilao raha be indrindra

placées isolément dans des logements creusés dans la paroi du dépôt et qui épousent la forme des caisses.

Ces logements sont fermés par des portes en tôle de 10 millimètres tenues normalement clavetées. Ils sont tous situés dans la même paroi de la galerie-magasin et à des intervalles de 4 mètres au moins de bord en bord des logements.

On ne doit pas avoir plus d'une porte de logement ouverte et on ne doit pas avoir, dans le dépôt, plus d'une caisse sortie de son logement.

Si le dépôt doit contenir de la dynamite, sa température ne doit jamais descendre au-dessous de 8 degrés ni monter au-dessus de 30 degrés centigrades.

CHAPITRE IV : CONDITIONS D'ISOLEMENT DES DEPOTS.

Art. 13. – La distance D en mètre entre deux dépôts superficiels doit être au moins égale à :

$$D = 2,5 \sqrt{\frac{P}{E}}$$

formule dans laquelle P représente le poids maximum d'explosifs en kilogrammes que le plus important des deux dépôts peut contenir et E le coefficient d'équivalence défini à l'article 3 du décret n°73-078 du 30 mars 1973 portant

dia sarahin-toerana ka atao anaty kombarika avy izay lavahina amin' ny rindrin'ny toeram-panobiana ary mifanentana tsara amin'ny haben' ny vata.

Ireo kombarika ireo dia hidina amin'ny varavaramby mirefy 10 milimetatra ny hatevenany ka arafitra amin'ny karetsaka lalandava. Lafin-drindrana iray ihany no asiana azy ao anaty zohy fanobiana ary mielanelana 4 metatra raha kely indrindra ny sisin'ny kombarika roa mifanakaiky.

Tsy tokony hisy varavaran-kombarika mivoha mihoatry ny iray ao anaty toeram-panobiana, ary tsy tokony hisy vata avoaka mihoatry ny iray avy ao anaty kombarika.

Raha toa dinamita no tehirizina ao anaty toeram-panobiana, ny hafanana ao anatin'ny dia tsy tokony hidina ambanin'ny 8 *degrés* na hihoatra ny 30 *degrés centigrades*.

TOKO IV : FEPETRA MIKASIKA NY FANOKA- NAN-TOERANA NY TOERAM- PANOBIANA.

And. 13. – Ny elanelana D amin'ny toeram-panobiana ambonin'ny tany roa, lazaina amin'ny metatra, dia tsy maintsy mitovy na mihoatra ny :

$$D = 2,5 \sqrt{\frac{P}{E}}$$

amin'io adi-marika io, ny P dia manambara amin'ny kilao ny farafahabets ahan'ny lanjan'ny zavamipoaka azo atovy ao anatin'ny toeram-panobiana izay lehibe kokoa ary ny E dia ny lanjan'isa entina mampitovy lenta araka ny voalazan'ny andininy faha-3

réglementation de la conservation des substances explosives et détonantes, sans toutefois que cette distance puisse être inférieure à 50 mètres.

Les distances fixées ci-dessus peuvent être réduites de moitié :

- a. S'il existe entre les deux dépôts un merlon réglementaire et disposé de telle manière que chacun d'eux soit complétement défilé par rapport à l'autre;
- b. Si P est au plus égal à 60 kilogrammes.

Art. 14. – L'épaisseur séparant les magasins de deux dépôts enterrés doit être suffisante pour que chacun d'eux soit à l'abri de l'explosion de l'autre. La formule et le barème n°1, annexés au présent arrêté, font connaître les épaisseurs de terrain à observer à cet effet.

Lorsque les galeries de deux dépôts enterrés communiquent entre elles souterrainement, la plus courte distance par ces galeries entre les magasins des deux dépôts doit avoir un nombre de mètres au moins égal au nombre de kilogrammes d'explosifs contenus dans le plus important des deux dépôts. En outre, la galerie de communication doit présenter deux coudes à angle droit.

Art. 15. – La distance entre un dépôt superficiel et la galerie-magasin d'un dépôt enterré doit être de 20 mètres au moins. Cette distance est portée à 50 mètres si

amin'ny didim-panjakana laharana faha- 73-078 tamin' ny 30 martsa 1973, anaovana ny fitsipika momba ny fitehirizana ny zava-mipoaka sy mitefoka, izany elanelany izany anefa dia tsy azo atao latsaky ny 50 metatra.

Ireo elanelany ferana etsy ambony ireo dia azo atao very sasaka raha toa :

- a. Misy ampiantany ara-dalàna manelanelana ny toeram-panobiana roa ary amin'izay ny iray tsy mifanandrify amin'ny faharoa ;
- b. Mira na latsaky ny 60 E kilao ny P.

And. 14. – Tokony ho ampy ny hatevenana manelanelana ny mangazay fanobiana amin'ny toeram-panobiana milevina roa mba tsy hahatratra ny iray amin'ny fipoahan'ny faharoa. Ny adi-marika sy fanondroan-drefy laharana voalohany, atovana izao didim-pitondrana izao, no ahalalana izany hatevenan'ny tany tsy maintsy hajaina izany.

Raha mifandray any ambanin'ny tany ny zohy amin'ny fanobiana milevina roa, ny isan'ny metatra amin'ny halavan'ny zohy mampitohy mangazay fanobiana roa dia tsy maintsy mitovy fara-faharatsiny amin'ny isan'ny kilaon'ny zava-mipoaka tehirizina ao anatin'ny toeram-panobiana izay lehibe amin'izy roa. Afa-tsy izany, ny zohy mampifandray azy dia tokony hisy kihony mizoro mahitsy.

And. 15. – Tokony ho 20 metatra raha kely ny elanelan'ny toeram-panobiana aorina ambonin'ny tany sy ny zohy fanobiana ao amin'ny toeram-panobiana mile-

le dépôt enterré est établi dans les conditions de l'article 6.

En outre, le dépôt superficiel doit être complètement défilé par rapport au débouché de la galerie d'accès du dépôt enterré.

Art. 16. – Un dépôt superficiel doit être à une distance D en mètres des chemins de communications publics, ainsi que de toute maison habitée, de tous ateliers ou chantiers au moins égale à :

$$D = n \times 2,5 \sqrt{\frac{P}{E}}$$

pour les dépôts merlonnés

$$D = n \times 5 \sqrt{\frac{P}{E}}$$

pour les dépôts non merlonnés .

le coefficient n étant égal à :

1,5 pour les explosifs des classes V et VI ;

2 pour les explosifs des classes I, I bis, II ou IV ;

3 pour les explosifs de la classe III.

Pour les dépôts alvéolaires de poudres de classe IV, établis conformément à l'article 2, même non entouré d'un merlon, la distance peut être réduite à :

vina. Atao 50 metatra izany elanelany izny raha toa ka araka ny fe-petra voalazan'ny andininy faha-6 no anaovana ny toeram-panobiana milevina.

Afa-tsy izany, ny toeram-panobiana aorina ambonin'ny tany dia tsy tokony hifanandrify amin'ny vavan'ny zohy fidirana amin'ny toeram-panobiana milevina.

And. 16. – Ny toeram-panobiana aorina ambonin'ny tany dia tokony hielanelana D metatra amin'ny lâlana andehanan'ny besinimaro, sy trano fonenana ary trano na toerana fiasana, ary izany elanelany izany dia mitovy farafahakeliny amin'ny :

$$D = n \times 2,5 \sqrt{\frac{P}{E}}$$

amin'ny toeram-panobiana didinin'ny ampiantany,

$$D = n \times 5 \sqrt{\frac{P}{E}}$$

amin'ny toeram-panobiana tsy misy ampiantany,

amin'io lanjan'isa n io dia :

1,5 raha zava-mipoaka kilasy V sy VI ;

2 raha zava-mipoaka kilasy I, I bis, II, na IV ;

3 raha zava-mipoaka kilasy III .

Amin'ny toeram-panobiana misy kombarika asiana vanja lahariana IV, natao araka ny andininy faha-2, na dia tsy voadidina ampiantany aza ny elanelany dia azo hakelezina toy izao :

$$D = \sqrt{\frac{P}{2} + 10} \sqrt{\frac{C}{E}}$$

formule dans laquelle P est la contenance totale du dépôt et C celle d'une alvéole.

Art. 17. – Le réseau de galerie d'un dépôt enterré doit être à 20 mètres au moins des chemins et voies de communication publics, ainsi que de toute maison habitée, de tous chantiers ou ateliers.

Cette distance sera portée à 50 mètres si le dépôt enterré est établi dans les conditions de l'article 6.

Art. 18. – Un dépôt superficiel doit être à une distance au moins égale à 30 mètres de toute ligne de transport d'énergie électrique.

CHAPITRE V : AMENAGEMENT, EXPLOITATION ET SURVEILLANCE DES DEPOTS.

A. Dispositions générales

Art. 19. – Sans préjudice des dispositions de l'article 9, un dépôt peut contenir des explosifs différents d'une même classe, en restant dans la limite de la quantité maximum d'explosifs de cette classe pour laquelle le dépôt est autorisé.

Un dépôt peut, sous réserve des interdictions édictées ci-dessous, recevoir des explosifs de classes différentes, en restant dans la limite de la quantité maximum pour laquelle le dépôt est autorisé, les quantités réelles de chaque classe d'explosifs

$$D = \sqrt{\frac{P}{2} + 10} \sqrt{\frac{C}{E}}$$

amin'io adi-marika io ny P dia ny fatran'ilay toeram-panobiana ary ny C ny an'ny kombarika iray.

And. 17. – Ny zohy isan-karazany amin'ny toeram-panobiana milevina dia tsy maintsy elanelanina 20 metatra amin'ny lalana na lalan-kely falehan'ny olona, ny trano fonenana ary ny toerana na trano fiasàna.

Raha mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-6 ny toeram-panobiana milevina dia atao 50 metatra io elanelany io.

And. 18. – Ny toeram-panobiana aorina ambonin'ny tany dia tsy maintsy elanelanina 30 metatra amin'ny tariby mitondra herimbaratra.

TOKO V : FIKOJAKOJANA, FAMPIASANA ARY FANARAHA-MASO NY TOERAM- PANOBIANA.

A. Fepetra ankapobe

And. 19. – Afa-tsy ny faha-zoana mampihatra ny fepetra voalazan'ny andininy faha-9, ny toeram-panobiana iray dia azo ametrhana zava-mipoaka samihafa mitovy kilasy, anefa tsy azo ihoarana ny fara-fahabetsahan'ny zava-mipoaka nahazoan-dalana hatoby ao.

Afa-tsy ny fandraràna voalaza etsy ambany, ny toeram-panobiana dia azo ametrhana zava-mipoaka kilasy samihafa, tsy azo atao anefa ny mihoatry ny fetra farany ambony nahazoan'ilay toeram-panobiana alalana, ka amin'

étant préalablement affectées du coefficient d'équivalence, défini à l'article 3 du décret n°73-078 du 30 mars 1973 portant réglementation de la conservation des substances explosives et détonantes, correspondant à cette classe.

Il est interdit d'entreposer simultanément :

- 1° Des détonateurs avec des explosifs ;
- 2° Des explosifs de la classe I avec des explosifs de la classe III.

Les explosifs de la classe III doivent être enfermés dans un compartiment spécial quand ils sont dans un dépôt contenant des explosifs d'une autre classe.

Art. 20. – Tout dépôt doit être fermé par des portes de construction solide, munies de serrures de sûreté, qui doivent être normalement fermées.

Les chambres de dépôt et les passages leur donnant accès doivent avoir des dimensions et une dispositions telles qu'il soit toujours facile d'y circuler et d'y transporter les caisses ou barils d'explosifs.

L'intérieur du dépôt doit être tenu dans un état constant d'ordre et de propreté.

Les caisses ou barils ne sont jamais placés directement sur l'aire du dépôt mais sur des chantiers en fer passés au minimum, ou sur des chantiers en ciment armé. Ils ne doivent jamais être jetés à terre ou culbutés sur le sol, ils doivent toujours être manipulés avec pré-

izany ny tena habetsahan'ny zava-mipoaka marina isaky ny laharana iray dia hampiharana mialoha ny lanjan'isa fampitoviana lenta voalazan'ny andininy faha-3 amin'ny didim-panjakana laharana faha 73-078 tamin' ny 30 martsa 1973 anaovana ny fitsipika momba ny fitehirizana ny zava-mipoaka sy mitefoka.

Tsy azo atao iray toerana :

- 1° Ny kapisily sy ny zava-mipoaka ;
- 2° Ny zava-mipoaka kilasy I miaraka sy ny zava-mipoaka kilasy III.

Ny zava-mipoaka kilasy III dia tsy maintsy hidina anaty efitra manokana raha tehirizina anaty toeram-panobiana misy zava-mipoaka kilasy hafa.

And. 20. – Ny toeram-panobiana rehetra dia tsy maintsy misy varavarana mafy, misy hidiny azo antoka, ary mikatona lalan-dava.

Ny refin'ny efitra amin'ny toeram-panobiana sy ny lâlana idirana ao aminy, sy ny toerana misy azy dia tokony hatao araka izay hanamorana ny fivezivezena ao anatin'ny sy ny fampidirana ny kesika na barika misy zava-mipoaka.

Tokony hadio sy milamina mandrakariva ny ao anatin'ny toeram-panobiana.

Tsy azo apetraka amin'ny tany avy hatrany ny kesika na barika, fa atao ambony talatalana vy nosorana *minium* na vita amin'ny simenitra misy tanjam-by. Tsy azo atonta na atsingidina amin'ny tany izy ireny, fa tokony ho raisina mora tsy hifandona amin-javatra hafa.

caution et préservés de tout choc.

Le sommet de la pile de caisses ne dépassera pas 1,80 m.

Lorsque des travaux de réparation doivent être effectués dans un dépôt, il faut, au préalable, en retirer les explosifs, puis nettoyer soigneusement le sol et les parois du dépôt.

Art. 21. – Il est interdit d'introduire dans un dépôt des objets autres que ceux qui sont indispensables au service du dépôt. Il est notamment interdit d'y introduire des objets en fer, des matières inflammables ou susceptibles de produire des étincelles, spécialement des détonateurs des amorces, des allumettes et des briquets. Les outils ou appareils admis doivent être enfermés dans des coffres.

Il est interdit de faire du feu et de fumer à l'intérieur et aux abords du dépôt.

Le personnel ne doit pénétrer que pieds nus ou avec des chaussures non glissantes, sans clous ni accessoires métalliques, à semelles de feutre, caoutchouc ou corde dans les dépôts où l'on conserve des explosifs à l'état pulvérulent.

Art. 22. – Au cas où l'éclairage naturel, toujours préférable, ne suffit pas, il ne peut être fait usage que de lampes électriques portatives alimentées sous une tension inférieure à 15 volts ou de lampes de sûreté de mines.

Ny hahavon'ny kesika mifampitaingina dia tsy hihoatra ny 1,80 m.

Raha misy asa fanamboarana tsy maintsy atao ao amin'ny toeram-panobiana, dia tsy maintsy esorina aloha ny zava-mipoaka ao anatin'ny, ary diovina tsara ny tany sy ny rindrina.

And. 21. – Raràna ny mampiditra zavatra hafa ao anaty toeram-panobiana, afa-tsy izay ilaina amin'ny asa ao ihany. Raràna indrindra ny mametraka zavatra vita amin'ny vy ao, ny zavatra mora mirehitra na mety hiteraka kilalaon'afao, indrindra fa ny kapisily, ny afokasoka sy ny *briquets*. Ny fiasàna sy ny milina ekena hampidirina ao dia tsy maintsy atao anaty vata vy matevina.

Raràna ny mandrehitra afo na mifoka sigara ao anatin'ny toeram-panobiana na manodidina azy akaiky.

Ny mpiasa dia tsy mahazo miditra ao amin'ny toeram-panobiana hitehirizana vanja vovony raha tsy miala kiraro na manao kiraro tsy mora mibolisatra, tsy misy fantsika na vy, na bonetra ny faladiany, na fingoatra na tady.

And. 22. – Raha tsy ampy ny hazavan'ny andro izay tsara noho ny hafa dia tsy azo atao ny mampiasa afa-tsy jiro mandeha amin'ny herimbaratra enti-tànana ka tsy mihoatry ny 15 *volts* ny herimbaratra mandrehitra azy, na jiro azo antoka fampiasa amin'ny fitrandrahana ny harena ao an-kibon'ny

tany.

Art. 23. – Il est interdit de laisser des herbes sèches et d'emmagasiner des matières facilement inflammables, telles que du foin, de la paille, du bois, du papier, du coton, du pétrole, des huiles et graisses, dans un rayon de 50 mètres autour des dépôts de première et de deuxième catégorie et de 10 mètres autour des dépôts de troisième catégorie, et particulièrement à une distance des dépôts souterrains inférieure à 50 mètres, cette distance étant comptée suivant les galeries qui joignent le point où ces matières sont conservées à l'origine de la galerie-magasin.

Il doit être prévu un dispositif permettant l'extinction rapide de tout commencement éventuel d'incendie survenant au voisinage du dépôt.

Les remblais employés à la construction des dépôts ne doivent pas être susceptibles de s'échauffer spontanément.

Art. 24. – Des mesures seront prises pour préserver les explosifs contre l'humidité. En plus des mesures déjà prescrites, le sol et les parois du dépôt seront au besoin recouverts d'un enduit imperméable.

Art. 25. – L'ouverture des caisses ou barils d'explosifs ainsi que la manipulation des explosifs et la distribution des explosifs, sont interdites à l'intérieur des dépôts de première et de deuxième catégorie.

Ces opérations sont permises à l'intérieur des dépôts de troisième

And. 23. – Raràna ny mamela bozaka maina na zavatra mora mirehitra tahaka ny mololo, ny hazo, ny taratasy, ny landihazo, ny solitany, ny menaka sy jabora, miala 50 metatra avy amin'ny toeram-panobiana sokajy voalohany sy faharoa, na 10 metatra avy amin'ny toeram-panobiana sokajy fahatelo, ary miala 50 metatra amin'ny toeram-panobiana ambanin'ny tany, izany elanelany izany dia raisina manaraka ny zohy mampitohy ny toerana itehirizana ireo zavatra ireo sy ny fiandohan'ny zohy fitehirizana.

Tsy maintsy misy fitaovana ahafahana mamono haingana izay zavatra manomboka mirehitra eo akaikin'ny toeram-panobiana.

Ny ranontany ampiasaina amin'ny fanaovana ny toeram-panobiana dia tsy tokony hiteraka hafanana.

And. 24. – Atao izay hiarovana ny zava-mipoaka amin'ny hama-doana. Ambonin'ny fepetra efa voalaza, ny tany sy ny rindrin'ny toeram-panobiana dia hosorana loko tsy tatera-drano raha ilaina.

And. 25. – Raràna ny fanokafana kesika na barika misy zava-mipoaka, ny fibatabatana sy ny fizarana azy ao anatin'ny toeram-panobiana sokajy voalohany sy faharoa.

Azo atao izany ao anaty toeram-panobiana sokajy fahatelo,

catégorie, et, en outre, à l'intérieur des locaux de distribution. Les locaux de distribution sont assimilés aux dépôts de troisième catégorie en ce qui concerne les prescriptions du présent arrêté, sauf les différences ci-après :

- 1° Le local de distribution doit être à 25 mètres au moins du dépôt principal ainsi que des chemins et voies de communication publiques, de toute maison habitée et de tous ateliers ou chantiers dans lesquels du personnel est habituellement occupé ;
- 2° Les explosifs ne sont jamais abandonnés sans surveillance dans le local de distribution ;
- 3° Le local de distribution peut ne pas être clôturé ni muni de portes.

Art. 26. – Les dispositions de l'article précédent sont modifiées comme suit, en ce qui concerne particulièrement les dépôts souterrains.

Lorsque la capacité du dépôt ne dépasse pas 60 kilogrammes d'explosifs, la manipulation et la distribution des explosifs peuvent être opérées dans le dépôt avec tout le soin désirable.

Lorsque la capacité du dépôt dépasse 60 kilogrammes d'explosifs, la manipulation et la distribution des explosifs ne doivent pas être opérées dans le dépôt. Elles doivent avoir lieu dans un dépôt distinct autorisé pour une capacité de 60 kilogrammes ou dans le local de distribution distinct du dépôt et qui ne doit en aucun cas

ary koa ao anatin'ny trano fizaràna. Ny trano fizaràna dia ampitoviana amin'ny toeram-panobiana sokajy fahatelo raha mikasika ny fepetra voalazan'izao didim-pitondrana izao, afa-tsy ireto manavaka azy ireto :

- 1° Ny trano fizaràna dia tokony hielanelana 25 metatra amin'ny toeram-panobiana lehibe sy ny lalana, ny trano fonenana ary ny toeram-piasana izay misy olona mandrakariva ;
- 2° Tsy azo avela tsy misy mpiambina ny zava-mipoaka anaty trano fizaràna ;
- 3° Azo atao ny tsy manisy fefy sy varavarana amin'ny trano.

And. 26. – Ny fepetra voalazan'ny andininy etsy aloha dia ovàna toy izao manaraka izao amin'izay mikasika manonkana ny toeram-panobiana ambanin'ny tany.

Raha tsy mihoatry ny 60 kilao ny zakan'ny toeram-panobiana, ny fibatabatana sy ny fizaràna ny zava-mipoaka dia azo atao ao anaty toeram-panobiana ihany anefa dia atao ny fitandremana rehetra ilaina.

Raha mihoatra ny 60 kilao ny zakan'ny toeram-panobiana, ny fibatabatana sy ny fizaràna azy dia tsy azo atao ao anaty toeram-panobiana. Any amin'ny toeram-panobiana hafa ary nahazoandàlana hitehirizana hatramin'ny 60 kilao no anaovana izany.

contenir plus de 60 kilogrammes d'ex-plosifs.

Le local de distribution annexé à un dépôt doit satisfaire aux conditions imposées pour un dépôt de 60 kilogrammes d'explosifs et il doit communiquer avec le dépôt par une galerie de 25 mètres de longueur au moins, comportant au moins un coude à angle droit, accompagné d'un cul-de-sac de 3 mètres de profondeur dans le sens de la poussée de gaz d'une explosion venant du local de distribution.

Art. 27. – Tout dépôt d'explosifs doit être placé, d'une part, sous la surveillance générale d'un préposé responsable, d'autre part, sous la surveillance directe et permanente d'agents spécialement chargés de la garde du dépôt.

La manutention des caisses ou baril d'explosifs, la manipulation et la distribution des explosifs seront faites avec tout le soin désirable et ne doivent être confiées qu'à des personnes expérimentées et nommément désignées par le préposé responsable du dépôt. Ces opérations ont lieu conformément à une consigne de l'exploitant, qui doit être portée à la connaissance du personnel et affichée à l'intérieur du dépôt.

Les personnes nécessaires au service du dépôt ont, seules, en dehors des agents de l'administration préposés au contrôle, le droit d'y pénétrer, et leur nombre doit être aussi réduit que possible.

Ny efitra fizaràna miaraka amin'ny toeram-panobiana dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny fe-petra mikasika ny toeram-panobiana azo hametrahana zava-mipoaka milanja 60 kilao, ary tokony hifandray amin'ilay toeram-panobiana amin'ny alalan'ny zohy mirefy 25 metatra farafahakeliny misy kihony mizoro mahitsy iray farafaharatsiny, miaraka amin'ny zohy tsy gorobaka 3 metatra ny halaliny manaraka ny làlan'ny herin'ny entona avy amin'ny fipoahan'ny vanja ao anaty efitra fizaràna.

And. 27. – Ny toeram-panobiana ny zava-mipoaka rehetra dia tsy maintsy atao ankilany, eo am-bany fanaraha-mason'ny mpanarahaha tompon'andraikitra amin'ny ankapobeny, ary eo ambanin'ny fanaraha-mason'ny mpiasa iray notendrena manokana hiadidy ny fiambenana ny toeram-panobiana.

Ny fibatabatana ny kesika na ny barika misy zava-mipoaka, ny fibatabatana na fizaràna ny zava-mipoaka dia atao amim-pahamalimana tanteraka, ary tokony ho ny olona efa zà-draharaha nofidin'ny tompon'andraikitra amin'ilay toeram-panobiana notendreny no hanao izany. Izany asa izany dia atao araka ny fameperana lazain'ny mpampiasa izay ampahalalaina ny mpiasa sy atao peta-drindrana ao anaty toeram-panobiana.

Ny olona ilaina amin'ny asa atao ao amin'ny toeram-panobiana ihany, ankoatry ny mpiasam-panjankana manao fisafoana, no mahazo miditra ao ary ny isany dia hakelezina araka izay azo atao.

B. Mesures générales à prendre contre la chaleur tropicale

Art. 28. – Les dispositions des articles 29 à 32 ci-dessus ne sont impératives que pour les explosifs des classes I bis et III, et les dynamites à absorbant inerte (kieselguhr ou autres).

Art. 29. – La température dans les dépôts ne doit normalement pas s'élever au-dessus de 25 degrés centigrades.

Art. 30. – Si les conditions climatiques rendent impossibles la construction d'un dépôt satisfaisant à la prescription de l'article précédent, on s'attachera à limiter au minimum les dépassements de température par rapport à celle de 25 degrés, en tenant compte, dans la construction des dépôts, des règles suivantes.

L'aire bétonnée sera surélevée au-dessus du sol, aérée en dessous et supportée par les voûtes.

Les parois seront formées de deux murs d'épaisseur très réduite, séparés par un matelas d'air de 25 à 30 centimètres d'épaisseur. Quelques orifices, disposés au sommet et au pied de ce matelas, permettront la circulation de l'air sous l'influence de l'échauffement.

Il sera prévu un double plafond en fibro-ciment ou en matériaux calorifuges. Le plafond supérieur

B. Fepetra ankapobe hampiharina hiarovana amin'ny hafanana aty amin'ny tany mafana.

And. 28. – Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-29 ka hatramin'ny andininy faha-32 voalaza eto ambany dia tsy azo atao ho tsy maintsy toavina afa-tsy amin'ny zava-mipoaka kilasy I bis sy III ihany, ary koa ny dinamita ampiasaina zavatra mifoka tsy manankery (*kieselghur* na hafa).

And. 29. – Ny hafanana ao anaty toeram-panobiana dia tsy tokony hihoatry ny 25 *degrés centigrades*.

And. 30. – Raha tsy misy hevitra ny hanorenana toeram-panobiana araka ny fepetra voalazan'ny andininy etsy ambony, noho izay hahakely ny fisondrotry ny hafanana ambonin'ny 25 *degrés* ka araka ireto fepetra manaraka ireto no hanorenana ny toeram-panobiana.

Ny faritra vita amin'ny simenitra misy tanjam-by dia ahainga hiala amin'ny tany ka hisy rivotra miditra avy ao ambany ary tohanana andohalambo.

Ny sisiny dia hatao rindrina roa sosona manify dia manify mielanana 25 ka hatramin'ny 30 santimetatra hidiran'ny rivotra. Hisy lavaka vitsivitsy atao eny antampon'ny rindrina sy eo ambany mba hahafahan'ny rivotra hitsoka rahefa miakatra ny hafanana.

Hisy valitafo faharoa vita amin'ny *fibro-ciment* na fitaovana tsy tanteraky ny hafanana. Ny valitafo

pourra être en forme de toit très aplati, pour permettre l'évacuation des eaux de pluie éventuellement à travers la couverture.

Les combles ainsi créés seront largement aérés.

Des vérandas mettront les murs du bâtiment, sur toute leur hauteur, à l'abri des rayons solaires directs.

Ces prescriptions devront être suivies d'autant plus près que la contenance du dépôt à construire est plus importante.

Les caisses d'explosifs seront disposées de manière à éviter la production ou le maintien de surchauffes ou d'échauffements locaux.

Art. 31. – Il sera placé, pendant les deux premières années de fonctionnement du dépôt, dans le dépôt, à hauteur d'homme, un thermomètre à maxima et minima, dont les indications seront relevées tous les jours à une heure convenable (10 heures ou 18 heures par exemple). Les chiffres seront transcrits sur un cahier spécial. Un relevé des chiffres sera adressé, tous les six mois, au Service des Mines, avec une note explicative s'il y a lieu.

Il y aura intérêt pour vérifier l'efficacité des mesures prises à placer deux autres thermomètres identiques, l'un dans un local ordinaire, l'autre à l'air libre, suspendu à un fil ; à l'abri, toutefois, du rayonnement solaire direct, et à en relever les indications de la même manière.

ambony dia azo atao toy ny tafotrano tena fisaka mba hafahan'ny ranon'orana izay mety hitete avy amin'ny tafo hikoriana.

Hampidiran-drivotra betsaka ny elanelany sy ny tafon-trano.

Lavarangana no hiarovana ny rindrin'ny trano manontolo amin'ny hainandro.

Ireo fepetra ireo dia tsy maintsy arahina indrindra fa raha mahazaka be ilay toeram-panobiana haorina.

Ny fipetraky ny kesika misy ny zava-mipoaka dia kendrena mba tsy hiteraka hafanana tafahoatra na hanafana ny toerana.

And. 31. – Mandritra ny taona roa voalohany ampiasana ny toeram-panobiana dia asiana fitsa pana hafanana mahazara ny hafanana ambony sy ambany indrindra ao amin'ny toeram-panobiana ka mitovitovy hahavo amin'ny olona no ametrahana azy, ary raisina isan' andro amin'ny ora mahamety azy ny hafanana (amin'ny 10 maraina na amin'ny 6 ora hariva ohatra). Ny marika amin'zany dia sōratana amin'ny boky iray manokana. Alefa any amin'ny Sampandraharahan' ny harena ao ankibon'ny tany isaky ny enim-bolana ny kopian'ny marika ampiarahana amin'ny fanazavana raha misy.

Tsara, mba hanamarinana fa mahomby ny fiarovana natao, ny hametrahana fitsapana hafanana roa hafa mitovy, ny iray anaty trano tsotra, ary ny iray eny ivelany mihantona amin'ny tadikely kanefa amin'ny toerana tsy tratry ny masoandro mivantana, ary ho raisina araka ny fomba efa voalaza

ny marika asehony.

Art. 32. – Si malgré toutes ces prescriptions, la température à l'intérieur du dépôt arrive à dépasser 30 degrés centigrades, la conservation des explosifs visés à l'article 28 ci-dessus pourra être interdite, en aucun cas, les dépôts ne doivent contenir plus de 3 tonnes d'explosifs ou 20.000 détonateurs.

Art. 33. – Les explosifs devront être utilisés dès que possible sans l'entreposition prolongée, pour éviter l'altération avec le temps.

Les explosifs seront rangés par lots.

Tous les six mois, il sera procédé à l'examen des différents lots par ouverture, dans chaque lot, d'une caisse prise au hasard, et examen de quelques cartouches.

Si les cartouches examinées présentent des signes d'altération, on ouvrira toutes les caisses du lot et on détruira les cartouches apparaissant comme dangereuses.

Aucun des explosifs visés à l'article 28 ayant plus de dix-huit mois de fabrication ne sera conservé. Il sera procédé à leur destruction sans délai dans les conditions fixées par le décret n°73-080 du 30 mars 1973 portant destruction des substances explosives et détonantes.

And. 32. – Na dia efa natao daholo aza ireo voalaza ireo, ka nefa mihoatra ny 30 degrés centigrades ny hafanana ao anaty toeram-panobiana, dia mety ho raràna ny fametrahana ny zava-mipoaka voalazan'ny andininy faha-28 etsy ambony ao, na manao ahoana na manao ahoana dia tsy azo ametràhana zava-mipoaka milanja mihoatra ny 3 taonina na kapsily mihoatra ny 20.000 isa ny toeram-panobiana.

And. 33. – Ny zava-mipoaka dia tsy maintsy ampiasaina hain-gana araka izay azo atao fa tsy avela hitoby ela mba ho simba noho ny maha ela an-toerana azy.

Hampirimina mitsitokotoko ny zava-mipoaka.

Isaky ny enim-bolana dia hojerena ny tsitokotokony samihafa ka vohàna amin'izay ny kesika iray tsy fidina ao amin'ny tsitokotoko tsirairay avy, ary jerena ny katirijy sasantsasany.

Raha misy fahasimbana ny katirijy nojerena dia vohàna ny kesika rehetra amin'ny toko misy azy, ary potehina ny katirijy rehetra mam-piahiahy.

Ny zava-mipoaka rehetra voalazan'ny andininy faha-28 ka mihoatra ny valo ambin'ny folo volana ny nanamboarana azy dia tsy ho tehirizina intsony. Hopotehina tsy misy hatak'andro izany araka ny fepetra voalazan'ny didim-panjakana laharana faha-73-080 tamin'ny 30 martsa 1973 anaovana ny fitsipika momba ny fanapotehana ny zava-mipoaka sy mitefoka.

On s'assurera par vérification fréquente de l'étanchéité des emballages, en particulier de celle de l'enveloppe intérieure. Les caisses détériorées seront reformées.

**CHAPITRE VI:
DES DEPOTS DE DETONATEURS
ET D'ARTIFICES DE MISE A FEU.**

Art. 34. – Les dépôts de détonateurs sont soumis aux dispositions applicables aux dépôts de dynamite, sous réserve des dispositions spéciales énoncées ci-dessous.

Art. 35. – En tout cas, les détonateurs ne doivent être introduits dans un dépôt d'explosifs. Il est également interdit d'introduire des explosifs dans un dépôt de détonateurs.

Un dépôt de détonateurs ne doit jamais être du type souterrain.

Art. 36. – Les détonateurs sont affectés du coefficient d'équivalence $E = 1/2$.

Ce coefficient est réduit à $E = 1/4$ lorsque les détonateurs servent à l'allumage au moyen de mèches et que l'on procède, dans le dépôt, à l'ouverture des boîtes de détonateurs, ou le dépôt est établi dans les conditions énoncées à l'article 37 ci-dessous.

Pour l'application aux dépôts de détonateurs, ces formules énoncées à l'article 16, le coefficient n ne sera pas égal à 2.

Art. 37. – Un dépôt superficiel de détonateurs de 3^e catégorie

Hojerena matetika ny fahatsaran'ny fonony, indrindra ny fonony anatiny. Ny kesika simba dia tsy ampiasaina intsony.

**TOKO VI:
NY FITEHIRIZANA NY KAPISILY
SY NY FANAPOAHANA.**

And. 34. – Ny toeram-panobiana kapisily dia iharan'ny fepetra momba ny toeram-panobiana dinamita ary koa ny mampiditra zavamipoaka anaty toeram-panobiana kapisily.

And. 35. – Na manao ahoana na manao ahoana ny kapisily dia tsy azo ampidirina anaty toeram-panobiana zava-mipoaka. Raràna toy izany koa ny mampiditra zavamipoaka anaty toeram-panobiana kapisily.

Tsy azo atao karazan'ilay milevina ambanin'ny tany ny toeram-panobiana kapisily.

And. 36. – Ny kapisily dia ampiharana ny lanjan'isa fampitoviana lenta $E = 1/2$.

Hahena ho $E = 1/4$ io lanjan'isa io raha toa ampiasaina lahiny kapisily ka ao anaty toeram-panobiana ihany no anokafana ny boaty misy azy na raha toa atao araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-37 etsy ambany ny toeram-panobiana.

Amin'ny fampiharana amin'ny toeram-panobiana kapisily, ny adimarika voalazan'ny andininy faha-16 dia ny tarehi-marika 2 no asolo ny lanjan'isa n .

And. 37. – Ny toeram-panobiana kapisily sokajy faha-3 moi-

peut être constitué par un coffre ou une armoire spéciale munie d'une serrure de sûreté, placée dans une salle contiguë à un local habité, mais ne contenant pas d'explosifs. Dans ce cas, les matières inflammables et tout feu nu servant au chauffage ou à l'éclairage doivent être supprimés ou éloignés autant que possible du coffre ou de l'armoire de détonateurs. L'ouverture des boîtes de détonateurs doit être effectuée en dehors du dépôt.

Les chiffres des articles 13 et 16 sont réductibles de moitié aux dépôts de détonateurs correspondant à un poids de substances détonantes inférieur à 2 kilogrammes.

Art. 38. – Un dépôt superficiel de détonateurs de 1^{ère} et 2^e catégorie doit être divisé en petits dépôts de 3^e catégorie, constitué chacun par une armoire de construction légère, munie d'une serrure de sûreté et les armoires doivent être séparées les unes des autres par des massifs ou des maçonneries d'au moins 1 mètre d'épaisseur.

Art. 39. – Les cordeaux détonants au trinitrotoluène et les autres cordeaux ou artifices de mise à feu des explosifs de mines présentant des garanties analogues de sécurité sont affectés du coefficient d'équivalence $E = 20$. La date de fabrication et la vitesse de combustion doivent être indiquées sur chaque paquet de mèches ou sur l'étiquette qui y est attachée.

Des dépôts ne contenant que des cordeaux ou artifices peuvent

rina ambonin'ny tany dia azo atao vata vy matevina na lalimoara voatokana misy hidiny azo antoka apetraka amin'ny efitra iray mifanolotra amin'ny efitra itoerana anefa tsy misy zava-mipoaka. Amin'izany ny zavatra rehetra mora mirehitra, ny afo ampiasaina amin'ny famanana na fanazavana dia hofaoanana na halavirina ny vata na ny lalimoara misy kapisily araka izay azo atao. Ny famoahana ny kapisily amin'ny tranony dia atao any ivelan'ny toeram-panobiana.

Ny tarehi-marika voalazan'ny andininy faha-13 sy faha-16 dia azo atao akena sasaka amin'ny toeram-panobiana kapisily mitovy lanja amin'ny fanapoahana latsaka ny 2 kilao.

And. 38. – Ny toeram-panobiana kapisily sokajy voalohany sy faharoa dia tsy maintsy zaraina ho toeram-panobiana sokajy fahatelo ka lalimoara maivana, misy hidiny azo antoka no ampiasaina amin'izany, ary izany, ary ireo lalimoara ireo dia elanelanina tany na rafibato mirefy iray metatra raha kely ny hateviny.

And. 39. – Ny tady fanapoahana vita amin'ny trinitotouène sy ny tady na fanapoahana hafa dia ampiharina ny lanjan'isa fampitoviana lenta $E = 20$. Ny vaninandro nanamboarana azy sy ny hafainganana'ny firehetany dia tsy maintsy voalaza eo amin'ny fehezana'ny lahiny tsirairay avy na amin'ny taratasy kely mipetaka amin'izany.

Ny toeram-panobiana tsy itehirizana afa-tsy ireo tady na fana-

être établis dans les conditions prévues pour les dépôts d'explosifs ou pour les dépôts de détonateurs.

Il est permis, d'autre part, d'introduire des mèches de sûreté, cordeaux ou artifices, dans des dépôts d'explosifs d'une classe quelconque, aux conditions fixées par l'article 19.

CHAPITRE VII : DES DEPOTS MOBILES.

Art. 40. – Sans préjudice des dispositions du Code de la route et des dispositions générales réglementant des substances explosives ou détonantes, tout dépôt mobile doit satisfaire aux conditions imposées par le présent chapitre et remplir les conditions générales auxquelles sont soumis les dépôts, sous réserve des modifications stipulées dans le présent chapitre.

I. Dispositions générales et aménagements

Art. 41. – 1° Un dépôt mobile d'explosifs ne peut recevoir que des explosifs mis sous forme de cartouches d'un modèle agréé ;

2° Les deux derniers alinéas de l'article 19 sont remplacés par les dispositions suivantes :

- a. un dépôt mobile d'explosifs ne peut recevoir, même temporairement, des détonateurs ; un dépôt mobile de détonateurs ne peut pas recevoir d'explosifs ;

poahana ireo azo amboarina amin'ny toeram-panobiana zava-mipoaka na ny toeram-panobiana kapisily.

- la présentation de la carte d'orpailleur dans le cas d'achat à un orpailleur; il mentionne cet achat sur la carte de l'orpailleur.

Art. 33. – L'or ainsi collecté doit être vendu en totalité, muni d'un laissez-passer modèle III, au Comptoir de l'Or ou à l'agence de son choix.

Art. 34. – Le collecteur agréé est tenu de fournir un relevé mensuel du registre d'entrée et de sortie selon modèle en annexe, au Fivondronana du ressort.

Un rapport d'activité mensuel sera dressé par le collecteur agréé et envoyé au Fivondronampokotany du ressort et à la Direction provinciale chargée des Mines concernée.

Art. 35. – Les droits résultant de la délivrance ou renouvellement de l'agrément en qualité de collecteur seront fixés comme suit :

- droit d'octroi : cinq cent mille

And. 32. – Rahefa mividy volamena, ny mpanangom-bokatra nankatoavina dia tsy maintsy mitaky amin'ny mpivarotra aminy :

- ny tsisakana-mandeha modely 1, raha amin'ny tompon'ny fahazoan-dàlana manan-kery amin'ny volamena no ividianany azy ;
- fampisehoana ny karatra maha-pitrandraka volamena araka ny fomba nenti-paharazana n'ividianany azy ; marihiny ao amin'ny karat'ily mpi-trandraka volamena araka ny fomba nentim-paharazana io fividianana io.

And. 33. – Ny volamena voaangona amin'izany dia tsy maintsy amidy manontolo ampiarahana amin'ny tsisakana-mandeha modely III amin'ny Tranombaro-bolamena na izay masoivoho ivarotana azy.

And. 34. – Ny mpanangom-bokatra notoavina dia tsy maintsy manome izay voarakitra isambolana ao antin'ny rejisitry ny miditra sy mivoaka, araka ny modely ao amin'ny tovana, any amin'ny Fivondronana miadidy ny faritra.

Ny tatitra isambolana mikasika ny asa vitan'ny mpanangom-bokatra notoavina dia halefa any amin'ny Fivondronampokontany miadidy ny faritra sy any amin'ny Foibem-paritany miadidy ny Harena an-kibon'ny tany voakasika.

And. 35. – Ny vola fandoa amin'ny fanomezana na fanavaozana ny fankatoavana ho mpanangom-bokatra dia ferana toy izao manaraka izao :

- saram-panomezana : iray het-

- francs malagasy (500.000 fmg ;
- droit de renouvellement : un million cinq cent mille francs malagasy (1.500.000 fmg) si le rendement du collecteur est supérieur ou égal à la quantité minimum fixée pour chaque région et inférieur à deux (2) kibgrammes ;
- un million de francs malagasy (1.000.000 fmg) si le rendement du collecteur est supérieur ou égal à deux (2) kibgrammes et inférieur à cinq (5) kilogrammes ;
- cinq cent mille francs malagasy (500.000 fmg) si le rendement du collecteur est supérieur ou égal à cinq (5) kilogrammes et inférieur à dix (10) kilogrammes ;
- exonération du droit si le rendement du collecteur est égal ou supérieur à dix (10) kibgrammes.

Le rendement y afférent est basé sur la validité de l'agrément.

Art. 36. – Les droits visés à l'article 35 ci-dessus sont liquidés et perçus auprès d'une trésorerie principale ou d'une perception principale du ressort sur déclaration souscrite par le collecteur, dûment visée par le représentant local du Ministère chargé des Mines ou, à défaut, par les autorités locales administratives.

Art. 37. – Le renouvellement de l'agrément sur demande du

- sy ariary (100.000 ariary) ;
- saram-panavaozana : telo hetsy ariary (300.000 ariary) raha toa ka mihoatra na mira amin'ny farafahakeliny voafetra ho an'ny faritra tsirairay ary latsaky ny roa (2) kilaograma ny vokatra azon'ny mpanangona ;
- roa hetsy ariary ariary (200.000 ariary) raha toa ka mihoatra na mira ny roa (2) kilaograma ary latsaky ny dimy (5) kilaograma ny vokatra azon'ny mpanangona ;
- iray hetsy ariary (100.000 ariary) raha toa ka mihoatra na mira ny dimy (5) kilaograma ary latsaky ny folo (10) kilaograma ny vokatra azon'ny mpanangona ;
- tsy mandoha sara raha toa ka mira na mihoatra ny folo (10) kilaograma ny vokatra azon'ny mpanangona.

Ny fikajiana ny vokatra mifandraika amin'izany dia afantoka amin'ny fankatoavana manan-kery.

And. 36. – Ireo vola fandoa voalazan'ny andininy faha-35 etsy ambony ireo dia kajiana ary aloa any amin'ny foibe fitahirizambolam-panjakana na any amin'ny foibe famoriam-bolam-panjakana miadidy ny faritra, araka ny fanambarana an-tsoratra ataon'ny mpanangona voamarin'ny solon-tenan'ny Minisitery miadidy ny Harena an-kibon'ny tany eo an-toerana raha tsy misy an'io solontena io, ny manampahefana ara-pitondrana eo an-toerana.

And. 37. – Ny fanavaozana ny fankatoavana, rehefa angatahan'ny

titulaire est accordé à celui-ci:

- s'il a obtenu le rendement minimum fixé par arrêté pour chaque région ;
- s'il a rempli les critères d'obligations exigées ;
- et s'il a acquitté les droits y afférents.

Le renouvellement est accordé dans les mêmes conditions que l'octroi.

Art. 38. – En cas de rejet de la demande d'agrément ou de son renouvellement, le requérant peut dans le mois qui suit la notification du rejet, intenter un recours au Ministre chargé des Mines qui statue dans les trois (3) mois à compter de la date de la réception ou de la date du dépôt de la requête.

Le Ministre chargé des Mines peut procéder à un complément d'instruction du dossier, s'il estime nécessaire.

TITRE IV : SURVEILLANCE ADMINISTRATIVE ET TECHNIQUE.

Art. 39. – Le Ministère de tutelle, les collectivités territoriales décentralisées ainsi que les forces de l'ordre assurent le contrôle, le suivi et l'évaluation de l'orpaillage, de la collecte, de la vente, de la transformation, de la commercialisation et de l'exportation, dans la

tompony, dia homena azy :

- raha toa izy ka nahatratra ny farafahakelim-bokatra voafe-tran'ny didim-pitondrana ho an'ny isam-paritra ;
- raha toy izy ka nahafeno ireo fepetra mikasika ny fiantso-rohan'ny adidy takiana aminy ;
- ary raha nanefa ireo sara mifandraika amin'izany izy.

Omena araka ireo fepetra ilaina amin'ny fanomezana filohany iray ny fanavaozana.

And. 38. – Raha misy fandavana ny fangatahana fankatoavana na ny fanavaozana azy, dia azon'ny mpangataka atao, ao anatin'ny iray volana aorian'ny fampahafantarana izany fandavana izany, ny manao fitarainana any amin'ny Minisitra miandraikitra ny Harena ankibon'ny tany izay mandray fanapahan-kevitra ao anatin'ny telo (3) volana manomboka amin'ny vaninandro ametrahana ny fangatahana, na ny vaninandro nametrahana ny fitarainana.

Afaka mampanao famotorana fanampiny mikasika ny raharaha ny Minisitra miadidy ny Harena ankibon'ny tany raha heveriny fa ilaina izany.

LOHATENY IV : FANARAHA-MASO ARA-PANJAKANA SY ARA-TEKNIKA.

And. 39. – Ny Minisitara mpiahy, ny vondrom-bahoakamparitra itsinjaram-pahefana ary koa ireo mpitandro filaminana no manatontosa, ny fanaraha-maso sy ny fizohiana ary ny fanambanana mikasika ny fitrandrahana volamena araka ny fomba nentim-paha-

mesure de leurs compétences respectives.

Art. 40. – Les actions et poursuites, en matière d'infraction aux dispositions du présent décret, sont exercés à la requête des autorités locales administratives et à la diligence du Ministère chargé des Mines.

Art. 41. – Indépendamment des peines et amendes prévues par le Code minier, l'or saisi ne peut plus être restitué même en cas de transaction avant ou après jugement.

Il est confisqué par le Ministère chargé des Mines qui le vendra au Comptoir de l'Or.

Art. 42. – Les produits de la vente mentionnée à l'article 41 ci-dessus, après déduction des frais et taxes éventuels de toute nature seront répartis selon les taux définis ci-dessous, entre :

- la collectivité territoriale décentralisée où a été extrait l'or : 25 pour cent ;
- le département du Ministère ayant constaté l'infraction : 15 pour cent, dont 10 pour cent au service ou direction Provinciale concerné et 5 pour cent au Ministère ;

razana, ny fanangonana, ny fivarotana, ny fanodinana, ny fitadiavana lalam-barotra ary ny fanondranana, araka ny fahefana ananan'izy ireo avy.

And. 40. – Ny fitoriana sy fitanarahana mikasika ny fandikana ireo fepetra voalazan'ity didimpanjakana ity, dia atao rehefa misy fangatahana avy amin'ny manampahefana ara-panjakana eo antoerana ary eo ambany fiahian'ny Minisitara miadidy ny Harena an-kibon'ny tany.

And. 41. – Ankoatr'ireo sazy sy lamandy voatondron'ny Fehezandalàna momba ny harena an-kibon'ny tany, ny volamena nogiazina dia tsy azo haverina intsony na misy aza ny fifampiraharana nialoha na aorian'ny didim-pitsarana.

Giazan'ny Minisitara miadidy ny Harena an-kibon'ny tany izany ka hamidiny amin'ny Tranombabolamena.

And. 42. – Ny vokatra azo avy amin'ny fivarotana voatondron'ny andininy faha-41 etsy ambonny, rehefa avy nalàna ny mety ho sara sy haba isan-karazany, dia ho tsinjaraina araka ireto sandany voafaritra eto ambany amin'ny :

- vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay ntrandrahana ny volamena : 25 isan-jato ;
- ny antokon-draharahan'ny Minisitara nanao ny fizahana fototra ny fandikan-dàlana ; 15 isan-jato, ka 10 isan-jato ho an'ny sampan-draharaha na ny foibem-pitondranam-paritany voakasika ary ny 5 isan-jato ho an'ny Minisitara ;

- le Ministère chargé des Mines : 25 pour cent, dont 15 pour cent au Service, Département ou Direction concernés et 10 pour cent au Ministère.
- les agents verbalisateurs : 15 pour cent ;
- les intervenants : 15 pour cent ;
- et les indicateurs : 5 pour cent.
- ny Minisitara miadidy ny Harena an-kibon'ny tany : 25 isan-jato, ka 15 isan-jato ho an'ny sampan-draharaha, antokon-draharaha na foibem-pitondrana voakasika ary 10 isan-jato ho an'ny Minisitara ;
- ny nanao ny fitanana antsoratra ny famotorana : 15 isan-jato ;
- ireo mpiara-misalahy : 15 isan-jato ;
- ary ireo nanoro ny fisian'ny fandikan-dalàna : 5 isan-jato.

Art. 43. – Toute infraction au présent décret est réprimée par les dispositions du Code minier.

And. 43. – Iazy rehetra fandikana ny voalazan'ity didim-panjakana ity dia faizina araka ireo fepetra soritan'ny Fehezan-dalàna momba ny Harena an-kibon'ny tany.

TITRE V : DISPOSITIONS TRANSITOIRES.

LOHATENY V : FEPETRA TETEZAMITA.

Art. 44. – Tout détenteur d'or à l'état brut, est tenu de déclarer en une seule fois auprès du Président de la Délégation spéciale du Fivondronana ou du Président du Comité local de sécurité le plus proche selon le cas, la quantité d'or en sa possession, dans un délai de un (1) mois à compter de la date de publication du présent décret et ce, sans aucune poursuite judiciaire de la part de l'Administration.

And. 44. – Iazy rehetra manana volamena amin'ny endriny maha-akora azy, dia tsy mainty mampahafantatra indray mandeha ihany amin'ny Filohan'ny delegasiona manokana ny Fivondronana na ny Filohan'ny Komitim-paritra momba ny fandriampahalemana akaiky indrindra araka izay manandrify azy, ny habetsahan'ny volamena eo am-pelatanany, ao anatin'ny fe-potoana iray(1) volaza manomboka amin'ny vaninandro amoahana ity didim-panjakana ary amin'izany dia tsy hisy fitanarahana azy mihitsy ara-pitsarana ataon'ny Fanjakana.

Nonobstant, les dispositions de l'article 6 ci-dessus, le détenteur sus-visé peut, sur décision du Ministre de Tutelle, être autorisé à exporter sur sa demande de tout ou partie de son stock déclaré.

Na eo aza ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-6 etsy ambony, ny tompom-bolamena voalaza etsy ambony dia mety, ny fanapahana raisin'ny Minisitara mpiahy, hahazo fanomezan-dalàna

Les autorités ci-dessus sont tenues de faire parvenir le double de ladite déclaration à la Direction Provinciale chargée des Mines du ressort.

TITRE VI: DISPOSITIONS FINALES.

Art. 45. – Un décret pris en Conseil des Ministres, déterminera les modalités de création du Comptoir de l'Or.

Art. 46. – Des textes réglementaires fixeront en tant que de besoin les modalités d'application du présent décret.

Art. 47. – Sont et demeurent abrogées toutes dispositions contraires à celles du présent décret, notamment :

- celles du décret n° 61-230 du 19 mai 1961 portant régime de l'autorisation et de la surveillance de l'orpaillage ;
- celles du décret n° 61-231 du 19 mai 1961 fixant le régime de l'achat de l'or et de la fiscalité en matière d'orpaillage ;
- celles de l'article 6 du décret n° 72-446 du 25 Novembre 1972 fixant les modalités

hanondrana any ivelany araka ny fangatahany, ny ampahany na iray manontolo amin'ny tahiry nanaovany fanambarana. Ny manampahafana voatondro etsy ambony dia tsy maintsy mandefa ny kopian' izany fanambarana izany any amin' ny Foibem-paritany miadidy ny Harena an-kibon'ny tany iandraiketany.

LOHATENY VI: FEPETRA FAMARANANA.

And. 45. – Didim-panjakana raisina eo am-pivorian'ny Minisitra no hamaritra ireo fombafomba hananganana ny Tranombarobolamena.

And. 46. – Hisy ireo rijantenin'ny didy amam-pitsipika no hametra araka ny ilàna izany, ireo fombafomba fampiharana ity didim-panjakana ity.

And. 47. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra mifanohitra amin'ity didim-panjakana ity, indrindra ireo voalaza ao amin'ny :

- didim-panjakana laharana faha-61-320 tamin'ny 19 mey 1961 momba ny fitsipika arahina amin'ny fanomezan-dàlana sy ny fanaraha-maso ny fitrandrahana volamena araka ny fomba nentim-paharazana ;
- didim-panjakana laharana faha-61-231 tamin'ny 19 mey 1961 mametra ny fitsipika momba ny fividianana volamena sy ny hetra fandoa amin'ny fitrandrahana volamena araka ny fomba nentim-paharazana ;
- andininy faha-6 amin'ny didim-panjakana laharana faha-72-446 tamin'ny 25 novambra

d'application de la loi n° 67-028 du 18 décembre 1967 relative aux relations financières de la République Malgache avec l'Étranger, en ce qui concerne l'importation et l'exportation d'or ;

- celles du décret n° 89-132 du 31 mai 1989 portant libéralisation du prix de l'or ;
- celles du décret n° 89-321 du 29 Septembre 1989 portant modification de certaines dispositions du décret n° 61-231 du 19 mai 1961.

Art. 48. – Le Ministre de l'Énergie et des Mines, le Ministre des Finances et du Budget et le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

1972 mametra ireo fomba-fomba fampiharana ny lalàna laharana faha 67-028 tamin'ny 18 desambra 1967 momba ny fifandraisana ara-bola ifanaovan'ny Repoblika Malagasy amin'ny any ivelany, mikasika ny fanafarana sy fanondranana volamena ;

- didim-panjakana laharana faha-89-132 tamin'ny 31 mey 1989 mikasika ny fanalalana ny vidin' ny volamena ;
- didim-panjakana laharana faha 89-321 tamin'ny 27 septambra 1989 manova ny fepetra sasantsasany voalazan' ny didim-panjakana laharana faha-61-231 tamin'ny 19 mey 1961.

And. 48. – Ny Minisitry ny Herim-pamokarana sy ny Harena an-kibon'ny tany, ny minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Minisitry ny Ati-tany sy ny Fana-pariam-pahefana, no miandraikitra araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity, izay havoaka ao amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.

III.2. DECRET N°95-326
du 3 mai 1995
portant création du Comptoir
de l'Or (*J.O. n° 2329 du*
23.1.95, p. 2733)

TITRE PREMIER :
GENERALITES.

CHAPITRE PREMIER :
CREATION ET ATTRIBUTIONS.

Article premier. – Le Comptoir de l'Or est un organisme d'Etat régi par le droit commun des sociétés anonymes, sous réserve des dispositions particulières du présent décret. Il est placé sous la tutelle du Ministère chargé des Mines.

Art. 2. – Le Comptoir de l'Or a pour objet :

- a. d'acheter l'or des permissionnaires-or et des collecteurs agréés. On entend par permissionnaires-or, tout titulaire de permis minier valable pour or ;
- b. d'organiser la vente, l'exposition et l'importation de l'or en cas de nécessité justifiée par les autorités compétentes.

Art. 3. – Le Comptoir de l'Or a pour siège Antananarivo et peut être transféré en tout autre lieu sur le territoire de la République de Madagascar

III.2. DIDIM-PANJAKANA N° 95-326
tamin'ny 3 mey 1995
mikasika ny fananganana ny
Tranombaro-bolamena (*Idem*)

LOHATENY VOALOHANY :
ANKAPOBENY.

TOKO VOALOHANY :
FANANGANANA
SY ANJARA RAHARAH.

Andininy voalohany. – Ny Tranombaro-bolamena dia antokon-draharaham-panjakana voafehin'ny lalàna iombonan'ny sosaiety tsy anavahana anarana, tsy tohinina anefa ny fepetra manokana voalazan'ity didim-panjakana ity. Atoetra eo ambany fiahian'ny Minisitera miadidy ny Harena ankibon' ny tany izy io.

And. 2. – Ny anton'asa amandraharahan'ny Tranombaro-bolamena dia ny :

- a. hividy ny volamena amin'ireo tompom-pahazoan-dàlana mikasika ny volamena sy amin'ireo mpanangona nahazo fankatoavana dia izay rehetra tompon'ny fahazoan-dàlana momba ny harena an-kibon'ny tany manan-kery amin'ny volamena ;
- b. handamina ny fivarotana , ny fanondranana ary ny fanafarana volamena raha misy ilàna izay voamarin'ny manam-pahafana mahefa.

And. 3. – Eto Antananarivo no misy ny foiben'ny Tranombaro-bolamena, ary azo atao ny mamindra azy amin'ny toeran-kafa rehetra eto amin'ny tanin'ny Repob-

Des agences sont créées par arrêté du Ministre chargé des Mines.

CHAPITRE II : STRUCTURE.

Art. 4. – Les modalités d'organisation et de fonctionnement du Comptoir de l'Or, avec une structure très simple et souple, seront déterminées par décret sur proposition du Ministre chargé des Mines.

Toutefois, l'Etat peut confier la mise en place et la gestion des agences du Comptoir de l'Or à des sociétés de droit malagasy après accord du Ministère de tutelle, selon un cahier de charges type défini par arrêté du Ministre chargé des Mines.

Ces agences confiées à des sociétés de droit malagasy, sont dénommées «agences agréées».

CHAPITRE III : MOYENS ET RESSOURCES.

Art. 5. – Le recrutement de personnel, dont les modalités seront définies par arrêté du Ministre chargé des Mines, se fait par contrat.

Le personnel est régi par le Code du Travail.

blikan' i Magasikara.

Hisy ny masoivohony atsan-gana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra miadidy ny Harena an-kibon'ny tany.

TOKO II : NY FIRAFINY.

And. 4. – Ireo fombafomba fandaminana sy fampandehanana ny asan'ny Tranombaro-bolamena izay atao faran'izay tsotra sy mora lefahina ny firafiny, dia ho faritana amin'ny didim-panjakana aroso araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Minisitra miadidy ny Harena an-kibon'ny tany.

Na izany aza, azon'ny Fanjakana ankinina amin'ireo sosaiety mizaka ny zo malagasy ny fampijoroana sy ny fitantanan ireo masoivohon'ny Tranombaro-bolamena rehefa nilaza tamin'ny Minisitara mpiahy fa ekeny izany, araka ny bokin'andraikitra lasitra faritan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra miadidy ny Harena an-kibon'ny tany.

Ireo Masoivoho ankinina amin'ny sosaiety mizaka ny zo malagasy ireo dia antsoina hoe : "Masoivoho notoavina".

TOKO III : NY ENTI-MANANA SY NY LOHARANOM-BOLA.

And. 5. – Ny fandraisana ny mpiasa izay ho faritan'ny didim-pitondrana ataon'ny minisitra miadidy ny Harena an-kibon'ny tany ny fombafomba arahina aminy, dia raiketina amin'ny alalan'ny fifanekem-pisahanan-draharaha.

Ahatra amin'ireo mpiasa ny Fehezan-dàlana momba ny asa.

Art. 6. – Pour les agences agréées, les dispositions du présent décret doivent être reprises dans le cahier de charges.

Art. 7. – Les recettes du Comptoir de l'Or comprennent :

- a. les dotations budgétaires (subventions, dons, prêts, avances, etc...);
- b. les produits de toutes activités commerciales ;
- c. la part du produit de l'escompte éventuellement consenti ;
- d. la part des bénéfices réalisés en fin d'exercice.

Art. 8. – Le Comptoir de l'Or effectue toutes les dépenses nécessaires au bon accomplissement de sa mission, notamment :

- les dépenses de fonctionnement, d'administration et d'entretien ;
- le paiement des achats de l'or ;
- les annuités et le remboursement de tous prêts ou avances ;
- l'octroi éventuel de prêts ou subventions à tout agent ou organisme contribuant au développement de son activité ;
- l'octroi éventuel des primes de rendement.

And. 6. – Ho an'ireo Maso-ivoho notoavina, dia tsy maintsy voasoratra ao anatin'ny bokin' andraikitra ireo fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity.

And. 7. – Ny fidiram-bolan'ny Tranombaro-bolamena dia avy amin'ny :

- a. tolotra ara-tetibola (fanampiana, fanomezana, fampisamborana, vatsim-bola, sns...);
- b. ireo vokatra azo avy amin'ny asa aman-draharaham-barotra notontosaina ;
- c. ny ampahany amin'ny vokatra ny fampijanahana trosambarotra mety ho nekena ;
- d. ny ampahany amin'ny tombomboratra azo rehefa mifarana ny fotoam-piasana

And. 8. – Raiketin'ny tranombaro-bolamena izay fandaniana rehetra ilaina amin'ny fanatontosana an-tsakany sy an-davany ny asa nankinina taminy, indrindra indrindra :

- ny fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaha, ny fitantanana ary ny fikojakojana ;
- ny fanefana ny vidin'ny volamena ;
- ny fanefana ny zana-bola isan-taona sy ny fanonerana ny vola nosamborina na ny vatsim-bola ;
- ny mety ho fanomezana fampisamboram-bola na fanampiana ho an'ny mpandraharaha na antokon-draharaha mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny asany;
- ny mety ho fanomezana tamby amin'ny fahombiazan'asa

nosahanina.

Art. 9. – Tout prêt ou emprunt effectué par le Comptoir de l'Or pour le développement économique du Pays doit avoir l'approbation du Ministre de tutelle.

Art. 10. – Les opérations comptables du Comptoir de l'Or relèvent de la comptabilité commerciale.

CHAPITRE IV : COMMERCIALISATION DE L'OR.

Art. 11. – Les prix de vente et d'achat de l'or sont fixés en fonction de la politique de la libéralisation et du cours mondial de l'or.

CHAPITRE V : IMPORTATION ET EXPORTATION DE L'OR.

Art. 12. – Quiconque ne peut importer de l'or, sauf le Comptoir de l'Or.

Le Comptoir de l'Or ou les agences agréées, peut exporter l'or sous toutes ses formes, par décision du Ministre chargé des Mines, sous réserve des dispositions de l'article 4 du présent décret.

Les bijoutiers, orfèvres, joailliers et les privés de profession libérale utilisant l'or ne peuvent exporter de l'or qu'à l'état travaillé et ce, par décision du Ministre chargé

And. 9. – Izay rehetra fampisamborana na findramam-bola ataon'ny Tranombaro-bolamena, mba hisian'ny fampandrosoana ny toe-karem-pirenena dia tsy maintsy ahazoana ny fankatoavan'ny Minisitra mpiahy.

And. 10. – Ny fitanan-kaonty arahin'ny Tranombaro-bolamena dia ny fampiasa amin'ny fitanan-kaonty momba ny raharaham-barotra.

TOKO IV : RAHARAHAM-BAROTRA MOMBA NY VOLAMENA.

And. 11. – Ny handafosana ny handraisana ny volamena dia ferana hifanaraka amin'ny politikan'ny fanalalahana sy ny sandam-bidin'ny volamena eo amin'ny tsena iraisam-pirenena.

TOKO V : FANAFARANA SY FANONDRANANA VOLAMENA.

And. 12. – Tsy misy na iza na iza manafatra volamena, ankoatra ny tranombaro-bolamena.

Ny Tranombaro-bolamena na ireo masoivoho notoavina dia afa-manondrana volamena amin'endrika samihafa, araka ny fanapahana raisin'ny Minisitra miadidy ny Harena an-kibon'ny tany raha toa ka voahaja ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-4 amin'ity didim-panjakana ity.

Ireo mpanao sady mpivarotra firavaka, mpanefy volamena mpanefy sady mpivarotra firavaka haingoana vatosoa ary ireo manao asa mahaleotena mampiasa vola-

des Mines.

**CHAPITRE VI :
REPARTITION DES TAXES
SUR ACHAT ET DES BENEFICES.**

Art. 13. – Une taxe dont les taux sont fixés annuellement par décret pris en Conseil du Gouvernement conformément aux dispositions de la loi n° 95-007 du 26 avril 1995 relative aux pouvoirs, compétences et ressources des collectivités territoriales décentralisées, est perçue sur tout achat d'or effectué par le Comptoir de l'Or et/ou ses agences agréées, au profil des collectivités territoriales décentralisées concernées.

Art. 14. – La répartition des bénéfiques nets perçus par le Comptoir de l'Or se fait comme suit :

- 60% pour le Budget Général de l'Etat ;
- 40% pour le Comptoir.

**TITRE II :
SURVEILLANCE ADMINISTRATIVE
ET TECHNIQUE.**

Art. 15. – Toute infraction au présent décret est sanctionnée et réprimée par les dispositions du Droit commun, du Code des Douanes, du Code minier et du

mena dia tsy mahazo manondrana volamena raha tsy amin'ny endriny vita tefy, ary izany dia atao araka ny fanapahana raisin'ny Minisitra miadidy ny Harena an-kibon'ny tany.

**TOKO IV :
FITSINJARANA NY HABA
AMIN'NY FIVIDIANANA VOLAMENA
SY MOMBA NY TOMBOM-BAROTRA.**

And. 13. – Misy haba izay ho ferana isan-taona amin'ny didim-panjakana raisina eo am-pivorian'ny Governemanta, mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny lalàna laharaha faha-95-007 tamin'ny 26 aprily 1995 mikasika ireo fahefana tandrify ary loharanom-bolan'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny sarany, ho takiana amin'ny fividianana volamena ataon'ny Tranombaro-bolamena sy/na ireo Masoivoho nankatoavina, ho an'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasik'izany.

And. 14. – Ny fitsinjarana ireo tombom-barotra afa-karatsaka an'ny Tranombaro-bolamena dia atao toy izao manaraka izao :

- 60 isan-jatony ho an'ny tetibolam-panjakana ankapobe ;
- 40 isan-jatony ho an'ny Tranombaro-bolamena.

**LOHATENY II :
FANARAHANA-MASO ARA-
PANJAKANA SY ARA-
TEKNIKA.**

And. 15. – Izay rehetra fandikana ity didim-panjakana ity dia saziana ary faizina araka ireo fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka, ny fehezan-

décret n° 95-325 du 3 mai 1995
fixant le régime de l'or.

Un organe de contrôle, sous
tutelle du Ministère chargé des
Mines sera mis en place par voie
d'arrêté.

**TITRE III :
RELATIONS COMPTOIR DE
L'OR-PERMISSIONNAIRES-OR,
COLLECTEURS AGREES.**

Art. 16. – A toute vente auprès
du Comptoir de l'Or ou des agen-
ces effectuée par les permission-
naires-or et collecteurs agréés doit
être joint un bordereau d'achat-
vente dont modèle joint en annexe
1 au présent décret.

Art. 17. – Tous les permission-
naires - or et collecteurs agréés
doivent établir, en triple exem-
plaires, un relevé statistique men-
suel de leurs activités dont mo-
dèles joints en annexes II et III au
présent décret.

dalàna momba ny fadintseranana,
ny Fehezan-dalàna momba ny Ha-
rena an-kibon'ny tany ary ny didim-
panjakana laharana faha-95-325
tamin'ny 3 mey 1995 manisy fitsi-
pika momba ny volamena

Hatsangana araka ny didim-
pitondrana ny antokon-draharaha
iray hisahana ny fanaraha-maso
izay ho eo ambany fiahian'ny Mini-
sitera miadidy ny Harena ao an-
kibon'ny tany.

**LOHATENY III :
NY FIFANDRAISANA
EO AMIN'NY
TRANOMBARO-BOLAMENA –
TOMPON'NY
FAHAZOAN-DALANA
MIKASIKA NY VOLAMENA,
MPANANGONA NAHAZO
FANAKATOAVANA.**

And. 16. – Amin'ny fivarotana
rehetra eo amin'ny Tranombaro-
bolamena na ireo Masoivoho,
ataon'ireo tompon-pahazoan-
dalana mikasika ny volamena sy
ireo mpanangona nahazo fankatoa
vana, dia tsy maintsy ampiara-
hana ny taratasy fitanisana fividia-
nana famarotana ka ny modely
momba izany dia ampiarahana
amin'ity didim-panjakana ity ao
amin'ny tovana I, ny modely
momba izany.

And. 17. – Ireo tompom-
pahazoan-dalàna mikasika ny vo-
lamena sy ireo mpanangona na-
hazo fankatoavana rehetra dia tsy
maintsy manao dika telo mitovy ny
fitanana an-tsoratra ireo antontan'
isa mikasika ireo asa nataony
isam-bolana, izay ampiarahina
amin'ity didim-panjakana ity, to-
vana II sy III, ny modely momba

Le premier exemplaire sera envoyé au Comptoir de l'Or par l'intermédiaire de l'agence la plus proche et les deux autres respectivement à la Direction Provinciale chargée des Mines du ressort et au Ministère chargé des Mines.

Art. 18. – Chaque agence du Comptoir de l'Or est tenue de fournir mensuellement au Comptoir de l'Or et au Ministère de tutelle un rapport financier de ses activités commerciales.

Art. 19. – Au mois de Novembre de chaque année, le Comptoir de l'Or et ses agences doivent fournir au Ministère de tutelle, leurs rapports d'activités annuels (techniques, financiers)

Art. 20. – La Banque Centrale et/ ou les banques primaires peuvent établir des conventions avec le Comptoir de l'Or.

TITRE IV : DISPOSITIONS FINALES.

Art.21. – Des textes réglementaires fixeront en tant que de besoin, les modalités d'application du présent décret.

Art. 22. – Toutes dispositions contraires à celles du présent décret sont et demeurent abrogées.

Art. 23. – Le Ministre de l'Energie et des Mines, le Ministre

izany.

Ny dika voalohany dia halefa any amin'ny Tranombaro-bolamena amin'ny alalan'ny Masoivoho akaiky indrindra, ary mikasika ireo roa hafa dia andefasana dika iray avy ny Foibem-paritany miadidy ny Harena an-kibon'ny tany eo amin'ny faritra sy ny Minisitery miadidy ny Harena an-kibon'ny tany.

And. 18. – Ny masoivohon'ny Tranombaro-bolamena tsirairay dia tsy maintsy mandefa isam-bolana any amin'ny Tranombaro-bolamena sy ny Minisitery mpiahy, ary tatitra ara-bola momba ireo raharahan-barotra nataony.

And. 19. – Eo amin'ny volana novambra isan-taona, ny Tranombaro-bolamena sy ireo Masoivohon'ny dia tsy maintsy mandefa any amin'ny Minisitery mpiahy ireo tatitra momba ny asa nandritra ny taona (ara-teknika, ara-bola);

And. 20. – Ny banky foibe sy/ na ireo banky tsotra dia afaka manao fanekena amin'ny Tranombaro-bolamena.

LOHATENY IV : FEPETRA FAMARANANA.

And. 21. – Ireo rijan-teny arapitsipika no hametra araka ny ilàna izany ny fombafomba fampiharana ity didim-panjakana ity.

And. 22. – Foanana ary mijanona ho foana ireo fepetra rehetra mifanohitra amin'izay voalazan'ity didim-panjakana ity.

And. 23. – Ny Minisitry ny Herim-pamokarana sy ny Harena

des Finances et du Budget et le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

an-kibon'ny tany, ny Ministry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ary ny Ministry ny Atitany sy ny Fana-pariaham-pahefana no miandraikitra araka izay tandrify azy avy, ny fampiharana ity didim-panjakana ity, izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.

III.3. DECRET N° 96-730
du 21 août 1976
portant statuts provisoires du
Comptoir de l'Or (*J.O n° 2395*
du 4.11.96, p. 2869)

Article premier. – Le présent décret fixe les statuts du Comptoir de l'Or.

TITRE PREMIER :
FORME ET OBJET
DU COMPTOIR DE L'OR.

Art. 2. – Le Comptoir de l'Or est un organisme d'Etat régi par le droit des sociétés anonymes et doté de la personnalité morale ainsi que de l'autonomie financière.

Art. 3. – Le Comptoir de l'Or a pour objet :

- a.** d'acheter l'or des permissionnaires-or et des collecteurs agréés. On entend par permissionnaires-or, tout titulaire de permis minier valable pour or ;
- b.** d'organiser la vente et l'exploitation de l'or ainsi que l'importation de l'or conformément à la législation en vigueur, en cas de nécessité justifiée par les autorités compétentes.

III.3. DIDIM-PANJAKANA N°
96-730
tamin'ny 21 aogositra 1976
anaovana ny fitsipi-pitondrana vonjimaika ny Tranombaro-bolamena (*Idem*)

Andininy voalohany. – Ity didim-pitsarana ity dia manoritra ny fitsipi-pitondrana ny Tranombaro-bolamena.

LOHATENY VOALOHANY :
ENDRIKA SY ZAVAKENDREN' NY TRANOMBARO-BOLAMENA.

And. 2. – Ny tranombaro-bolamena dia antokon-draharaham-panjakana iray feheziny lalàn'ny sosaiety tsy anavahana anarana sy mizaka ny zo aman' andraikitry ny isam-batan'olona ary mahatapa-tena ara-bola.

And. 3. – Ny zava-kendren'ny Tranombaro-bolamena dia :

- a.** ny fividianana volamena amin' ireo nahazo alalana amin'ny volamena sy ireo mpanangona volamena nankatoavina. Ny antsoina hoe nahazo alalana amin'ny volamena dia ny tomponà fahazoan-dalàna momba ny Harena an-kibon'ny tany natokana ho an'ny volamena ;
- b.** ny fandaminana ny fivarotana sy ny fanondranana ny volamena ary koa ny fanafarana azy io araka ny lalàna manankery, raha misy ilàna izay voamarin'ny manam-pahefana mahefa.

Art. 4. – Le Comptoir de l'Or a pour siège Antananarivo et peut être transféré en tout autre lieu sur le territoire de la République de Madagascar.

Art. 5. – Le Comptoir de l'Or fonctionne, en qualité d'organisme d'études et de régulation financé intégralement par des fonds publics.

TITRE II : DE L'ORGANISATION ET DU FONCTIONNEMENT.

Art. 6. – L'organisation générale du Comptoir de l'Or est fixée comme suit :

- 1° Direction Générale (D.G.)
- 2° Comité de Gestion (C.G.)

CHAPITRE PREMIER : DE LA DIRECTION GENERALE.

Art. 7. – Le Comptoir de l'Or est géré et dirigé par un Directeur Général nommé par décret sur proposition du Ministre chargé des Mines.

Art. 8. – Le Directeur Général est chargé de l'administration du Comptoir de l'Or, d'assurer et de coordonner ses activités et de réaliser les objectifs en conformité avec les directives émanant du Ministère de tutelle. A ce titre, il est notamment chargé de :

And. 4. – Ao Antananarivo no misy ny foiben'ny toeran'ny Tranombaro-bolamena ary azo atao ny mamindra izany any amin'ny toeran-kafa manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

And. 5. – Ny tranombaro-bolamena dia miasa, ho antokon-draharaham-pandinihina sy mpanarina vatsiana ara-bola tanteraka amin'ny volam-panjakana.

LOHATENY II : MOMBA NY FANDAMINA- NA SY NY FAMPANDEHA- NANA NY ASA.

And. 6. – Ny fandaminana ankapoben'ny Tranombaro-bolamena dia ferana toy izao :

- 1° Foibem-pitondrana ankapobe (D.G)
- 2° Komity mpitantana (C.G)

TOKO VOALOHANY : MOMBA NY FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBE.

And. 7. – Ny Tale Jeneraly izay tendrena araka ny didim-panjakana noraisina araka ny tolokevitra naroson'ny Minisitra miandraikitra ny Harena an-kibon'ny tany no mitantana sy mitarika ny Tranombaro-bolamena.

And. 8. – Ny Tale Jeneraly no miandraikitra ny fitantanana ny Tranombaro-bolamena, ny fanatanterahana sy ny fandriandra ireo asa aman-draharaha ary ny fanatontosana ireo zava-kinendry mifanaraka amin'ny torolàlana avy amin'ny minisitara mpiahy. Araka izany, dia ireto indrindra ny andraikiny :

- a. définir les politiques financières, commerciales et humaines à mettre en œuvre conformément à la politique nationale sur l'or ;
- b. mettre en place les structures correspondantes et faire assurer leur orientation et leur coordination ainsi que le contrôle de leur évolution et des résultats ;
- c. rechercher les capitaux, propres et empruntés ;
- d. faire approuver par le ministère de tutelle tout emprunt ou prêt à effectuer par le Comptoir de l'Or auprès des privés ;
- e. élaborer les programmes d'activités et le budget du Comptoir de l'Or ;
- f. ouvrir et gérer les comptes courants et les comptes de dépôts des fonds du Comptoir de l'Or ;
- g. arrêter le règlement général du personnel du Comptoir de l'Or et le règlement intérieur, les indemnités à allouer aux Administrateurs ;
- h. établir et passer les marchés, conventions et contrats au nom et pour le compte du Comptoir de l'Or ;
- i. en général, de représenter le Comptoir de l'Or dans tous les actes de la vie civile et en justice, tant en action qu'en défense ;
- j. élaborer et proposer au ministère de tutelle toute politique nouvelle jugée appropriée aux activités du Comptoir de l'Or ;
- a. famaritana ireo teti-pitondrana ara-bola, ara-barotra ary amin'ny maha-olona izay ho tanterahina araka ny politikam-pirenena momba ny volamena ;
- b. fametrahana amin'ny toerany ny rafitra mifanaraka aminy sy fanatanterahana ny sori-dàlana sy ny fandrindrana ary koa ny fanarahamaso ny fivoarana sy ny vokatra ;
- c. fikarohana ireo renivola azy manokana sy nosamborina ;
- d. fanaovan'izay ankatoavin'ny minisitera mpiahy ny fisamborana na findramam-bola hataon'ny Tranombaro-bolamena amin'ny olon-tsotra.
- e. famolavolana ireo fandaharana sy ny tetibolan'ny Tranombaro-bolamena ;
- f. fanokafana sy fitantanana ireo kaonty sesilany sy ireo kaontin'ny petra-bolan'ny Tranombaro-bolamena ;
- g. famaritana ny fitsipika ankapobe mifehy ny mpiasa ao amin'ny Tranombaro-bolamena sy ny fitsipika anatin'ny ireo tambin-karama omena ireo mpihevi-draharaha ;
- h. fanaovana sy fikarakarana fifampiraharaham-barotra, ny fifanekena ary ny fifanarahana atao amin'ny anarana sy ho an'ny Tranombaro-bolamena ;
- i. amin'ny ankapobeny, ny fiso-loan-tena ny Tranombaro-bolamena eo anatrehan'ny toe-javatra andavanandro sy eny amin'ny fitsarana, na ho mpitory izy na ho mpiaro ;
- j. Ny famolavolana sy ny fanolorana amin'ny minisitera mpiahy ny politika vaovao heverina ho mendrika amin'ireo

- k.** contrôler et réviser, le cas échéant, la (ou les) comptabilité(s) du Comptoir de l'Or ;
- l.** entretenir les rapports avec les délégués du personnel.

La Direction générale est composée des unités suivantes :

- Secrétariat et Relations publiques ;
- Direction administrative et financière ;
- Direction technique et commerciale ;
- Des Agences du Comptoir de l'Or sont créées au fur et à mesure du développement de ses activités.

Art. 9. – Les fonds du Comptoir de l'Or sont déposés au Trésor. Toutefois, le Comptoir de l'Or peut se faire ouvrir, dans les limites de ses besoins courants, des comptes bancaires ou postaux dans les localités où il mène ses activités.

Art. 10. – La fonte et l'affinage de l'or à l'état brut sont effectués par le Laboratoire National des Mines ou les laboratoires agréés par le Ministère chargé des Mines. Le Comptoir de l'Or recourt à leurs services pour la fonte, l'affinage, le lingotage et le titrage de l'or.

matoan-draharahan'ny Tranombaro-bolamena.

- k.** fanaraha-maso sy fanamarinana, raha toa ka misy, ny (na ireo) kaontim-bolan'ny Tranombaro-bolamena.
- l.** ny fikojakojana ny fifandraisana amin'ireo mpiandraikitra ny mpiasa.

Ny foibem-pitondrana ankapobe dia ahitana ireto manaraka ireto :

- Sekretaria sy Fifandraisana amin'ny vahoaka ;
- Foibem-pitondran-draharaha sy fitantanam-bola ;
- Foibem-pitondrana ara-teknika sy ara-barotra ;
- Ireo masoivohon'ny Tranombaro-bolamena izay atsangana arakaraky ny fandrosoan'ny asany.

And. 9. – Apetraka any amin'ny « *Trésor* » ny volan'ny Tranombaro-bolamena. Na dia izany aza, ny Tranombaro-bolamena dia afa-ka manokatra, amin'ny farafahakelin' ny zavatra ialainy, kaonty any amin'ny banky na any amin'ny paositra any amin'ireo toerana anaovany ny asany.

And. 10. – Ny fandrendrehana sy ny fanadiovana ny volamena amin'ny endriny tsy voasedra dia ataon'ny Laboratoaram-pirenena momba ny Harena an-kibon'ny tany na ireo laboratoara nankatoavin'ny Minisitara miandraikitra ny Harena an-kibon'ny tany. Ny tranombaro-bolamena dia manatona azy ireo amin'ny fandrendrehana sy fandiovana, « *le lingotage* » sy ny fisedrana ny volamena.

L'intervention de ces laboratoires est effectuée à titre onéreux.

Art. 11. – Les Agences du Comptoir de l'Or sont créées par arrêtés du Ministre chargé des Mines sur proposition du Directeur Général.

Art. 12. – Les agences ont pour mission, dans leur zone respective de compétence, de représenter le Comptoir de l'Or et d'exercer ses activités. A ce titre, chaque agence est notamment chargée d'exercer les pouvoirs à elle délégués par le Directeur général du Comptoir de l'Or et se rapportant à sa zone de compétence.

Art. 13. – Chaque agence tient à jour la (ou les) comptabilité(s) afférente(s) à ses activités et dont le plan de comptes reprend celui utilisé par la comptabilité centrale du Comptoir de l'Or.

Art. 14. – Les fonds du Comptoir de l'Or relatifs aux activités de l'agence sont déposés au bureau du Trésor du ressort. Toutefois, le Comptoir de l'Or peut se faire ouvrir, dans les limites des besoins courants de l'Agence, des comptes bancaires ou postaux dans la localité où celle-ci est installée.

Ny fandraisan'anjaran'ireo laboratoara ireo dia atao ara-bola.

And. 11. – Ireo masoivohon'ny Tranombaro-bolamena dia atsan-gana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana avy amin'ny Minisitra miandraikitra ny Harena an-kibon' ny Tany araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Tale Jeneraly.

And. 12. – Ny asan'ny masoivoho, ao amin'ny faritra ananany fahefana avy, dia ny fisoloan-tena ny Tranombaro-bolamena sy ny fanatanterahana ny asany. Noho izany, ny masoivohom-pirenena tsirairay avy dia miandraikitra indrindra ny fampiasana ny fahefana nomen'ny Tale jeneralin'ny Tranombaro-bolamena azy ary mahakasika ny faritra ananany fahefana.

And. 13. – Ny masoivoho tsirairay avy dia mitana tsy ho maty andro ny (na ireo) kaontim-bola mifandray amin'ny matoandraharahany ka ny drafitr'ireo kaonty dia mandray indray ilay nampiasaina tamin'ny fitantan-kaonty ifotony momba ny Tranombaro-bolamena.

And. 14. – Ny tahirin'ny Tranombaro-bolamena mikasika ireo asan'ny masoivoho dia apetraka ao amin'ny biraon'ny « Trésor » ao amin'ny faritra iadidiana. Na dia izany aza, ny Tranombaro-bolamena dia afaka manokatra, amin'ny farafahakelin'ny zavatra ilain'ny masoivoho andavanandro, ireo kaonty any amin'ny banky na any amin'ny paositra amin'ny toerana izay itoerany.

Art. 15. – Les agences rendent compte de leurs activités au Directeur Général du Comptoir de l'Or, outre les obligations à elles imposées par le Titre III du décret n° 95-326 du 03 Mai 1995 portant création du Comptoir de l'Or.

CHAPITRE II : DU COMITE DE GESTION.

Art. 16. – Le Comité de Gestion est un organe d'audit interne au Comptoir de l'Or.

Art. 17. – Le Comité de Gestion a pour mission d'assurer la conformité de la politique appliquée par le Comptoir de l'Or à la politique nationale sur l'or ainsi que le suivi et le contrôle technique et financier des activités du Comptoir de l'Or et de ses Agences sur tout le territoire national.

Art. 18. – Le Comité de Gestion adresse un compte-rendu annuel de ses activités au Ministère de tutelle, sans préjudice des comptes-rendus supplémentaires que ce dernier peut lui demander en cours d'exercice, pour les besoins de l'administration de l'Etat.

Art. 19. – Le Comité de Gestion est composé de :

- un (1) représentant du Ministère des Mines ;
- un (1) représentant du Minis-

And. 15. – Ireo masoivoho dia manao tatitra momba ny asa ataony amin'ny Tale jeneralin'ny Tranombaro-bolamena, ankoatr' ireo fepetra voadidy harahina araka ny lohateny III amin'ny didim-panjakana faha-95-326 tamin'ny 3 mey 1995 ananganana ny Tranombaro-bolamena

TOKO II : MOMBA NY KOMITY MPITANTANA.

And. 16. – Ny komity mpitantana dia rantsa-mangaika iray anaovana « *audit* » ao anatin'ny Tranombaro-bolamena.

And. 17. – Ny asan'ny Komity mpitantana dia fiantohana raha mifanaraka ny politika ampiharina ny Tranombaro-bolamena sy ny politika-pirenena mikasika ny volamena ary koa ny fizohiana sy ny fanaraha-maso teknika sy ara-bola ireo matoan-draharahan'ny Tranombaro-bolamena sy ireo masoivohony manerana ny tanim-pirenena.

And. 18. – Ny Komity mpitantana dia manolotra tatitra isantaona momba ireo matoan-draharahany any amin'ny Minisitara mpiahy, izay tsy manakana ny fangatahan'ny Minisitara mpiahy tatitra fanampiny amin'ny komity mpitantana mandritra ny taom-piasana noho ny zavatra ilain'ny fandraharaham-panjakana.

And. 19. – Ny Komity mpitantana dia misy :

- solontena iray avy amin'ny Minisitara miandraikitra ny Harana an-kibon'ny tany;
- solontena iray avy amin'ny

tère chargé des Finances ;

- un (1) représentant du Ministère chargé de la Justice ;
- un (1) représentant du Ministère chargé des Forces Armées ;
- deux (2) représentants des Agences agréées ;
- un (1) représentant du Comptoir de l'Or.

Chaque membre du Comité de gestion dispose d'un suppléant.

Art. 20. – Le Comité de Gestion dispose d'une antenne locale dénommée Comité local de Gestion compétente sur la zone d'activité d'une agence du Comptoir de l'Or.

Le Comité local de Gestion adresse un compte-rendu trimestriel de ses activités au Ministère de tutelle, sans préjudice des comptes-rendus qu'il est tenu d'adresser au Comité de Gestion.

Art. 21. – Le Comité local de Gestion est composé de :

- un (1) représentant de la Direction Provinciale chargée des Mines du ressort ;
- un (1) représentant de la Commune du ressort de l'Agence ;
- un (1) représentant de la Gendarmerie du ressort ;
- un (1) représentant des Agences agréées du ressort.

Chaque membre du Comité de

Ministère maindraikitra ny Fitantanam-bola ;

- solontena iray avy amin'ny Ministère miandraikitra ny Fitarana ;
- solontena iray avy amin'ny Ministère miandraikitra ny Foloalindahy ;
- solontena roa avy amin'ireo masoivoho nankatoavina ;
- solontena iray avy amin'ny Tranombaro-bolamena.

Ny mambra tsirairay avy amin'ny Komity mpitantana dia manana mpisolotoerana avy.

And. 20. – Ny Komity mpitantana dia manana fifandraisana eo an-toerana atao hoe Komity mpitantana eo an-toerana mahefa amin'ny faritra anaovana ny ranoan-draharahan'ny masoivohon'ny Tranombaro-bolamena.

Ny Komity mpitantana eo an-toerana dia manana fifandraisana eo an-toerana atao hoe Komity mpitantana eo an-toerana mahefa amin'ny faritra anaovana ny ranoan-draharahan'ny Masoivohon'ny Tranombaro-bolamena.

And. 21. – Ny Komity mpitantana eo an-toerana dia misy :

- solontena iray avy amin'ny foibem-paritany miandraikitra ny Harena an-kibon'ny Tany any an-toerana ;
- solontena iray avy amin'ny Kaominina iadidian'ny masoivoho eo an-toerana ;
- solontena iray avy amin'ny Zandarimaria ao amin'ny faritra iadidiany ;
- solontena iray avy amin'ireo masoivoho nankatoavina eo an-toerana.

Ny mambra tsirairay ao amin'ny

Gestion local dispose d'un suppléant.

Art. 22. – Les taux des indemnités des membres du Comité de gestion ainsi que ceux du Comité local de Gestion seront fixés par arrêté conjoint des Ministres chargés respectivement des finances et des Mines.

Les membres du Comité de Gestion sont nommés par arrêtés du Ministre chargé des Mines sur proposition des entités concernées.

Art. 23. – Le mandat des membres de la Gestion est de deux (2) ans. Il est renouvelable pour la même durée.

Art. 24. – Les représentants du Ministère chargé des Mines assurent la présidence des Comités de Gestion.

Art. 25. – A peine de nullité, chaque intervention du Comité de Gestion est effectuée par trois (3) de ses membres au moins.

Le Comité de gestion peut procéder à sa convenance à tout contrôle des documents techniques et financiers tenus par le comptoir de l'Or ou ses Agences.

Komity mpitantana eo an-toerana dia manana mpisolotoerana avy.

And. 22. – Ny sandan'ny tambin-karama omena ireo mambra ao amin'ny Komity mpitantana ary koa ireo ao amin'ny Komity mpitantana eo an-toerana dia ho ferana araka ny didim-pitondrana iarahan'ny Minisitry miandraikitra ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Minisitry miandraikitra ny Fitantanam-bola manao.

Ireo mambra ao amin'ny Komity mpitantana dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitry miandraikitra ny Harena an-kibon'ny tany araka ny tolo-kevitra ireo voakasik'izany.

And. 23. – Ny fe-potoana hiasan'ireo mambra ao amin'ny Komity mpitantana dia roa (2) taona. Azo havaozina izany amin'ny fe-potoana mitovy.

And. 24. – Ireo solontenan'ny Minisitry miandraikitra ny Harena an-kibon'ny tany no miadidy ny f-tarihana ireo Komity mpitantana.

And. 25. – Mba tsy hahafaona azy, ny fandraisan'anjara tsirairay avy ataon'ny Komity mpitantana dia ataon'ny mambra telo farafahakeliny.

